

NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2015

Liahona



**Mahatakatra ny sorona
masina nataon'ny
Mpamonjy, p. 34**

**Nahoana no tsy fahotana
ny fahalemena, p. 20**

**Ny tokony hatao mba hampahomby
ny takarivan'ny mpianakavy, pp. 10, 80**



*“Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivi-folo any an-efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy?
“Ary rehefa hitany iny, dia ataony eo an-tsorony, ka dia faly izy.*

Lioka 15:4–5



HAFATRA

4 Hafatra avy amin' ny Fiadidiana Voalohany: Miantso antsika mba hanana herimpo ny Filoha Monson

Nosoratan'ny Filoha
Thomas S. Monson

7 Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano: Ireo toetran'i Jesoa Kristy—Tsy mamitaka na tsy mihatsaravelatsihy

LAHATSORATRA
MANOKANA

14 Ny hery mitarika ara-panahy ananan'ny vehivavy

Nosoratan'i Starla Awerkamp Butler
Mihoatra lavitra noho ny hitan'ny masonao ny hery mitarika anananao amin' ny maha-vehivavy anao.

EO AMIN' NY FONONY

Eo amin' ny fonony: *Ilay lalana mankany Damaskosy*, nataon'i Liz Lemon Swindle, tsy azo adika. Eo amin'ny fonony aloha ao anatin'ny: Sary nalain'i Jim Jeffery. Eo amin'ny fonony ambadika ao anatin'ny: Sary nalain'i Cody Bell.

20 Tsy fahotana ny fananana fahalemena

Nosoratan'i Wendy Ulrich
Mianara manavaka ny fahotana sy ny fahalemena ary ny fomba hanovana ny fahalemena ho tonga tanjaka.

26 Fivavahana madio

Nosoratan'ny Loholona
W. Christopher Waddell
Vakio ireo dingana telo hanaovana asa fanompoana feno fitiavana.

30 "Mila Anao aho"

Nosoratan'i Jonathan H. Westover
Nanova zavatra be dia be teo amin'ilay fianakaviana naman'ny fiangonana ny fihirana hira iray tao amin' ny fihirana.

34 Ilay sorona feno fitiavana sy masina nataon'ny Mpamonjy

Nosoratan'ny Filoha Boyd K. Packer
Afaka manefa ny trosa ara-panahin'ny fahotana sy ny fahatsapana ho meloka isika amin' ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

80 100 taona nanaovana takarivan'ny mpianakavy

Nanasa ny mpikambana mba hanomboka hanao takarivan'ny mpianakavy ny Filoha Joseph F. Smith sy ireo mpanolotsainy tamin' ny 1915 ka nanazava ny endriny sy ny tanjony ary ny fitahiana azo avy aminy.

DEPARTEMANTA

8 Miresaka an'i Kristy Isika: Ny herin'ny finoana


Nosoratan'i Amber Barlow Dahl

10 Ny tokantranontsika, ny fianakaviansika: Takarivan'ny mpianakavy—Vitanao izany!

12 Fianarana Filazantsara: Nitsangana tamin' ny maty Izy

Nosoratan'ny Filoha David O. McKay

40 Ny Feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany



44

- 44 Mandrosoa amim-pinoana**
Nosoratan'ny Loholona
Anthony D. Perkins
Mianara avy amin'i Nefia mikasika ny zavatra atao rehefa miatrika fandraisana fanapahan-kevitra lehibe ianao.



Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Fanampiana: Aiza no azonao ampirehetana labozia?



54

- 49 Sary: Katsaho Izy**
- 50 Noho i Joseph**
Nosoratan'i Ted Barnes
Misy fomba enina farafahakeliny maha-hafa ny fiainanao noho ny Mpaminany Joseph Smith.
- 53 Ny Mpaminany Velona**
Nosoratan'ny Filoha Ezra Taft Benson
Adama? Nefia? Mosesy? Mety ho taitra ianao amin' ny fahafantarana hoe iza no mpaminany manan-danja indrindra.
- 54 Ny ohatry ny Mpamonjy amin' ny fankatoavana**
- 58 Sehatra ho antsika**
- 60 Inona no hatao mba ho hendry?**
Nosoratan'ny Loholona
Neil L. Andersen
Inona no fahasamihafana misy eo amin' ny fahendren'izao tontolo izao sy ny fahendren'Andriamanitra?
- 61 Mivantana**
- 62 Vala Iray, Mpiandry Iray**
Ny fahatakarana ny antsipirian'ny asan'ny mpiandry ondry dia afaka mampanakaiky bebe kokoa antsika amin' ny Mpamonjy.
- 64 Fanontaniana sy Valiny**
Ahoana no hahafahako tsy hihafahafa raha hiresaka olana amin' ny evekako?



75

- 66 Iza no maherifonao?**
Nosoratan'i Charlotte Mae Sheppard
Natahotra i Ellie hilaza amin' ny mpianatra hoe iza ilay maherifony.
- 68 Ny vavaka sy ny katedraly**
Nosoratan'i McKelle George
Nianatra lesona manan-danja iray momba ny vavaka i Dani rehefa nitsidika katedraly iray tany Angletera.
- 70 Vavolombelona Manokana: Nahoana no tena manan-danja ny mankatò?**
Nosoratan'ny Loholona
Russell M. Nelson
- 71 Hevitra Tsara**
- 72 Fotoan'ny soratra masina: Nanasitrana boka iray i Jesoa**
Nosoratan'i Erin Sanderson
- 74 Sarin'olona avy ao amin' ny soratra masina: Nanasitrana ny marary i Jesoa Kristy**
- 75 Ny lalana marina**
Nosoratan'ny Loholona
Claudio D. Zivic
Misy fiantrakany lehibe ny fanarahana ny lalana marina.
- 76 Ho an'ny Ankizy Madinika: Fantatro fa tia ahy i Jesoa**
Nosoratan'i Jane McBride Choate

Gazetiboky iraisam-pirehena an' Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ny Fiadidiana Voalohany: Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

Mpanomana ny fanontana: Craig A. Cardon

Mpanorohevitra: Mervyn B. Arnold, Christoffel Golden, Larry R. Lawrence, James B. Martino, Joseph W. Sitati

Tale mpitantana: David T. Warner

Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana

sy ny Mpikambana: Vincent A. Vaughn

Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana: Allan R. Loyborg

Mpitantana ny Fandraharahana: Garff Cannon

Mpitantana ny Fanontana: R. Val Johnson

Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana: Ryan Carr

Mpanampy amin'ny famoahana: Lisa Carolina López

Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:

Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Mindy Ann Leavitt, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

Tale Mpitantana ny Hai-tao: J. Scott Knudsen

Talen'ny Hai-tao: Tadd R. Peterson

Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao: Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hinkley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:

Collette Nebeker Aune

Talen'ny Famoahana: Jane Ann Peters

Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana: Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Katie Duncan, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty

Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana: Jeff L. Martin

Talen'ny Fanaovana Printy: Craig K. Sedgwick

Talen'ny Fanaparahana: Stephen R. Christiansen

Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagagascar:

Bâtiment Robert 5, Face Complex

Fokontany Manarintsoa Est

Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanada dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanaparahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org, amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandy, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalzy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietnamiana (Ny fivoahana'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirehena nanoratana azy)

© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natontana tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

For Readers in the United States and Canada:

April 2015 Vol. 15 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

Fanovoazan-kevitra ho an'ny Takarivan'ny Mpianakavy

Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto manaraka ireto misy ohatra anankiroa.



"Mila Anao aho," pejy 30: Afaka ny hisy fiantraikany mahery vaika eo amin'ny fiainantsika ny tonon'ilay hira "Mila Anao aho" toy nanampian'izany an'i Pak Mi-Jung mba hanapa-kevitra ny hatao batisa. Mieritretra fotoana iray izay nitanhian'ny tonon'ny hira iray tao amin'ny fihirana ny fiainanao ka zarao amin'ny fianakavianao izany. Asao ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana mba hifidy hira iray tena tiany ao amin'ny fihirana dia angataho izy mba hilaza ny fomba nitahian'izany ny fiainany. Dia iarahao mihiara amin'ny fianakavianao ny hira tsirairay. (Azonao halavaina mandritra ny herinandro vitsivitsy izany.)

"Ny vavaka sy ny katedraly," pejy 68: Rehefa avy mamaky ity tantara ity ianao dia aseho amin'ny sary na tanisao ireo fiangonana samihafa ao amin'ny tanànanao ary resaho miaraka amin'ny fianakavianao ireto fanontaniana ireto hoe: Inona no zavatra sasantsasany mampitovy antsika amin'ny finoana hafa? Inona no zavatra tsapan'ny Ray any an-danitra mikasika ny zanany rehetra? Ahoana no tokony handraisantsika ny olona izay tsy mitovy finoana amin-tsika? Azonao ampiasaina ny lahatsoratra "Balancing Truth and Tolerance" nosoratan'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo (*Liahona*, Feb. 2013, 28–35) mba hanampiana amin'ny famaliana ireo fanontaniana ireo.

AMIN' NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fiangonana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny languages.lds.org.

LOHAHEVITRA AO AMIN' ITY LAHARANA ITY

Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.

Alahelo, 30, 41

Asa atao any amin'ny tempoly, 30, 43

Asa fitoriana, 26, 42

Asa fitoriana, 40

Fahafahana misafidy, 4, 20, 44

Fahafatesana, 30, 41

Fahatsapana ho meloka, 20, 34

Fahotana, 20, 34

Famelan-keloka, 20, 34

Famerenana amin'ny laoniny, 50

Fanahy Masina, 30, 41, 42, 43, 44, 50, 58

Fanapahan-kevitra, 44, 60, 75

Fanasitranana, 8, 72, 74

Fankatoavana, 44, 54, 58

Fianakaviana, 10, 50

Fibebahana, 34, 64

Fifadian-kanina, 30

Finoana, 8, 20, 44

Fiovampo, 30

Fisoronana, 50

Fitiavana, 76

Fitsanganana tamin'ny maty, 12, 49

Herimpo, 4

Hira, 30, 40

Ireo Didy, 70, 75

Jesoa Kristy, 7, 8, 12, 20, 26, 34, 49, 54, 62, 66, 72, 74, 76

Joseph Smith, 12, 50

Mpaminany, 53

Mpitarika ao amin'ny Fiangonana, 53, 64

Ohatra, 14, 66

Pôrnôgrafia, 34

Satana, 34, 61

Sorompanavotana, 20, 34, 49

Takarivan'ny mpianakavy, 10, 80

Testamenta Vaovao, 54, 62, 72, 74

Toetra araka an'Andriamanitra, 58

Vavaka, 68

Vehivavy, 14



Nataon'ny
Filoha Thomas S.
Monson

Miantso antsika mba hanana

HERIMPO


ny Filoha Monson

Manoloana antsika tsy tapaka ny fandraisana fanapahan-kevitra, hoy ny Filoha Thomas S. Monson.

Mba handraisana azy ireny amimpahendrena dia mila fahasahiana isika hoy ny toroheviny—“ilay fahasahiana hiteny tsia, ilay fahasahiana hiteny eny. Ny fanapahan-kevitra raisintsika no mamaritra ny hoavintsika.”¹

Ao anatin'ireto teny notsongaina manaraka ireto dia mampahatsiahy ny Olomasin'ny Andro Farany ny Filoha Monson fa izy ireo dia mila fahasahiana hijoro amin' ny fahamarinana, hiaro ny zavatra inoany ary hiatrika ilay izao tontolo izao izay mandà ireo soatoavina sy fitsipika mandrakizay.

“Tonga amintsika tsirairay tsy tapaka ilay antso mba hanana fahasahiana,” hoy izy. “Tahaka izany ny fisehony hatrizay ary ho toy izany foana.”²



Ahazoana fankasitrahana avy amin'Andriamanitra ny herimpo

“Hiatrika tahotra ary hiaina fanalam-baraka sy fanoherana avokoa isika. Aoka isika—isika rehetra mihitsy—hanana herimpo hanohitra ny hevitra ironan’ny olona sy hanana herimpo hiaro ny fitsipika ijoroantsika. Ny herimpo, fa tsy ny marimaritra iraisana, no mitondra ilay tsiky maneho ny fankatoavan’Andriamanitra. Ny herimpo dia lasa fomba fiainana sy hatsaran-toetra mahasarika ny saina rehefa raisina tsy ho toy ny fahavononana ho faty amim-boninahitra fotsiny ihany, fa ho toy ny fahavononana hiaina amim-pahamendrehana. Rehefa mandroso isika sady miezaka miaina araka ny fomba tokony hiainantsika dia azo antoka fa hahazo fanampiana avy amin’ ny Tompo ary hahita fampaherezana ao anatin’ny teniny.”³

Miaritra amin-kerimpo

“Inona no dikan’ny hoe maharitra? Tiako ity famaritana ity: *miaritra amin-kerimpo*. Mety ilainareo ny herimpo mba hinoana ary indraindray dia ho ilaina izany rehefa mankatò ianareo. Tena ho ilaina tokoa izany mba haharetanareo mandra-pahatongan’ily andro hialanareo eto amin’ity fiainana an-tany ity.”⁴

Manàna herimpo hijoro amin’ ny fahamarinana

“[Enga] anie ianareo hanana herimpo hijoro mafy amin’ ny fahamarinana. Koa satria ny fironana misy eto amin’ ny fiaraha-monina ankehitriny dia miala tanteraka amin’ ny soatoavina sy ny fitsipika izay nomen’ny Tompo, dia azo antoka fa hisy fotoana maro izay tsy maintsy hiantsoana anareo hiaro ny zavatra inoanareo. Raha tsy mafy orina tsara ny fijoroana ho vavolombelona anananareo dia ho sarotra ho anareo ny hijoro eo anatrehan’ny fanarabian’ireo izay mihantsy ny finoanareo. Raha mafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananareo momba ny filazantsara sy ny Mpamonjy ary ny Raintsika any an-danitra dia hisy fiantraikany amin’ ny zavatra rehetra hataonareo mandritra ny fiainanareo izany.”⁵

Mila manana herimpo ara-panahy sy ara-pitondrantena isika

“Matetika mihitsy no mifanohitra amin’ ny zavatra tiant-sika mba harahan’ny zanatsika sy hajainy ireo hafatra ampitaina amin’ ny fahitalavitra sy amin’ ny horonantsary ary amin’ ny alalan’ireo fampitam-baovao hafa [ankehitriny]. Tsy hoe ny mampianatra azy ireo mba hatanjaka ara-panahy sy ara-potopampianarana ihany no andraikitsika fa ny manampy azy ireo koa mba hijanona ho toy izany foana na inona hery any ivelany mety mifanena amin’izy ireo. Hitaky fotoana sy ezaka bebe kokoa avy amintsika izany—ary mba hahafahana manampy ny hafa dia ny tenantsika aloha no mila manana herimpo ara-panahy

sy ara-pitondrantena hanoherana ny ratsy hitantsika eny rehetra eny.”⁶

Enga anie isika hanana herimpo hatrany

“Eo am-piatrehantsika ny fiainantsika andavanandro dia saika tsy azo hialana ny fisedrana ny finoantsika. Misy fotoana mety voahodidinin’ ireo hafa isika, kanefa mahatsiaro ho vitsivitsy an’ isa na mety ho irery mihitsy aza, raha ny mahakasika izay zavatra azo ekena sy izay tsy azo ekena. . . .

“Enga anie isika hanana herimpo sy ho vonona hatrany hijoro amin’ ny zavatra izay inoantsika, ary raha ilaina ny mijoro irery dia enga anie isika hanao izany amin-kerimpo tokoa, ary ho feno hery noho ny fahafantarana fa raha ny marina dia tsy irery mihitsy isika rehefa mijoro miaraka amin’ ny Raintsika any an-danitra.”⁷ ■

FAMPIANARANA AVY AMIN’ITY HAFATRA ITY

Azonao atao ny manontany ireo izay ampianarinao mba hieritreritra toejavatra iray hiseho amin’ ny herinandro ambony—any an-trano na any an-tsekoly na any am-piangonana—izay hitaky fihetsika feno herimpo avy amin’izy ireo. Mety hiatrika tahotra, hizaka olana henjana na hijoro amin’ ny finoany na hanapa-kevitra ny hankatò bebe kokoa ny filazantsara izy ireo. Asao izy ireo mba hizara ny eritreriny na hanoratra izany.

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Ny Dingana Telon’ny Safidy,” *Liahona*, nôv. 2010, 67, 68.
2. Thomas S. Monson, “The Call for Courage,” *Liahona*, mey 2004, 55.
3. Thomas S. Monson, “Mahereza sy Matanjaha,” *Liahona*, mey 2014, 69.
4. Thomas S. Monson, “Minoa, Mankatoava, ary Mahareta,” *Liahona*, mey 2012, 129.
5. Thomas S. Monson, “Aoka Hanana Herimpo Ianareo,” *Liahona*, mey 2009, 126.
6. Thomas S. Monson, “Three Goals to Guide You,” *Liahona*, nôv. 2007, 118.–19.
7. Thomas S. Monson, “Sahia Mijoro Irery,” *Liahona*, nôv. 2011, 60, 67.

Hanao amin' ny hafa ny zavatra nataon'i Sarah tamiko

Nosoratan'i McKenzie Miller

Nanana fahasahiranana aho tamin' ny fampiasana ny finoako mba hoentina mamaly fanontaniana tsotra toy ny hoe "Fa maninona ianao no tsy misotro kafe?" Taloha aho dia nampiasa fialan-tsiny toy ny hoe "mangidy loatra ilay izy" na "tsy tiako ny tsirony."

Nahoana aho no menatra? Nahoana aho no natahotra nijoro tamin' ny zavatra ninoako? Rehefa manao jery todika aho dia tsy fantatro mazava tsara hoe inona no nampatahotra ahy. Saingy tsaroako tsara ny fotoana nijanonako tsy hiafina ao ambadiky ny fialan-tsiny intsony.

Indray andro nandritra ny fotoam-pianarana ny taranja teny Anglisy tao amin' ny lisea nisy ahy, dia nanambara ilay mpampianatra fa hijery sombin'ny fandaharana iray vokarin'ny fahitalavitra izahay izay fantatro fa tsy tokony hojereko. Raha nientanentan'ny hafaliana ny mpianatra hafa dia nanangana ny tanany kosa i Sarah mpiara-mianatra amiko ary nangataka raha afaka mandeha izy.

Rehefa nanontanian'ny mpampianatra ny antony i Sarah dia namaly tamin' ny fomba mahitsy izy hoe, "Satria aho Môrmôna dia tsy mijery fandaharana feno teny ratsy."

Nahavariana ilay herimpony hiaro ny finoany teo anoloan'ny kilasy. Noho ny nataon'i Sarah dia niaro ny finoako koa aho ka niandry izay hahavitan'ilay fandaharana tany ivelany sady nandry eritreritra.

Niova tanteraka aho tamin'izay. Nanomboka nanazava ny finoako aho fa tsy nanao izay tsy hiresahana an'izany. Ary noho izany dia lasa natoky tena aho ary nandray anjara bebe kokoa tamin'ireo hetsika natao tany am-piangonana sy tany am-pianarana.

Tsy nambarako velively tamin'i Sarah hoe nanan-danja lehibe tamiko ny ohatra nasehony, saingy niezaka nanaraka ilay ohatry ny fahatokian-tena nasehony aho. Tsapako ankehitriny fa tsy zavatra tokony hahamenatra mihitsy ny maha-mpikambana ao amin'ilay Fiangonana tena tsara sy masina izay an'Andriamanitra. Manantena aho hoe amin' ny alalan'ny ohatra asehoko dia mba ho afaka ny hanao amin' ny hafa ny zavatra nataon'i Sarah tamiko aho.

Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.

HO AN'NY ANKIZY

Herimpo hita ao anatin'ny soratra masina

Mampianatra antsika ny Filoha Monson mba hanana herimpo ary hiaro ny zavatra inoantsika. Misy ohatra maro momba ireo olona nampiseho herimpo ao anatin'ny soratra masina. Vakio ny soratra masina eo akaikin'ny anarana tsirairay. Ahoana no fomba nanehoan'ireo olona ireo herimpo sy niaro ny zavatra fantany fa marina? Ampiasao ireo faritra malalaka ireo mba hanoratana na hanaovana sary ny valinteninao.

Joseph Smith (Joseph Smith—Tantara 1:11–17)

Daniela (Daniela 6:7, 10–23)

Samoela ilay Lamanita (Helamàna 13:2–4; 16:1–7)

Estera (Estera 4:5–14; 5:1–8; 7:1–6)

Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantarana izay tokony hozaraina. Ahoana no hahafahan'ny fahatakarana ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny anjara asany hampitombo ny finoanao Azy sy hitahy ny fiainan'ireo olona izay iandraiketanao amin' ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny reliefsociety.lds.org.

Ireo toetran'i Jesoa Kristy: Tsy mamitaka na tsy mihatsaravelatsihy

Ity hafatra ity dia anisan'ily andiana hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano izay maneho ireo toetran'ny Mpamonjy.

Ny fahatakarana fa i Jesoa Kristy dia tsy mamitaka ary tsy mihatsaravelatsihy dia hanampy antsika hiezaka amim-pahatokiana hanaraka ny ohatra nasehony. Hoy ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) tao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: “Ny atao hoe mamitaka dia manambaka sy mitarika any amin' ny lalan-diso. . . . Ny olona iray tsy mamitaka dia olona tsy manantsiny, mahitsy fo aman-tsaina, madio eritreritra, ary hita taratra eo amin' ny fiainany ilay fihetsika tsotra maneho ny fampifanarahany ny zavatra ataony isan'andro amin'ireo fitsipiky ny fahamasinana. . . . Mino aho fa ny filana ny mpikambana mba tsy hamitaka dia tena ilaina haingana kokoa amin'izao fotoana izao mihoatra noho ny tamin' ny fotoana hafa satria maro eto amin'izao tontolo izao no toa tsy mahatakatra ny maha-zava-dehibe ity hatsaran-toetra ity.”¹

Hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany mikasika ny



fihatsaravelatsihy hoe: “Tsy misy tena manana toetra tahaka ny an'i Kristy araka izay fantatray fa tokony hahatongavanay izahay. Kanefa maniry amim-kitsimpo izahay ny handresy ireo fahadisoanay sy ny fironanay hanota. Amin' ny fonay sy ny fanahinay no hiezahanay ho lasa tsaratsara kokoa miaraka amin' ny fanampian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.”²

Fantatsika fa “hotsaraina araka izay vitantsika sy ny fanirian'ny fontsika isika ary araka ny karazan' olona izay hiafarantsika.”³ Kanefa rehefa miezaka ny mibebaka isika dia ho lasa madio kokoa—ary “sambatra ny madio am-po: fa hahita an'Andriamanitra” (Matio 5:8).

Soratra Masina Fanampiny

Salamo 32:2; Jakoba 3:17;
1 Petera 2:1–2, 22

FANAMARIHANA

1. Joseph B. Wirthlin, “Without Guile,” *Ensign*, may 1988, 80, 81.
2. Dieter F. Uchtdorf, “Andao Hiaraka Aminay,” *Liahona*, nov. 2013, 23.
3. *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 1.2.1.



**Finoana,
Fianakaviana,
Fanampiana**

Avy ao amin' ny Soratra Masina

Tsy mba mamitaka ny ankizy madinika. Hoy i Jesoa Kristy hoe: “Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza rarana: fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra. . . . Ary nitroto [ny ankizy] Izy, dia nametra-tanana taminy ka nitso-drano azy” (Marka 10:16).

Nanombo ny ankizy tany Amerika koa i Kristy taorian'ny Fanomboana Azy. Nodidiany ny olona mba hitondra ny ankizy madininy ho eo aminy ary “nape-trany tamin' ny tany manodidina Azy [izy ireo] , ary nijoro teo afovoany i Jesoa; . . .

“ . . . [Ary] dia nitomany [Izy], ary ny valalabemandry dia va-volombelona nanambara izany, ary nalainy tsirairay ny ankizy madininy ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo. . . .

“Ary raha nijery izy ireo mba hitazana, dia nanandratra ny masony nankany an-danitra izy ireo, ary . . . nahita anjely nidina avy tany an-danitra miova tsy ny teo afovoan'ny afo; ary nidina ireny sy nanodidina ireo ankizy madinika ireo; . . . ary ny anjely dia nanombo azy ireo” (3 Nefia 17:21–24).

Eritrreto Ity

Inona no zavatra azontsika ianarana avy amin' ny ankizy madinika momba ny toetra tsy mba mamitaka? (Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, “Fitaka.”)

NY HERIN'NY FINOANA

Nosoratan'i Amber Barlow Dahl

Raha toa ka afahan'ny Ray any an-danitra amin'ireo olana sedraintsika isika satria nangatahantsika tsotra fotsiny izy hanao izany, dia hanakana antsika tsy hiaina toe-javatra maro tena ilaina amin'ny famonjena antsika izy.

Indray taona tany amin'ny oniversite raha teo am-panaovana fanadinana aho dia nanomboka narary ny hatoko. Tsy nitsahatra ilay fanaintainana na dia efa nilefa aza ny tebiteby tamin'ny fanaovana fanadinana. Nanatona dokotera sy kinésithérapeute aho ary nanandrana fitsaboana isan-karazany saingy mbola nitohy ny fanaintainana. Sady sahirana mafy tamin'ny fizakana izany fanaintainana izany aho nandritra ilay taona nanaraka no sahirana koa tamin'ny fampitomboana ny finoako. Nanokana fotoana bebe kokoa hanaovana vavaka aho, nandalina soratra masina aho ary nangataka tsodranon'ny fisoronana. Nahatsapa aho fa raha toa ka manana finoana ampy fotsiny dia ho sitrana.

Nanasitrana ny marary, ny jamba, ny malemy ary ny boka i Jesoa Kristy—“araka ny finoan' [izy ireo]” (Matio 9:29). Fantatro fa nanana hery hanasitrana ahy Izy toy ny nataony tamin'ireo maro nandritra ny fiainany teto an-tany. Nosintoniko avy amin'izany fa ny tsy fananako finoana ihany no nana-kana ahy tsy ho sitrana, ka dia nampitomboako be dia be ny ezaka nataoko. Nivavaka, nifady hanina, ary nandalina sy nino aho tao anatin'ny fanohizana ny kinésithérapie. Kanefa tsy nisava ny fanaintainako.

Ny soratra masina dia mampianatra antsika fa afaka manatanteraka fahagagana isika amin'ny alalan'ny finoana (jereo ny Matio 17:20), kanefa dia tsy niala tamiko ity fanaintainana kely ity. Aiza ilay hery mifandray amin'ny finoako? Farany dia nanaiky mangina ny toe-javatra nahazo ahy aho ary nahita fomba ahafahana mizaka ilay tsy

fahazoako aina, ary lasa faly ny hahazo fahatakarana feno mikasika ny finoana sy ny fahasitrana amin'ny ho avy.

Taona maro taty aoriana aho dia niresaka tamin'ny namana iray izay nianjadian'ny fandoavana nampijaly ary nahatonga azy hiditra hopitaly mihoatra ny indray mandeha nandritra ny fitondrany vohoka. Naniry ny hanan-janaka iray hafa i Erin saingy natahotra izy sao hizaka ilay tsy fahazoana aina niainany nandritra ny fitondrany vohoka voalohany. Nilaza tamiko izy fa nifady hanina sy niva-vaka ary tena nino fa tsy hanao izay hiverenan'izany aminy fanindroany indray ny Ray any an-danitra.

Rehefa niresaka izahay dia tsaroako ilay soratra masina hoe, “Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no

Andriamanitra” (Salamo 46:10). Nieritritra ny zavatra niainako manokana aho mba hianatra ny ho tony ao anatin'ny fotoam-pijaliana, ka dia namporisika an'i Erin hanohy ny fananana finoana aho saingy tsy tokony hampiankina izany finoana izany amin'ny fandoavany na tsia mandritra ilay fitondrany vohoka manaraka izy.

Rehefa nanohy nandalina ny fitsipiky ny finoana aho dia namaky ny lahatenin'i Almà momba ny finoana izay ampianarany hoe “raha manampinoana ianareo, dia manantena ny zavatra izay tsy hita nefa marina” (Almà 32:21).

Rehefa nisaintsaina io soratra masina io aho dia nahatsapa fa tsy araka ny nieritretako azy ny finoana. Ny finoana araka ny nampianarin'i Almà



MANDRESY IREO FITSAPANA

“Moa ve tsy ahitana ny fahendren'ny [Ray any an-danitra] ny fanomezany antsika fitsapana mba horesena, ary andraikitra mba hotanterahina ary asa atao hampamafy ny hozakerintsika ary fahoriana hisedrana ny fanahintsika? Moa va isika tsy misedra fakam-panahy mba hitsapana ny tanjatsika, aretina mba hianarantsika faharetana, fahafatesana mba hahatonga antsika ho tsy mety maty sy omem-boninahitra?”

“Raha toa ka sitrana daholo ireo marary rehetra izay entintsika amimbavaka, ary raha toa ka voaro daholo ny olo-marina rehetra ary naringana daholo ny olon-dratsy rehetra, dia ho rava ilay drafity ny Ray iray manontolo ary hitsahatra ilay fitsipika fototry ny filazantsara, sy ny fahafahana misafidy. Tsy hisy olona hiaina amin'ny alalan'ny finoana intsony.”

Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985), *Enseignements des Présidents de l'Église: Spencer W. Kimball* (2006), 15.



antsika dia fananana fanantenana amin'ireo fitsipika marina. Ny hoe manana finoana dia tsy midika hoe mino isika fa homen'ny Ray any an-danitra antsika foana izay zavatra angatahantsika amin' ny fotoana angatahantsika izany. Ny fananana finoana fa hositrainin'i Kristy ny hatoko na tsy hampan-doaviny intsony i Erin mandritra ny fitondrany vohoka dia tsy fananana finoana amin'ireo fitsipika marina. Saingy afaka manana finoana isika fa manana ny hery hanasitrana i Kristy ary miraharaha antsika Izy sy ham-patanjaka antsika, ary raha maharitra tsara isika dia ho mendrika ny hahazo ny fiainana mandrakizay.

Nampanantena ny Tompo hoe, "Na inona na inona zavatra angatahinao amin' ny finoana, rehefa mino fa hahazo ianao amin' ny anaran'i Kristy, dia ho azonao izany" (Enôsa 1:15). Mino aho fa ny hery mifandray amin'io

fampanantenana io dia hita ao anatin'ilay torohevitra mba hino "amin' ny anaran'i Kristy." Ny fanazavana atolo-try ny Bible Dictionary mikasika ny vavaka dia mampianatra antsika hoe: "Mivavaka amin' ny anaran'i Kristy isika rehefa mitovy amin' ny eritreritr'i Kristy ny eritreritsika, ary mitovy amin' ny zavatra irin'i Kristy ny zavatra irintsika— rehefa mitoetra ao anatintsika ny teniny (Jaona 15:7). Dia mangataka ireo zavatra izay azon'Andriamanitra atolo-try isika avy eo. Betsaka ireo vavaka izay mitoetra tsy misy valiny satria tsy amin' ny anaran'i Kristy velively izy ireny; tsy maneho velively ny eritreriny izy ireny, fa vokatry ny fitiavan-tenan'ny fon'ny olona."

Rehefa mangataka zavatra ombampinoana isika izay mifanaraka amin' ny sitrapon'Andriamanitra dia hanome izany antsika araka ny fanirantsika Izy. Ny Ray any an-danitra dia tia sy

mahafantatra antsika, ary maniry ny hanome antsika izay zavatra rehetra ilaina mba hiverenantsika eo anatrehany. Ahitana fitsapana sy olana ao anatin'izany indraindray (jereo ny 1 Petera 1:7). Raha toa ka afahan'ny Ray any an-danitra amin'ireo olana sedraintsika isika satria nangatahantsika tsotra fotsiny Izy hanao izany, dia hanakana antsika tsy hiaina toe-javatra maro tena ilaina amin' ny famonjena antsika Izy. Tsy maintsy mianatra miantehitra amin' ny drafitr'Andriamanitra ho antsika isika ary mampandefitra ny sitrapontsika ka manaiky ny Azy. Rehefa mampifanaraka ny fanirantsika amin' ny faniriany isika ary manaiky ny fiantehantsika tanteraka Aminy, dia afaka ho mendrika ny handray "ny anton'ny finoana[tsika], dia ny famonjena ny fanahin[tsika]" (1 Petera 1:9). ■
Mipetraka any Washington, Etazonia ny mpanoratra.

TAKARIVAN'NY MPIANAKAVY— VITANAO IZANY!

Afaka mitahy anao sy mampatanjaka anao ny takarivan'ny mpianakavy na manao ahoana na manao ahoana ny endriky ny fianakavianao.

Nody tao an-trano niaraka tamin' ny havizanana ny raim-pianakaviana iray rehefa avy niasa nandritra ny tontolo andro ary nahita fa tratran'izany fahatsapana fahasorisorenana izany koa ny fianakaviany. Alatsinainy hariva tamin'izay ary toa tsy ho vita izany hanao takarivan'ny mpianakavy izany. Rehefa avy nanao vavaka mba hahazoana fanampiana ilay ray sy reny dia nanapa-kevitra ny hanao zavatra tso-tsotra. Nantsoin'izy ireo mba hiaraka ny fianakaviany, dia nihira hira tao amin' ny fihirana izy ireo ary niaraka nivavaka. Nomen'izy ireo labozia kely iray ny olona tsirairay mba hampirehetina rehefa miresaka zavatra izay nantentana ny fanahiny voa haingana izy ireo. Naneho ireo fanentanampianahy azo ny hazavan'ireo labozia tao anatin'ilay efitrano maizina ary nampifantoka ny sain'ireo zanaka. Rehefa nandeha ny fizarana fijoroana ho vavolombelona dia nisy fahatsapana fiadanana sy fitiavana mamy tonga tao an-trano. Namarana ny alina tamim-pankasitrahana fa nahavita takarivan'ny mpianakavy ilay fianakaviana.

Moa ve fantatrao fa efa fomba fanaon'ny Fiangonana nandritra ny 100 taona ny takarivan'ny mpianakavy? Ny volana Aprily 1915, dia nanome torolalana ny mpikambana ny Fiadidiana Voalohany mba hanokana hariva anankiray isan-kerinandro hiarahan'ny mpianakavy mivavaka, mihira, mianatra ny filazantsara, mifampizara tantara ary miara-mientana. (Jereo ao amin'

ny pejy 80 ny sombiny avy amin'izany taratasin'ny Fiadidiana Voalohany izany.) Manohy mampahatsiahy antsika ny maha-zava-dehibe ny takarivan'ny mpianakavy ireo mpaminany. “Tsy afaka ny tsy hiraharaha ity fomba fanao novolavolain'Andriamanitra ity isika,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson. “Afaka mitondra fivoarana ara-panahy ho an'ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana izany ary manampy azy hanohitra ny fakam-panahy izay hita na aiza na aiza.”¹

Ireto misy toetra vitsivitsy tokony hotsaroana rehefa ampidirinao ao anatin'ny herinandronao ny takarivan'ny mpianakavy:

Miantefa amiko izany. “Ho an'ny rehetra ny takarivan'ny mpianakavy,” hoy ny Loholona L. Tom Perry ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.² Isika rehetra—na manambady na tokan-tena, na manan-janaka na tsia—dia afaka manokana fotoana mba hanamafisana orina ny fianakaviana sy hianarana ny filazantsara.

Afaka mahita fotoana aho. Ny fiangonana dia maneho ohatra amin' ny alalan'ny tsy fanasiana hetsika any am-piangonana ny alatsinainy hariva. Afaka mampiseho amin' ny Tompo sy ny fianakavianao ianao fa vonona ny hanokana fotoana ho an'ny zavatra manan-danja indrindra.

Afaka mahita izay zavatra mety amin' ny fianakaviako aho. Raha toa ka mipetraka any amin' ny toerana samihafa ny fianakavianao, dia miezaha

manao “takarivan'ny mpianakavy en ligne” mba hiresahana amin'ireo olona ao amin' ny fianakavianao en ligne na amin' ny alalan'ny telefaonina. Moa ve misy olona taraiky be vao mirava? Manaova “takarivan'ny mpianakavy eo amin' ny zaridaina azon'ny rehetra aleha” eo akaikin'ilay toeram-piasana mandritra ny fotoana fakana aina kely. Nisy raim-pianakaviana iray efa nisarampanambadiana nanao “takarivan'ny fanoratana taratasy ho an'ny fianakaviana” isaky ny alatsinainy, ka dia nanoratra ho an'ireo zanany nipe-traka lavitra izy.³ Aoka ireo sakantsakana ho lasa zavatra mandrisika ny tena hitady hevitra tsaratsara kokoa.

Afaka manomboka amin'ity herinandro ity aho. Azo arindra araka ny zavatra ilain'ny tokantranonao sy ny toe-javatra iainana ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto misy sosokevitra amin' ny ankapobeny vitsivitsy:

- Atombohy sy farano amin' ny vavaka ny fotoana.
- Ampiasao ny mozika ka tafiditra ao anatin'izany ny hira ao amin' ny fihirana sy ny hiran'ny Kilonga.
- Mianara avy amin' ny soratra masina sy ireo mpaminany maoderina.
- Ampidiro ao anatin'izany isan-kerinandro ireo karazana fampiasam-batana, asa fanompoana, fiaraha-mientana mifototra amin' ny filazantsara.
- Mahazoa fahafinaretana! Manaova kilalao na mihinana sakafo maivana.
- Ataovy tsy tapaka izany. Raha tsy vitanao ny manao izany isaky ny Alatsinainy dia mitadiava andro iray hafa izay mahamety izany.

Te hahazo ireo fitahiana aho. Nampanantena ny mpaminany fa raha mandray anjara amin' ny takarivan'ny mpianakavy isika dia fitahiana lehibe no ho vokatr'izany: Hitombo ny



fitiavana sy fanka-
toavana ao an-tokantrano.
Hitombo ny finoan'ireo zatovo. “Ha-
nana hery hiadiana amin’ ny herin’ny
ratsy sy ny fakam-panahy” izay manodidina azy ireo ny fianakaviana.⁴

Na dia tsy ho tonga lafatra foana aza ny takarivan’ny mpianakavinao dia hatanjaka sy ho voatahy kosa ny fianakaviano noho ny ezaka ataonao. “Faoka indray mandehan’ny borosindoko eo amin’ ny sary hosodokon’ny fanahintsika ny takarivan’ny mpianakavy tsirairay,” hoy ny nampianarin’ny Loholona David A. Bednar ao amin’ ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo. “Tsy misy fotoana iray hafa velively izay mety ho tena hanaitra sy tsy ho hay hadinoina noho izany. Saingy

rehefa mifameno ireo faoka indray mandehan’ny borosindoko . . . dia manome sangan’asa iray tena mahatalanjona, dia toy izany koa ny fanaovantsika tsy tapaka ireo zavatra izay toa kely nefa mitondra vokatra manan-danja ara-panahy.”⁵ ■

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Constant Truths for Changing Times,” *Liahona*, may 2005, 19.
2. L. Tom Perry, “Therefore I Was Taught,” *Ensign*, may 1994, 38.
3. “Family Home Evening: Any Size, Any Situation,” *Ensign*, des. 2001, 42.
4. Fiadidiana Voalohany, ao amin’ ny James R. Clark, natambatra ao amin’ ny *Messages of the First Presidency of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints*, boky miisa 6. (1965–75), 4:339.
5. David A. Bednar, “Hazoto sy Hikarakara Bebe Kokoa ao An-tokantrano,” *Liahona*, nov. 2009, 19–20.

ATAOVY LAHARAM-PAHAMEHANA AMBONY INDRINDRA

“Manoro hevitra ireo ray aman-dreny izahay mba hanao ho laharam-pahamehana ambony indrindra ny vavaky ny mpianakavy, ny takarivan’ny mpianakavy, ny fandalinana sy fampianarana ny filazantsara ary ny fanaovana fiaraha-mientan’ny mpianakavy izay mahasoa. Na dia mendrika sy tsara aza ny zavatra ilaina atao na fiaraha-mientana hafa dia tsy tokony havela izany hanolo toerana ireo andraikitra masina manokana izay ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana ihany no afaka manatanteraka azy tsara.”

Taratasy avy amin’ ny Fiadidiana Voalohany, 11 feb. 1999.

NITSANGANA TAMIN' NY MATY IZY

Finoana an'i Kristy izay tsy voahozongozona no tena ilain'izao tontolo izao ankehitriny.



Nosoratan'ny Filoha David O. McKay (1873–1970)

Filohan'ny Fiangonana fahasivy

Teraka tamin' ny 8 Septambra 1873 i David O. McKay. Notendrena

ho Apôstôly izy ny 9 aprily 1906, raha 32 taona, ary ny 9 aprily 1951, dia notohanana ho Filohan'ny Fiangonana fahasivy. Ity manaraka ity dia sombiny avy tamin' ny lahateny iray nataony nandritra ny fihao-namben'ny Fiangonana volana aprily 1966. Hita ao amin' ny tatitry ny fihao-nambe, apr. 1966, 55–59 ny lahateny feno.

Raha toa ny fahagagana ka tranga mihoatra ny herin'olombelona ary tsy takatry ny fahalalan'olombelona ny antony mahatonga azy dia ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy amin' ny maty izany no fahagagana tena mahatalanjona indrindra nisy hatramin'izay. Mi-seho ao anatin'izany ny maha-mahefa ny zava-drehetra an'Andriamanitra sy ny tsy fahafatesan'ny olona.

Fahagagana ny Fitsanganana amin' ny maty saingy eo amin'ilay lafiny mahatonga azy tsy ho takatry ny sain'ny olona ihany anefa izany no mitombina. Ho an'ireo rehetra izay manaiky izany ho toy ny zava-nisy, dia fisehoan'ny lalàn'ny fiainana

ILAY KRISTY VELONA

Vakio ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy nataon'ireo apôstôly sy mpaminany maoderina ao amin' ny *Liahona*, apr. 2000, 2–3.

tsy tapaka tsotra fotsiny izany. . . .

Raha raisinao ho toy ny zava-nisy ny hoe naka indray ny vatany i Kristy dia niseho tamin' ny endrika olona nitsangana tamin' ny maty sy feno voninahitra, dia voavalinao ilay fanontaniana manan-danja indrindra tao anatin'ny fotoana rehetra hoe: “Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?” (Joba 14:14).

Ireo vavolombelon'ny Fitsanganana amin' ny Maty

Azo antoka tsara fa ilay Fitsanganana'i Kristy tamin' ny maty ara-bakiteny avy ao am-pasana dia tena zava-nisy tokoa ho an'ireo mpianany izay nahafantatra Azy akaiky. Tsy nanana fisalasalana velively momba izany izy ireo tao an-tsainy. Vavolombelon'ny zava-nitranga izy ireo. Fantatr'izy ireo izany satria ny mason'izy ireo dia nahita, ny sofin'izy ireo dia nandre ary ny tanan'izy ireo dia nahatsapa ilay fanatrehana ara-batan'ny Mpanavotra nitsangana tamin' ny maty.

Toy izao no nolazain'i Petera, lehiben'ny Apôstôly, nandritra ilay fotoana izay nivorian'ny iraikambinifololahy mba hifidianana izay ho solon'i Jodasy Iskariota: “Koa amin'ireo lehilahy [ireo] . . . dia tokony hisy anankiray ho namantsika mba ho vavolombelon'ny nitsanganany” (Asan'ny Apôstôly 1:21–22). . . .

Nandritra ny fotoana anankiray hafa dia nanambara izao manaraka izao i Petera teo anoloan'ireo fahavalony, tsy iza fa ireo lehilahy namono an'i Jesoa teo amin' ny hazofijaliana: “Ry lehilahy Isiraely, mihainoa izao teny izao;

. . . Izany Jesosy izany dia efa natsangan'Andriamanitra, ary vavolombelon'izany izahay rehetra” (Asan'ny Apôstôly 2:22, 32). . . .

Vavolombelona fanampiny

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia miara-mijoro tanteraka amin'i Petera sy Paoly ary Jakôba sy ny Apôstôly rehetra hafa tany am-piandohana izay nanaiky ny Fitsanganana tamin' ny maty ho tsy hoe tena marina arabakiteny fotsiny fa nanaiky izany ho toy ny fahatanterahan'ny asa masina nanirahana an'i Kristy teto an-tany.

Valonjato sy arivo taona taorian'ny nahafatesan'i Jesoa teo amin' ny hazofijaliana dia nanambara ny Mpaminany Joseph Smith fa niseho taminy ny Tompo nitsangana tamin' ny maty, ka toy izao no nolazainy: “Nahita olona roa aho, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famariparitany sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin' ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*” (Joseph Smith—Tantara 1:17). . . .

Raha toa ka ny fijoroan'i Joseph Smith ho vavolombelona ihany no hany nananantsika dia ho toy ny tsy manan-danja araka ny filazan'i Kristy ny fijoroana ho vavolombelona nanany izany rehefa niresaka momba ny tenany Izy. Saingy nanana ny fijoroan'Andriamanitra ho vavolombelona sy ny fijoroan'ireo Apôstôly ho vavolombelona i Jesoa. Ary i Joseph Smith dia nanana vavolombelona hafa [izay] nanamafy ny fijoroana ho vavolombelona [nananany], ary ny fahamarinan'izany dia nampahafantarina tamin' ny



alalan'ny fisehoan'ny anjely Môrônia tamin'izy ireo. . . .

. . . Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany [koa] dia manambara ny fahamarinan'ilay fahitana lehibe hitan'ny Mpaminany Joseph Smith:

“Ary ankehitriny, aorian' ireo tenivavolombelona maro izay efa natao momba Azy, dia inty ny tenivavolombelona, ny farany amin' ny rehetra, izay ataonay momba Azy: Fa velona Izy!” (F&F 76:22). . . .

Eo anatrehan'ireo fijoroana ho vavolombelona tsy azo lavina izay nozarain'ireo Apôstôly fahiny ireo —fijoroana ho vavolombelona izay voarakitra taona vitsy taorian'ny nisehoan'ny ilay toe-javatra—eo

anatrehan'ilay fanambarana tena mahagaga mikasika ny fahitana an'ilay Kristy velona amin'izao vanim-potoana izao, dia toa tena saro-takarina ny antony mahatonga ny olona mbola mandà Azy ary miahiahy ny amin' ny tsy fahafatesan'ny olona.

Ny zavatra ilaintsika amin'izao fotoana izao

Finoana an'i Kristy izay tsy voahozongozona no tena ilain'izao tontolo izao ankehitriny. Mifono zavatra lavitra noho ny fahatsapana tsotra fotsiny izany. Hery mitondra any amin' ny fanaovana asa izany ary tokony ho tena fototr'ireo hery mandrisika rehetra eo amin' ny fiainan'ny olombelona. . . .

Raha mba “manao ny sitrapony”

tokoa mantsy ny olona, ka hampitraka ny masony any an-danitra sy hahafantatra fa nitsangana tamin' ny maty i Kristy fa tsy hijery amim-pahakiviana ilay fasana maizina! . . .

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia manambara amin'izao tontolo izao fa Zanak'Andriamanitra i Kristy, ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao! Tsy misy mpanaradia marina ho afa-po amin' ny fanekena Azy ho toy ny mpitondra fihaovazana na mpampianatra tena tsara tsotra fotsiny izany na hoe hany olona tonga lafatra koa aza. Ilay Lehilahy avy any Galilia dia Zanak'Andriamanitra Velona—*ara-bakiteny*—fa tsy arakevitra ao an-tsaina fotsiny. . . .

Tena nateraka indray

Tsy misy olona afaka manapakevitra amin-kitsimpo hampihatra ny fampianaran'i Jesoa Kristy avy any Nazareta eo amin' ny fiainany izany raha tsy efa nahatsapa fiovana teo amin' ny tenany iray manontolo izy. Ilay andian-teny hoe “nateraka indray” dia mifono dikany lalina kokoa no izay iheveran'ny olona maro azy. . . . Sambatra ny olona izay tena nahatsapa ilay hery manazava ny saina amam-panahy sy mitondra fiovana izay tonga avy amin'io fanakaikezana ny Mpamonjy io sy io fifandraisana akaiky amin'ilay Kristy velona io. Feno fankasitrahana aho noho ny fahafantarako fa Mpanavotra ahy i Kristy. . . .

Ny hafatry ny Fitsanganana amin' ny maty . . . no hany hafatra tena mampahery sy tena lehibe indrindra nomena ny olona hatramin'izay, satria rehefa sarahin'ny fahafatesana amin-tsika ny olon-tiantsika anankiray dia maivana ny alahelo ao am-pontsika noho ilay fanantenana sy fahatokiana masina ambara ao anatin'ireto teny ireto: “*Tsy ato Izy fa efa nitsangana araka izay nolazainy!*” [jereo ny Matio 28:6; Marka 16:6].

Fantatro amin' ny foko manontolo fa resin'i Jesoa Kristy ny fahafatesana ary satria velona ny Mpanavotra antsika dia ho velona koa isika. ■

Fanampin-dohateny novaina; natao manarapenitra ny sorabaventy sy ny mari-tsoratra.

NY HERY MITARIKA ARA-PANAHY ANANAN'NY

"Miantso ny vehivavin'ny Fiangonana izahay hiaraka hijoro ho an'ny fahamarinana. . . . Hitako ho toy ny loharanom-panantenana mazava iray izany eto amin'ity izao tontolo izao ity." —Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008)



VEHIVAVY



Moa ve isika mahafantatra ny herin'ny tanjaka ara-panahintsika?

Nosoratan'i Starla Awerkamp Butler

Vehivavy mahafinaritra sy manetry tena maro ao amin' ny Fiangonana no manao asa fanompoana feno fanoloran-tena kanefa tsy mahatsapa ny fiantraikany lalina avy amin'izany—amin' ny maha-ohatra azy ireo eo amin' ny fanaovana asa fanompoana ara-nofy ary koa amin' ny maha-lova itoeran'ny tanjaka ara-panahy azy ireo. Iray tamin' ny vehivavy toy izany ny renibeko, Cherie Petersen. Nanompo tamim-pahatokiana tao anatin'ny antso tsotsotra izy teo amin' ny fiainany. Raha anontaniana izy dia hilaza fa tsy dia manana talenta maro atolotra an'izao tontolo izao. Kanefa rehefa nanomboka namantatra ny fiainany aho dia nahatsapa ny halehiben'ny fiantraikan'ny tanjaka ara-panahy nananany teo amin' ny fiainako.

Nijanona tsy niangona ny ray aman-drenin'i Cherie, dia nisaraka raha mbola kely izy ary lehibe tany amin'i Florence reniny izy izay niasa foana. Olona tsy noraharahiana bebe kokoa noho izany aza i Florence tamin' ny fahazazany satria notaizana tany amin' ny sekolin'ny kilasimandry izy raha niaina ny fiainan'izao tontolo izao i Georgia reniny. Na dia teo aza ireo olana natrehany tao anatin'ny fitaizana azy dia navitrika foana tao amin' ny filazantsara i Cherie ary nandeha niangona tamim-pahatokiana niaraka tamin' ny fianakavian'i Elizabeth reniben'ny reniny na niaraka tamin' ny namany. Hitany tao anatin'ny fianakavian'izy ireo ny zavatra tiany hiseho amin' ny fianakaviany manokana. Tsy fantany mazava tsara ny tokony ho endrik'izany fianakaviana izany, saingy fantany hoe inona no tsy tokony ho hita ao anatin'izany ary vonona ny hanao izay tsy hampitovy ny fianakaviany any aoriana amin'izany izy.

Hoy ny vadin'i Cherie—i Dell dadabeko—tamiko indray mandeha hoe, “Raha te hanana fijoroana ho vavolombelona ianao dia mila maniry ny hanana izany. Naniry ny hanana fijoroana ho vavolombelona foana i Cherie.” Na dia nandalo fahasahiranana maro aza izy ireo tany am-piandohan'ny fanambadiany dia naneho fahavononana ny hitoetra ho matanjaka foana izy ireo amin' ny maha-fianakaviana azy. Tsy dia navitrika loatra izy ireo nandritra ny taona voalohany nivadiany noho ny ora fiasan'i Dell, saingy nanosika an'i Cherie hanomboka hiangona ny antso nomena

ZANAKAVIVIN' ANDRIAMAMITRA, NATAON'I KATHLEEN PETERSON, TSY AZO ADIKA

azy tao amin' ny Kilonga, ary fotoana fohy taty aoriana dia nanaraka azy niangona i Dell rehefa lasa mpanorohevitra tao amin' ny Kôlejin'ny diakona. Samy navitrika sy natanjaka tao am-piangonana izy ireo nanomboka tamin'izay. Ny fahavononan'i Cherie hanompo sy ny fanapahan-kevin'ny hanorina fianakaviana matanjaka dia nanampy ny reniko ho lasa vehivavy matanjaka toy izao, ary ny ohatra nasehon'ny reniko dia nanampy ahy hamolavola ny fiainako indrindra amin'izao izaho manomboka manorina ny fianakavioako manokana izao.

Afaka manana hery mitarika lalina ara-panahy amin'ireo olona manodidina antsika isika amin' ny maha-vehivavy antsika. I Joseph Smith dia nampianatra tokoa fa ny anjara asantsika dia "tsy hoe manampy ny mahantra fotsiny fa mamonjy fanahy koa."¹ Nantsoin'i Jesoa Kristy ny vehivavin'ny Fiangonana mba ho mpianany ary mba hatanjaka ara-panahy. Tena zava-dehibe ho an'ny fampivoarana ny asa famonjena ny tanjaka sy ny hery mitarika ara-panahy ananantsika ary mila mitady fotoana tsara mba hahafahana mampatanjaka ara-panahy ireo manodidina antsika isika. Rehefa manao izany isika dia haharitra mihoatra lavitra noho izay azon'ny masontsika jerena ny hery mitarika entin'ny finoantsika sy ny fahamarinan-toetrantsika.

Nantsoina mba ho mpianany

Nanoratra ny Loholona James E. Talmage (1862–1933) tao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe, "Ny mpanohana lehibe indrindra ny vehivavy sy ny toetra maha-vehivavy eto amin'izao tontolo izao dia i Jesoa ilay Kristy."² Eritrereto ohatra ny zavatra nampianariny an'ireo mpianany vehivavy anankiroa tao amin' ny Testamenta Vaovao, dia i Maria sy i Marta izany. Manazava ny boky *Filles dans mon Royaume* hoe: "Ny Lioka 10 dia ahitana ny tantaran'i Marta izay nanokatra ny tranony ho an'i Jesoa. Nanompo ny Tompo tamin' ny alalan'ny fikarakarana ny zavatra ilainy ara-nofo izy ary i Maria kosa nipetraka teo an-tongotry ny Mpampianatra ary nigoka ny fampianarany.

"Tao anatin'izany vanim-potoana izay nandraisana ny vehivavy ho tsy manao afa-tsy asa fanompoana ara-nofo ihany, dia nampianatra an'i Marta sy i Maria ny Mpamonjy fa afaka mandray anjara amin' ny lafiny ara-panahy ao amin' ny asany koa ny vehivavy. Nanasa azy ireo Izy mba ho lasa mpianany sy hahazo anjara amin' ny famonjena, 'ilay anjara tsara' izay tsy hoesorina velively amin'izy ireo."³

Indraindray isika manana eritreritra diso toa an'i Marta fa ny andraiketry ny vehivavy voalohany dia ny manao asa

fanompoana ara-nofo, toy ny fanolorana sakafo, manjaitra, manadio ho an'ny hafa. Fahazoizantena sarobidy sy lalina izany asa fanompoana atolotra izany, kanefa ankoatry ny ilan'ny Tompo ny rahavavy izay afaka manjaitra sy mahanandro dia tena ilainy ny vehivavy manana hery ara-panahy izay hita taratra eo amin' ny fiainany ny finoany sy ny fahamarinany ary ny fiantrany.



Taranaka efatra: Elizabeth (ankavia), mihazona an'i Florence zafikeliny vavy. Annie (eo afovoany) izay tonga tany Utah niaraka tamin' ny ray aman-dreniny ary renin'i Elizabeth. Georgia (ankavanana) zanakavavin'i Elizabeth, saingy nandao ny Fiangonana i Georgia sy i Florence zanany vavy. I Elizabeth izay mahatoky no nanampy an'i Cherie zafiafina sy ny taranak'i Cherie hiverina amin' ny filazantsara.

Fantany fa manana zavatra maro azo atolotra isika. Miantso antsika i Jesoa Kristy mba hampivelatra ny tanjaka sy ny fahafaha-manao ara-panahy ananantsika *rehetra* ary handray andraikitra eo anatrehan'ilay fanambarana mba hanampy amin' ny fampandrosoana ny asany. Hoy i Linda K. Burton, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany, tamin'ireo rahavavy hoe: "Nalefa ety ambonin'ny tany amin'izao fotoampitantanana izao ianao noho ny maha-ianaon'ny anao sy noho ny zavatra nomanina mba hataona! Na inona na inona zavatra ataon'i Satana mba handresena lahatra antsika hieritreritra hoe iza moa isika, dia mpianatr'i Jesoa Kristy ihany no tena marina!"⁴


Fantatry ny Tompo isika sy ny toe-javatra iainantsika ary manana asa mba ho ataontsika tsirairay avy Izy eto ambonin'ny tany. Tsy

misy izany hoe rahavavy kely talenta loatra na zara raha manana talenta ka tsy afaka ny ho hery ara-panahy amin' ny tsara sy hampanatona ny hafa an'i Kristy izany. Manana andraikitra mba ho lasa mpitarika ara-panahy isika any an-tokantrantsika sy eo amin' ny fiaraha-monintsika amin' ny alalan'izany hery masina ao anatintsika izany. Ny Loholona M. Russell Ballard ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanambara hoe: "Ny rahavavy tsirairay ato am-piangonana izay nanao fanekempihavanana tamin' ny Tompo dia manana andraikitra masina hanampy amin' ny fanavotana ny fanahy, ho mpitarika ireo vehivavin'izao tontolo izao, hampatanjaka ny tokantranon'i Ziona, ary hanangana ny fanjakan'Andriamanitra."⁵

Tsy mila manana toerana ambony na manao zavatra miavaka isika mba hanampiana ny manodidina antsika hanao safidy izay hitondra azy ireo akaiky kokoa an'i Jesoa Kristy—izany no andraikitsika manan-danja indrindra. Misy fiantraikany lalina ny zavatra lehibe indrindra na ny zavatra kely indrindra ataontsika eo amin' ny fiainan'ny olona iray na roa na ao anatin'ny fianakaviansika fotsiny aza.

Vehivavy ao anatin'ny asa famonjena

Misy hira iray ao anatin'ny fihirana tena ankafizin'ny maro izay milaza hoe: "Nampiandraiketina ny vehivavy ny asa ataon'ny anjely, ary fanomezana asongadintsika izany



amin' ny maha-rahavavy antsika.”⁶ Manana zavatra maro azo atolotra ho an'ireo olona izay tiantsika isika. Ny Loholona Richard G. Scott ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nizara tantara mikasika ny fiantraikan'ny tanjaka arapanahin'ny vehivavy anankiroa teo amin' ny fiainany:

“Fony aho mbola ankizy dia tsy mpi-kamban'ny Fiangonana ny raiko ary lasa mpikambana malaindaina ny reniko. . . . [N]amangy anay i Bebe Whittle volana vitsivitsy taorian'ny fahafenoako valo taona. Nampiasa saina an'i Bebe ny hoe, tsy mbola vita batisa na izaho na ny zokiko lahy. Tsy fantatro izay nolazainy tamin' ny ray aman-dreniko mikasika izany, saingy ny fantatro dia nentiny tany amin' ny zari-daina fitsangantsanganana sy filalaovana izaho sy ny rahalahiko indray maraina ary nozarainy taminay ny zavatra tsapany momba ny maha-zava-dehibe ny hoe atao batisa sy ny fanatrehana tsy tapaka

*“Nampianatra an'i
Marta sy i Maria ny
Mpamonjy fa afaka
mandray anjara eo
amin' ny lafiny ara-
panahy ao amin'
ny asany ny vehi-
vavy. Nasainy izy
ireo mba ho mpia-
nany ary hahazo
anjara amin' ny
famondjena.”*

ny fivoriam-piangonana. Tsy tadidiko amin' ny antsipiriany ireo zavatra nolazainy saingy nampihetsi-po ahy ny zavatra nolazainy ary natao batisa izaho sy ny rahalahiko fotoana fohy taorian'izay. . . .

“Fahasahiana sy fanajana tena amin' ny antonony no nampiasain'i Bebe mba hanampiana ny rainy hahatsapa ny maha-zava-dehibe ny fitondrana anay amin' ny fiarakodia any am-piangonana mba hanatrika ireo fivoriany. Nampiany tamin' ny fomba tsara rehetra izahay mba hahatsapa ny filana ny filazantsara eo amin' ny fiainany.”⁷

Ny loharano faharoa nahazoana tanjaka arapanahy dia i Jeanene vadin'ny Loholona Scott. Rehefa nampiaraka izy ireo dia nanomboka niresaka momba ny hoavy. Naneho ny faniriany hanambady olona avy nanao asa fitoriana any amin' ny tempoly i Jeanene izay lehibe tao anatin'ny tokantrano iray tena nanome lanja ny asa fitoriana. Nisy fiantraikany lehibe



ZAZAKELY, NATAONI KATHLEEN PETERSON, TSY AZO ADIKA

tamin' ny Loholona Scott izany izay tsy dia nieritreritra loatra ny hanao asa fitoriana talohan'izany. "Lasa nody aho ary tsy afaka nieritreritra zavatra hafa ankoatr'io. Tsy natory aho ny alina iray manontolo. . . . Taorian'ny vavaka maro dia nanapa-kevitra ny hihaona tamin' ny evekako aho ary nanomboka nameno ny antontan-taratasy hirotsahana ho misiõnera."⁸ Na dia nomen'i Jeanene torolalana sy famporisihana aza izy dia hoy ny Loholona Scott hoe, "Tsy nangataka ahy mba handeha hanao asa fitoriana *ho azy velively i Jeanene*. Tiany aho ka nozarainy tamiko ny zavatra inoany ary dia nomeny fahafahana aho hisafidy ny lalam-piainako. Samy nandeha nanao asa fitoriana izahay ary nofehezina tany amin' ny tempoly taty aoriana. Ny herimpon'i Jeanene sy ny fanolorantenany ho an'ny finoany no singa fototra namaritra ny fiainanay roa. Azoko antoka fa tsy ho nahita ilay fahasambarana azonay izahay raha tsy teo ilay finoana matanjaka mikasika ny fitsipiky ny fanaovana ho lohalaharana ny fanompoana ny Tompo. Ohatra tena

Misy hira iray tena ankafizin'ny maro milaza hoe: "Nampian-draiketina ny vehivavy ny asa ataon'ny anjely, ary fanomezana angatahintsika izany amin' ny maharahavavy antsika." Manana zavatra maro azo atolotra ho an'ireo olona izay tiansika isika.

tsara sy feno fahamarinan-toetra izy!"⁹

Ny hery mitarika ara-panahy nentin'ireo vehivavy manana toetran'anjely ireo teo amin' ny fiainany dia nanampy an'ity tovolahy vao herotrerony ity—Loholona Scott—handray fanapahan-kevitra faran'izay manan-danja teo amin' ny fiainany: hatao batisa, hanao asa fitoriana ary hanambady any amin' ny tempoly.

Afaka manampy ny hafa hanao safidy tsara isika amin' ny alalan'ny ohatra sy ny fihetsika asehontsika ary amin' ny alalan'ny tenintsika sy ny fahamarinan-toetrantsika. Ny Rahavavy Carole M. Stephens, mpanolotsaina voalohany ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany dia nanambara hoe, "Zanakavavin'ny fanekempihavanana ao amin' ny fanjakan'ny Tompo isika, ary manana fahafahana ho tonga fitaovana eo am-pelatanany. . . . Mandray anjara amin' ny asa famonjena isan'andro amin' ny fomba bitika sy tsotra isika—mifampikarakara sy mifampatanjaka ary mifampianatra."¹⁰ Rehefa

miantehitra amin' ny Fanahy isika ary mibosesika mandroso amin' ny fanaovana ezaka amin-kitsimpo sy amimpanetrentena mba hanampiana ireo manodidina antsika hanakaiky kokoa an'i Kristy, dia hotarihina any amin'izay zavatra azontsika atao isika sy homena ny hery hanaovana izany ary hahatsapa ilay fifaliana azo avy amin' ny fitondrana ny zanak'Andriamanitra hanatona Azy.

Lasa hery mitarika ara-panahy

Noho ny fahafantarana ny andraikitsika dia mety hanontany isika toy ireo mpianatra taloha hoe: "Inona no hataonay" (Asan'ny Apôstôly 2:37) mba ho lasa hery mitarika ara-panahy? Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana vao haingana dia nanasa ireo rahavavy ny Rahavavy Burton mba haka sary an-tsaina ireo takela-javatra ara-panahy azo heverina izay misy soratra hoe 'fanampiana tadiavina' ka mifandray amin' ny asa famonjena:

- Fanampiana tadiavina: ray aman-dreny mitaiza ny zanany ao anatin'ny fahazavana sy fahamarinana
- Fanampiana tadiavina: zanakavavy . . . , rahavavy. . . . nenitoa . . . , zanaky ny mpiray tampo, ray aman-drenibe, ary tena namana mpanoro hevitra sy manolotra tanana enti-manampy eny amin' ny lalan'ny fanekempihavanana
- Fanampiana tadiavina: ireo izay mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina sy manao asa mifanaraka amin'ireo fahatsapana azony
- Fanampiana tadiavina: ireo izay miaina ny filazantsara isan'andro amin' ny fomba madinika sy tsotra
- Fanampiana tadiavina: olona manao asa momba ny tantaram-pianakaviana sy manao asan'ny tempoly mba hampiraisana ny fianakaviana mandrakizay
- Fanampiana tadiavina: misiônera sy mpikambana hampielany ny 'vaovao mahafaly'—ny filazantsaran'i Jesoa Kristy
- Fanampiana tadiavina: mpanavotra mba hitady ireo izay very
- Fanampiana tadiavina: mpitandrina ny fanekempihavanana izay mijoro mafy amin' ny fahamarinana
- Fanampiana tadiavina: mpianatra marin'i Jesoa Kristy Tompo."¹¹

Zavatra tsy vaovao ireo, saingy rehefa mikatsaka fotoana tsara ahafahana mandray anjara amin' ny asa famonjena isika dia hampivoatra ny fahafahantsika manampy ny manodidina antsika isika. Hoy ny Loholona Ballard hoe: "Tsy misy zavatra hafa eto amin'ity izao tontolo izao ity izay mitondra tombontsoa ho an'ny tena manokana sy manolokolo ary manova fiainana mihoatra noho ny hery fitaomana ananan'ny vehivavy marina iray."¹² Rehefa mampivelatra ny hery ara-panahintsika isika amin' ny alalan'ny vavaky ny tena manokana sy ny fandalinana soratra masina ary ny fankatoavana tanteraka sy ny fitandremana amimpahatokiaana ny fanekempihavanantsika dia ho lasa izany hery mitarika izany isika.

Mihoatra noho ny zavatra hitan'ny masontsika

Hoy ny Filoha Brigham Young (1801–1877) hoe: "Azo-nareo lazaina ve ny habetsaky ny soa vitan'ny reny sy zanakavavy ao Isiraely? Tsy vita ny mitanisa izany. Ary ny soa izay ataon'izy ireo dia hanaraka azy ireo any amin' ny mandrakizay."¹³

Nisy fiantraikany nihoatra noho ny zavatra hitan'ny masontsika tamin' ny naha-zatovovavy azy teo amin'ireo taranaka nifandimby tao anatin'ny fianakaviany ireo fanapahan-kevitra tsara noraisin'ny renibeko. Ny hery mitarika ara-panahin'ireo vehivavy tao amin' ny fianakaviako anefa dia mbola niitatra lavitra tany aloha tany mihitsy aza. Ny ampahany lehibe tamin' ny tanjaka ara-panahy nananany dia azony avy tamin' ny fijereny an'i Elizabeth izay beben'ny reniny (beben'ny beben'ny reniko). Ny ohatry ny fananana finoana sy fijoroana ho vavolombelona nasehon'i Elizabeth dia nisy fiantraikany lavitra tokoa taty aoriana teo amin' ny taranaka roa nalain-daina ara-pivavahana izay nanampy an'i Chérie zafiafiny hanova ilay toe-javatra fahita hoe fianakaviana malaina sy misaratsaraka ary hiverina hiangona indray.

Rehefa lasa mitondra tanjaka ara-panahy ho an'ireo manodidina antsika isika dia mihoatra lavitra noho izay hitan'ny masontsika ny hery mitarika ananantsika. Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) hoe: "Miantso ny vehivavin'ny Fiangonana izahay mba hiaraka hijoro ho an'ny fahamarinana. Tsy maintsy manomboka izany ao antokantranony izy ireo. Afaka mampianatra izany any amin' ny kilasiny izy ireo. Afaka mitory izany amin' ny fiarahamonina misy azy izy ireo. . . ."

"Hitako ho toy ny loharanom-panantenana mazava iray izany ao anatin'ity izao tontolo izao izay mizotra mankany amin' ny famotehan-tena ity."¹⁴

Rehefa manatanteraka io didy io isika dia handroso haingana ny asan'ny Tompo eto amin'izao tontolo izao sy eo amin' ny manodidina antsika ary eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiainan'ny olona izay tiantsika indrindra indrindra. ■

Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.

FANAMARIHANA

1. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 453.
2. James E. Talmage, *Jésus le Christ*, Boky nivoaka faha-3 (1916), 475.
3. *Filles dans Mon Royaume: L'histoire et l'oeuvre de la Société de Secours* (2011), 3–4.
4. Linda K. Burton, "Mitady: Tanana sy Fo Vonona Hanafaingana ny Asa," *Liahona*, mey 2014, 122–123.
5. M. Russell Ballard, "Women of Righteousness," *Ensign*, apr. 2002, 70.
6. "Nous, Soeurs de Sion" *Cantiques*, no. 201.
7. Richard G. Scott, "Fianarana no Nomeko Anareo," *Liahona*, mey 2014, 32.
8. Richard G. Scott, "Fianarana no Nomeko Anareo", 33.
9. Richard G. Scott, "Fianarana no Nomeko Anareo", 33.
10. Carole M. Stephens, "Misy Antony Lehibe Hifaliansika," *Liahona*, nôv. 2013, 117.
11. Linda K. Burton, "Mitady: Tanana sy Fo Vonona Hanafaingana ny Asa," 124.
12. M. Russell Ballard, "Ny Reny sy Zanakavavy," *Liahona*, mey 2010, 18.
13. *Discourses of Brigham Young*, nofantenan'i John A. Widtsoe (1954), 416.
14. Gordon B. Hinckley, "Standing Strong and Immovable," *Fivoriana Fanofanana ho an'ny Mpitrika Maneran-tany*, 10 Jan. 2004, 20.

TSY FAHOTANA NY FANANANA FAHALEMENA

Nosoratan'i Wendy Ulrich

“**M**oa ve aho tena mendrika ny hiditra ny tranon'Andriamanitra? Ahoana moa no ahafahako miditra any raha toa aho ka tsy lavorary?”

“Azon'Andriamanitra ovaina ho tanjaka tokoa ve ny fahalemeko? Nifady hanina sy nivavaka nandritra ny andro maro aho mba hialan'izany olana izany amiko, saingy toa tsy nisy fiovana.

“Niaina tsy tapaka bebe kokoa ny filazantsara mihoatra noho ny tamin' ny fotoana hafa teo amin' ny fiainako aho tany amin' ny sahan'ny misiona, saingy tsy mba nieritreritra bebe kokoa mikasika ny fahalemeko izany mihitsy aho. Nahoana, satria rehefa tsara ny zavatra nataoko, moa ve indraindray aho naha-tsapa ho tsy mahazo aina?”

Rehefa mandinika fanontaniana toy izany isika, dia zava-dehibe ny mahatakatra fa na dia mampanalavitra antsika tokoa amin'Andriamantira aza ny *fahotana* dia tsy araka ny fieritreretana azy fa dia afaka mitarika antsika hanatona Azy ny *fahalemena*.

Fanavahana ny fahasamihafana misy eo amin' ny fahotana sy ny fahalemena

Mihevitra isika amin' ny ankapobeny fa samy hafa tsotra fotsiny ny halehiben'ny faharatsiana entin'ny fahotana sy ny fahalemena ao amin' ny fanahintsika, ary tsy mitovy ny halehibeny eo amin' ny lafin'ny fandikan-dalàna. Saingy ny soratra masina dia milaza fa efa mifono tsy fitoviana mihitsy ny fahotana sy ny fahalemena ary mitaky fanafana samy

hafa ary samy afaka mitondra vokany samy hafa.

Ny ankamaroantsika dia mahafantatra bebe kokoa ny fahotana na dia tsy miaiky izay loatra aza isika, kanefa ndeha hiverenana ny famaritana azy: ny fahotana dia safidy tsy hankatò ny didin'Andriamanitra na fikomiana amin' ny Fahazavan'i Kristy ao anatintsika. Ny

Tsy fahotana ny fananana fetrapahafahana manao zavatra sy ny fananana fahalemena ary tsy manakana antsika tsy hadio sy ho mendrika ny hanana ny Fanahy izany.





**Na dia mampanalavitra
antsika tokoa amin'Andria-
mantira aza ny fahotana
dia tsy araka ny fieritre-
retana azy fa dia afaka
mitarika antsika hanatona
Azy ny fahalemena.**



fahotana dia safidy ny hatoky an'i Satana fa tsy Andriamanitra, ka mametraka ny tenantsika ho fahavalon'ny Raintsika isika. Tsy tahaka antsika kosa i Jesoa Kristy fa tena tsy nanam-pahotana mihitsy ary nanao sorona ho an'ny fahotantsika. Rehefa mibebaka amin-kitsimpo isika—ka tafiditra ao anatin'izany ny fiovan'ny saintsika, ny fantsika ary ny fihetsika asehontsika; ny fanaovana fialan-tsiny sy fibabohana araka ny tokony ho izy; ny fanarenana ny tsy mety raha azo atao ary ny tsy famerenana izany fahotana izany intsony amin' ny hoavy—dia azon'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy iasana isika, voavelan'Andriamanitra ary madio indray.

Tena ilaina ny madio satria tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoetra eo anatrehan'Andriamanitra. Saingy raha toa ny hany tanjontsika dia ny ho tsy hanan-tsiny tahaka antsika fony niala teo anatrehan'Andriamanitra, dia ho tsara kokoa ho antsika ny matory tsara ao anatin'ny fandrianjazantsika mandritra ny androm-piainantsika sisa. Saingy tonga tety an-tany kosa isika mba hianatra amin' ny alalan'ny fahalalam-piainana hanavaka ny tsara sy ny ratsy, hitombo fahendrena sy fahaiza-manao,

NY FAMPANANTENANA AVY AMIN' NY SOROMPANAVOTANA



“Ny famerenana amin’ ny laoniny izay tsy hainao mamerina amin’ ny laoniny, sy ny fanasitranana ny ratra izay tsy

hainao sitranina, ary ny fanamboarana ny zavatra nosimbainao izay tsy hainao amboarina no tena tanjon’ny sorompanavotan’i Kristy. . . .

“Averiko indray, ankoatra ireo tena vitsy izay lasa any amin’ ny fahaverezana, fa tsy misy fahazaran-dratsy, na fiankinandoha, na fikomiana, na fandikandalàna, na apôstazia, na heloka izay tsy hahazo anjara amin’ ilay fampanantenana famelan-keloka tanteraka. Izany no fampanantenana ao amin’ ny sorompanavotan’i Kristy.”

Filoha Boyd K. Packer, Filohan’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo, “The Brilliant Morning of Forgiveness,” *Ensign*, nov. 1995, 19–20.

hiaina soatoavina izay hajaintsika ary hanao izay hananana ireo toetra masina—fivoarana izay tsy ho azontsika tanterahina ao anatin’ny faritry ny fandrianjaza ahazoana aina tsara.

Manana anjara toerana lehibe ao anatin’ireo tanjona manan-danja eto amin’ ny fiainana an-tany ny fahalemen’ny olombelona. Rehefa niahiahy i Môrônia hoe hahatonga ireo jentilisa handrabiraby zavatra masina ny fahalemeny eo amin’ ny fanoratana dia nanome toky azy tamin’ ny alalan’ireto teny ireto ny Tompo:

“Ary raha manatona Ahy ny olona, dia hasehoko azy ny fahalemeny. Omeko ho an’ ny olona ny fahalemena mba hahazoany mietry; ary ampy ho an’ ny olon-drehetra ny fahasoavako mba hanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manam-pinoana Ahy, amin’ izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy” (Etera 12:27; jereo koa ny 1 Korintiana 15:42–44; 2 Korintiana 12:7–10; 2 Nefia 3:21; sy Jakôba 4:7).

Ny hevitra fonosin’izany soratra masina faheno mahazatra izany dia lalina ary manasa antsika hanavaka ny fahotana (tohanan’i Satana) amin’ ny fahalemena (faritana eto ho toy ny toetra “omen” Andriamanitra antsika).

Mety faritantsika ho toy ny tsy fahampian’ny fahendrena sy hery ary fahamasinana izay azo amin’ ny maha-olombelona ny fahalemena. Amin’ ny maha-olona mety maty antsika dia malemy sy mila miankina amin’ ny hafa isika rehefa teraka ary ahitana tsy fahalavorariana ara-batana sy toetra mora mirona amin-javatra. Tezaina sy voahodidin’ny olona mety maty hafa izay manana fahalemena isika ka tsy araka ny tokony ho izy ny fampianarany sy ny ohatra asehony ary ny fitondrany antsika ary indraindray manimba mihitsy aza. Ianjadian’ny aretina ara-batana sy ara-pihetsehampo ary hanoanana sy havizanana isika ao anatin’ ilay toetra maha-malemy sy mety maty antsika. Miaina ireo fihetsehampo ananan’ny olombelona isika toy ny hatezerana, alahelo, tahotra. Tsy ampy fahendrena, fahaiza-manao, hery haharetana ary tanjaka isika. Ary voahodidin’ny fakam-panahy maro isan-karazany isika.



MANAVAKA NY FAHOTANA SY NY FAHALEMENA

	Fahotana	Fahalemena
Famaritana?	Tsy fankatoavana an'Andriamanitra amim-panahy iniana	Fetram-pahafahana manao zavatra sy fahaosana eo amin' ny olombelona
Loharano nipoirany?	Amporisihin'i Satana	Anisan'ny toetra amin' ny maha-olona mety maty antsika
Ohatra?	Mandika amim-panahy iniana ny didin'Andriamanitra, mino an'i Satana toy izay Andriamanitra	Mety hianjadian'ny fakam-panahy, ny fihetsehampo, ny havizanana, ny aretina ara-batana na ara-tsaina, ny tsifahala-lana, ny fironana mora amin-javatra, ny ratram-po ary ny fahafatesana
Moa ve i Jesoa Niaina Izany?	Tsia	Eny
Inona no tokony havalintsika?	Fibebahana	Fanetrentena, finoana an'i Kristy ary ezaka mba handresena
Inona kosa no havalin'Andriamanitra izany?	Famelan-keloka	Fahasoavana—hery mampahatanjaka
Izay miteraka?	Fahadiovana amin' ny fahotana	Fahazoana fahamasinana, tanjaka

Na dia tsy nanam-pahotana aza i Jesoa Kristy, dia nana tanteraka toa antsika ilay fahalemena izay toetran'ny olona mety maty (jereo ny 2 Korintiana 13:4). Teraka toy ny zazakely malemy tao anatin'ny vatana mety maty Izy ary notezain'ny mpikarakara tsy tonga lafatra. Nila nianatra nandeha, niteny, niasa ary nifanara-tsaina tamin' ny hafa Izy. Niaina hanoanana sy havizanana ary nahatsapa ireo fihetsehampon'ny olombelona Izy ary afaka narary, nijaly, nivoa-dra ary nandalo fahafatesana. Izy dia “efa nalaim-panahy tamin' ny zavatra rehetra tahaka antsika kanefa tsy nanana ota,” nampirotsaka ny tenany hiaina ny fiainana antany mba hahafahany “mahatsapa ny rofintsika” ary hahafahany manampy antsika eo anatrehan'ny rofintsika na ny fahalemensika (Hebreo 4:15; jereo koa ny Almà 7:11–12).

Tsy afaka mibebaka tsotra fotsiny izao isika satria hoe manana fahalemena—ary tsy mahatonga antsika haloto koa ny fahalemena. Tsy afaka mivoatra ara-panahy isika raha tsy *mandà* ny fahotana, saingy tsy mivoatra ara-panahy koa isika raha tsy *manaiky* ilay toetry ny fananan'ny olombelona fahalemena, dia mandray andraikitra eo anatrehan'izany amim-panetrentena sy amim-pinoana ary mianatra matoky an'Andriamanitra amin' ny alalan'ny fahalemensika. Rehefa niahiahy mikasika ny tsy fahatomombanan'ny zavatra nosoratany i Môrônia dia tsy nasain'Andriamanitra nibebaka Izy. Fa nampianarin'ny Tompo kosa izy mba hanetry tena sy hanana finoana an'i Kristy. Rehefa malemy fanahy sy mahatoky isika dia omen'Andriamanitra fahasovanana—fa tsy famelan-keloka—ho fanafodin'ny fahalemensika. Ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina dia mamaritra ny fahasovanana ho toy ny hery mampahatanjaka avy amin'Andriamanitra mba hanaovana ny zavatra tsy vitan'ny tenantsika irery (jereo ao amin' ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ny hoe, “Fahasoavana”)—ilay fanafody avy

amin'Andriamanitra izay ahafahany manao “ny zavatra malemy ho tonga matanjaka.”

Mampihatra fanetrentena sy finoana

Vao miantomboka mihitsy ny fanarahantsika ny Fiangonana, dia ampianarina mikasika ireo singa manandanja mandrafitra ny fibebahana isika, saingy inona marina ny fomba ataontsika mba hampitomboana ny fanetrentena sy ny finoana? Hevero ny mba hanao ireto zavatra manaraka ireto:

- **Mandiniha sy mivavaha.** Noho isika malemy dia mety tsy fantatsika raha toa isika ka miatrika *fahotana* (izay mitaky fanovana haingana sy tanteraka ny saina sy ny fo ary ny fitondrantena) na *fahalemena* (izay mitaky ezaka tsy tapaka sy mifono fanetrentena, fianarana ary fivoarana). Ny fomba fandraisantsika ireo zavatra ireo dia miankina amin' ny fomba nitaizana antsika sy ny fahamatorantsika. Mety sady ahitana singa avy amin' ny fahotana no ahitana singa avy amin' ny fahalemena mihitsy ao anatin'ny fitondrantena anankiray. Ny filazana hoe tena fahalemena ny fahotana dia mitondra any amin' ny fanamarinan-tena fa tsy any amin' ny fibebahana. Ny filazana hoe fahalemena ny fahotana dia mety hiteraka fahamenarana, fanomezantsiny, fahakiviana, ary fandavana ireo fampanantenana nataon'Andriamanitra. Manampy antsika hahay hanao ireo fanavahana ireo ny fisaintsainana sy ny vavaka.
- **Ataovy izay tokony ho lohalaharana.** Tsy afaka manao izay fanovana rehetra tokony hatao ao anatin'ny indray mandeha isika satria manana fahalemena. Rehefa miezaka ny mandresy tsikelikely amim-panetrentena sy amim-pahatokiana ny lafiny

vitsivitsy eo amin' ny fahalementsika olombelona isika dia afaka mampihena ny tsifahahalantsika, mampandeha ho azy ny fanarahana ireo lamina mahaso, mampitombo ny fahasalamantsika ara-batana sy arapihetsehampo sy ny hery ahafahantsika maharitra ary mampatanjaka ny fahatokiantsika ny Tompo. Afaka manampy antsika hahafantatra hoe aiza no tokony hanombohana izany Andriamanitra.

- **Manaova Drafitra.** Hitaky zavatra bebe kokoa noho ny faniriana tsara sy fifehezan-tena be dia be ny fahazoana tanjaka bebe kokoa satria manana fahalemena isika. Isika koa dia mila manao drafitra, mianatra avy amin' ny fahadisoana, mandrindra tetikady mahomby kokoa, mamerina mandinika ny drafitra nataontsika ary manandrana indray. Mila fanampiana avy amin' ny soratra masina sy ireo boky mahaso ary avy amin' ny olona hafa isika. Manomboka amin' ny zavatra kely isika dia mifaly amin' ny fivoarana ary mankahatra kinanga (na dia fantatsika aza fa mahatonga antsika hahatsapa ho mora voadona sy malemy izy ireny). Mila fanohanana isika mba hanampy antsika hanao safidy tsara na dia rehefa reraka sy kivy aza isika ary mila manao drafitra mba hiverenana amin'ilay lalana indray rehefa solafaka.
- **Manàna faharetana.** Mety mitaky fotoana maharitra ny fiovana satria manana fahalemena isika. Tsy hatsahantsika tsotra fotsiny toy ny fomba hampitsaharantsika ny fahotana ny fahalementsika. Ny mpianatra manetry tena dia manao amim-pahavononana izay zavatra takina, mianatra faharetana, miezaka hatrany

ary tsy milavo lefona. Manampy antsika hanana faharetana amin' ny tenantsika sy amin' ny hafa izay manana fahalemena koa ny fanetrentena. Ny faharetana dia fanehoana ny finoantsika ny Tompo, fankasitrahana ny fahatokiany antsika ary fahatokiana ireo fampanantenany.

Mbola malemy ihany anefa isika na dia mibebaka amin-kitsimpo aza sy mahazo famelan-keloka ary lasa madio indray. Mbola andairan'ny aretina, ny fihetsehampo, ny tsifahahalana, ny toetra mora mirona amin-javatra, harerana ary fakam-panahy isika. *Saingy tsy fahotana ny fananana fetram-pahafahana manao zavatra sy ny fananana fahalemena ary tsy manakana antsika tsy hadio sy ho mendrika ny Fanahy izany.*

Fahalemena lasa tanjaka

Raha toa ka mifofotra mampiasa ny fahalementsika mba hitarihana antsika hanota i Satana dia afaka mampiasa ny



FANAHAHANA NY FAHATSAPANA HO MELOKA IZAY MAMPIVOATRA (ALAELO ARAKA AN'ANDRIAMANITRA) SY NY FANETRENTENA AVY AMIN' NY FAHAMENARANA MIFONO FITAKA IZAY TSY MAHASOA

Fahatsapana ho meloka izay mampivoatra—Alahelo araka an'Andriamanitra noho ny fahotana	Finoana & Fanetrentena—Halemem-panahy tahaka ny an'i Kristy eo anatrehan'ny fahalemena	Fahamenarana manimba—Famitahana tsy mahasoa
<p>Isika dia lasa:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Mahatsapa nenina noho ny fandikana ny lalàna ara-pitondrantena. • Mibebaka, manova ny saintsika sy ny fontsika ary ny fitondrantenantsika. • Manaiky ahitsy sy mibaboka ny tsy mety nataontsika ary manarina ny tsy mety. • Mivoatra sy mianatra • Mahita ny tenantsika ho mifono hatsarana sy fahamendrehana. • Maniry ny hampifanaraka ny fitondrantenantsika amin'ilay fijery tsara ananantsika manokana momba ny tenantsika. • Miantehitra tanteraka amin'ilay hery manavotry ny Sorompanavotan'i Kristy. 	<p>Isika dia lasa:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Mahatsapa fahatokiana feno fahatoniana sy fanekena ny tena miaraka amin'ireo fahalemena rehetra. • Mankahatra kinanga mba hivoatra sy hitondra anjara biriky. • Mandray andraikitra eo anatrehan'ireo fahadisoana ary maniry ny hivoatra. • Mianatra avy amin'ireo tsy mety natao ary manandrana indray. • Manao izay ananana toe-tsaina falifaly ary mankafy ny fiainana sy ireo zavatra hafa. • Mandray ireo fahalementsika ho fomba ahafahana mahafantatra ny hafa. • Manana faharetana amin' ny fahalemena sy ny tsy fahatomombanan'ny hafa. • Mitombo fahatokiana amin' ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanampiany. 	<p>Isika dia lasa:</p> <ul style="list-style-type: none"> • Mahatsapa tena ho tsy manan-danja ary mahatsapa hakiviana. • Miezaka manafina ny fahalementsika amin' ny hafa. • Matahotra sao fantatry ny olona ny fahalemena. • Manome tsiny ny hafa noho ireo olona miseho. • Mitsoaka ny fankaharana kinanga ary mandray ny tsy fahombiazana ho toy ny zavatra mahamenatra. • Mifaninana sy mampitaha ny tena amin' ny hafa. • Miaro tena sy mafy loha na miovaova hevitra lava. • Manebaka na hentitra loatra. • Mifantoka amin' ny tsy fahombiazantsika na ny fahamboniansika. • Matahotra ny fandavana sy ny fankahalan'Andriamanitra.

fahalemen'ny olombelona mba hampianarana sy hampitanjarahana ary hitahiana antsika Andriamanitra. Tsy araka ny fanantenantsika azy anefa ny zava-miseho satria Andriamanitra dia tsy hoe “manao ny zavatra malemy ho tonga matanjaka” eo amintsika foana amin' ny alalan'ny fanesorana ny fahalementsika. Rehefa nivavaka imbetsaka tamin'Andriamanitra i Paoly Apôstôly mba hanesorana ilay “tsilo tamin' ny nofo” izay nampiasain'i Satana hampijaliana azy dia hoy Andriamanitra tamin'i Paoly hoe, “Ampy ho anao ny fahasavako: fa ny heriko dia tanterahina amin' ny fahalemena” (2 Korintiana 12:7, 9).

Maro ireo fomba entin'ny Tompo “hanaovana ny zavatra malemy ho tonga matanjaka.” Na dia afaka manaisotra ny fahalemena amin' ny alalan'ny fanasitranana goavana izay antenantsika aza Izy dia mahalana ihany izany raha ny zavatra efa niainako manokana. Ohatra, tsy nahita porofo aho hoe nesorin'Andriamanitra ny fahalemen'i Môrônia rehefa nanoratra ilay andininy malaza tao amin' ny Etera 12 izy. Mety afaka manao ireo zavatra malemy ho tonga matanjaka koa Andriamanitra amin' ny alalan'ny fanampiana antsika handresy ny fahalementsika, hanana toetra mijery ny lafy tsarany sy mandanjalanja tsara mikasika azy ireo, ary hanao ezaka tsikelikely eo anatrehan'izy ireo rehefa mandeha ny fotoana. Matetika koa mifandray ny tanjaka sy ny fahalemena (toy ny tanjaky ny faharetana sy ny fahalemen'ny di-doha), ary afaka mianatra manome lanja ny tanjaka sy

mampihena ny fahalemena mifandray amin'izany isika.

Misy fomba iray hafa mahery vaika kokoa entin'Andriamanitra manao ny zavatra malemy ho tonga tanjaka eo amintsika. Hoy ny Tompo tamin'i Môrônia tao amin' ny Etera 12:37 hoe: “Ary noho ianao efa nahita ny fahalemena dia hohatanjahina ianao, hipetraka mihitsy ao amin' ny fitoerana izay efa nomaniko any amin' ny fonenan-draiko.”

Eto Andriamanitra dia tsy manolo-tanana hanova ny fahalemen'i Môrônia fa manolo-tanana hanova an'i Môrônia. Rehefa miezaka mandresy ny olan'ny fahalemen'ny olombelona isika sy—i Môrônia—dia afaka mianatra momba ny fiantrana, ny fangorahana, ny halemem-panahy, ny faharetana, ny herimpo, ny fahari-po, ny fahendrena, ny hery ahafahana maharitra, ny famelan-keloka, ny fankasitrahana, ny fahaiza-mamorona ary hatsaran-toetra maro hafa izay mamolavola antsika hitovy bebe kokoa amin' ny Raintsika any an-danitra. Hampivoatra ireo toetra tsara ireo no nahatongavantsika ety an-tany, toetra nananan'i Kristy izay manomana antsika ho any amin'ilay fonenana any ankoatra.

Ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny hery manavotra ananany dia tsy hita miharihary kokoa na aiza na aiza noho ny ao anatin'ny fahaizany manova ireo fahalemen'ny olombelona manahirana antsika ho toetra masina sy tanjaka sarobidy izay mahatonga antsika hitovy bebe kokoa Aminy. ■

Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.





Nosoratan'ny
Loholona
W. Christopher
Waddell

Ao amin' ny
Fitopololahy

Fivavahana MADIO

Ny fanaovana asa fanompoana feno fitiavana—fanadinoana ny tenantsika, fanolorana ny zavatra ilain'ny hafa, ary fanokanana ny fiainantsika amin' ny fanompoana azy ireo—no toetra mampiavaka ny mpianatr'i Jesoa Kristy hatramin'izay.

Ny Mpamonjy ao amin' ny Matio toko 11 dia mampianatra antsika lesona manan-danja iray amin' ny alalan'ny zavatra tsy nolazainy ho valin'ny fanontaniana napetrak'ireo mpianatra momba an'i Jaona Mpanao Batisa:

“Ary rehefa ren'i Jaona tao an-tranomaizina ny asa nataon'i Kristy, dia naniraka ny mpianany izy

“hanao aminy hoe: Hianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika?

“Ary [Jesoa] namaly ka nanao taminy hoe: Mandehana hianareo, ka ambarao amin'i Jaona izao renareo sy hitanareo izao:

“Mahiratra ny jamba, ary afaka ny mandringa, dioovina ny boka, ary malady ny marenina, atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny filazantsara” (Matio 11:5).

Raha tokony hanome fanazavana ara-potopampianarana fohy Izy izay manazava fa hoe Izy tokoa “Ilay ho avy”, dia novalin'ny Mpamonjy tamin' ny alalan'ny zavatra nataony izany—Ny asa fanompoana nataony.

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin' ny aprily 2014 dia nampahatsiahy antsika ny Loholona Richard G. Scott ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly hoe: “Manompo amin' ny fomba tena tsara ny Raintsika any an-danitra isika amin' ny alalan'ny fitarihana ny hafa sy ny fanompoana azy ireo amim-pahamarinana. I Jesoa Kristy Mpamonjy antsika no ohatra lehibe indrindra nandia ny tany hatramin'izay.¹

Ny fanaovana asa fanompoana feno fitiavana—fanadinoana ny tenantsika, fanolorana ny zavatra ilain'ny hafa, ary fanokanana ny fiainantsika amin' ny fanompoana azy ireo—no toetra mampiavaka ny mpianatr'i Jesoa Kristy

hatramin'izay. Nampianatra ny Mpanjaka Benjamina 100 taona mahery talohan'ny nahaterahan'ny Mpamonjy hoe: “Rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an'Andriamanitrareo ianareo” (Môsîà 2:17).

Nampahatsiahy antsika i Jakoba fa ilay lafiny manandanja'ny “fivavahana madio” dia hita ao anatin'ny fanompoantsika ny hafa rehefa “mamangy ny kamboty sy ny mpitondrantena amin' ny fahoriany” (Jakoba 1:27). Ny “fivavahana madio” dia mifono zavatra bebe kokoa noho ny fanambarana ny finoana. Fampisehoana ny finoana amin' ny alalan'ny asa izany.

Tiavo ireo namana mpiara-dalana aminao

Teo amin' ny tapatapan'ny volana Jolay 1984, herinandro vitsivitsy taorian'ny nivadianay sy i Carol vadiko tany amin' ny Tempolin'i Los Angeles Californie, dia nanainga nankany Utah izahay izay toerana hanombohako hiasa ary hamaranan'i Carol ny fianarany any amin' ny oniversite. Samy nitondra fiara izahay. Nentinay tao anatin'ireo fiara roa ireo ny fanananay rehetra.

Teny antsasa-dalana dia nijanona nanakaiky ny fiarako i Carol ary nanomboka nanao fihetsika mba hisarihana ny saiko. Talohan'ny fotoana nisian'ny finday sy ny smartphone ary ny fandefasana hafatra sy ny Twitter izany. Rehefa hitako tamin' ny alalan'ny varavarankelin'ny fiarany ny endriny dia fantatro fa tsy salama izy. Nilaza izy fa hanohy hitondra fiara saingy nitebiteby tamin'ilay vadiko vao haingana aho.

Rehefa nanakaiky ny tanàna kelin'i Beaver, Utah izahay dia nijanona indray izy ary hitako fa nila nijanona amin'izay izy. Narary izy ary tsy afaka nanohy intsony. Nanana fiara anankiroa feno akanjo sy fanomezana tamin' ny fanambadiana izahay saingy indrisy fa kely vola. Tsy takatray izany efitrano any amin' ny hotely izany. Tsy fantatro tsara hoe inona no tokony hatao.

Samy tsy mbola tany Beaver izahay, ka rehefa tsy nahafantatra marina ny zavatra tadiaviko aho dia nihodinkodina nitondra fiara nandritra ny minitra vitsy mandra-pahitako zaridaina iray azo idiran'ny besinimaro. Nijanona teo amin' ny fitobiam-piarakodia izahay ary nahita hazo misy alokaloka, dia navelatro teo ny bodofotsy iray mba hahafahan'i Carol miala sasatra.

Minitra vitsy taorian'izay dia nisy fiara iray hafa niditra teo amin'ilay fitobiam-piarakodia teo akaiky teo ary nijanona teo akaikin'ny fiaranay. Vehivavy nitovitovy taona tamin' ny reninay no nivoaka avy tao anatin'ny fiarany ary nanontany sao dia misy olana ary sao misy azony anampiana. Nilaza izy fa nahatsikaritra anay teny am-pamiliany ny fiarany ary nahatsapa fa tokony hijanona. Rehefa nohazavainay ny toe-javatra nahazo anay dia tonga dia nasainy nanaraka azy tany an-tranony izahay ka afaka ny hiala sasatra any araka izay hilanay izany.

Vetivety izahay dia teo ambonin'ny fandriana mampahazo aina iray tao amin' ny efitrano fatoriana iray tany amin' ny lakavy mangatsiatsiaka tao an-tranony. Vao niala sasatra kely izahay dia nilaza ity rahavavy mahafinaritra ity fa tsy maintsy handeha hanao zavatra maromaro ka dia hijanona irery mandritra ny ora vitsivitsy izahay. Nilaza izy fa raha noana izahay dia afaka maka izay hitanay ao andakozia ary raha toa handeha alohan'ny hiverenany izahay dia nangatahiny mba hanidy ny varavarana fidirana.

Rehefa nahazo ny torimasoa tena nilainy i Carol dia nihatsara ary lasa nanohy ny dianay izahay ka tsy nandalo tao amin' ny lakozia. Tsy mbola niverina ilay vehivavy tsara fanahy tamin' ny fotoana nandehananay. Menatra izahay satria tsy mba nandray an-tsoratra ilay adiresin'ny trano ary tsy mba nisaotra araka ny tokony ho izy ilay Samaritananay tsara fanahy, izay nijanona teny an-dalana ary nanokatra ny tranony tamin' ny vahiny nila fanampiana.

Rehefa mandinika io zavatra niainana io aho dia tonga ato an-tsaina ny tenin'ny Filoha Thomas S. Monson, izay maneho ny didin'ny Mpamonjy mba “[handeha] sy [hanao] toy izany koa” (jereo ny Lioka 10:37) toy ny olona rehetra: “Tsy afaka mitia marina an'Andriamanitra isika raha tsy tia ireo mpiara-belona amintsika eto amin'ity fiainana ity.”²

Na aiza na aiza hihaonantsika amin'ireo “mpiara-belona” amintsika—eny an-dalana na any ao antokantranantsika na eny amin' ny toeram-pilalaovana na any an-tsekoly na any am-piasana na any mpiangonana—dia hitovy bebe kokoa amin' ny Mpamonjy

isika, ka mitahy sy manompo eny an-dalana eny rehefa mikatsaka izany sy mijery ary mandray andraikitra.

Mikatsaha

Ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) tao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe:

“Azo antoka fa tsy afaka ny hanonitra ny fahotan'ny olombelona tahaka ilay Mpamonjy sarobidintsika mihitsy isika! Ankoatra izany dia tena tsy afaka ny hizaka ny aretina sy ny rofy ary ny fahorian'ny olombelona mety maty rehetra isika (jereo ny Almà 7:11–12).

“Kanefa, raha aty amin' ny ambaratonga ambanimbany kokoa, toy ny fanasana nataon'i Jesoa dia tena afaka miezaka ny ho lasa ‘toa [Azy]’ isika (3 Nefia 27:27).”³

Rehefa mikatsaka ny ho lasa toa Azy isika, miaraka amin' ny faniriana amin-kitsimpo hitahy “ny mpiara-belona amin-tsika,” dia homena fahafahana hanadino ny tenantsika sy hampitraka ny hafa. Mety tsy dia mampahazo aina loatra ireo fahafahana manompo ireo indraindray, satria mitsapa ny faniriansika marina hitovy bebe kokoa amin' ny Mpampianatra, izay nanao ilay asa fanompoana lehibe indrindra, dia ilay Sorompanavotany tsy manam-petra, izay tena nilaina tokoa. “Kanefa,” hoy Izy, “voninahitra anie ho an'ny Ray, ary nosotroiko izany ary novitaiko izay efa nomaniko ho an'ny zanak'olombelona” (F&F 19:15–19).

Ny fikatsahana amin-kitsimpo hitovy bebe kokoa amin' ny Mpamonjy dia hanome fahafahana antsika hahita ny zavatra mety tsy ho hitantsika raha amin' ny fomba hafa. Niaina akaikin'ny Fanahy ilay Samaritananay tsara fanahy ka nandray andraikitra teo anatrehan'ny bitsika henony ary dia nanatona vahiny nila fanampiana.

Mijere

Ny hoe mijery amin' ny alalan'ny maso ara-panahy dia mijery zavatra araka ny tena fisehony ary mahafantatra hoe misy zavatra ilaina izay mety tsy ho hitantsika raha tamin' ny fomba hafa. Ao anatin'ny fanoharana momba ny ondry sy ny osy dia samy tsy nisy nahafantatra na ireo izay “notahina” na ireo izay “voaozona” hoe ny Mpamonjy no tao anatin'ireo noana, nangetaheta, tsy nanan-kitafy na tao an-tranomaizina. Ny fihetsika nasehon'izy ireo teo anatrehan'ny valisoa azony dia ny fametrahana fanontaniana hoe, “Oviana no hitanay . . . Hianao?” (Jereo ny Matio 25:34–44).

Ireo izay nijery tamin' ny alalan'ny maso ara-panahy ihany no nahafantatra ny zavatra ilaina ka nandray andraikitra sy nitahy ireo izay nijaly. Nahafantatra ny zavatra ilaina ilay Samaritananay tsara fanahy rehefa nijery tamin' ny alalan'ny maso ara-panahy izy.

Mandraisa andraikitra

Mety mahita fahasahiranana isika manodidina antsika saingy mahatsapa ho toy ny tsy afaka manampy noho ny

fiheverana hoe tsy ampy ny zavatra azontsika atolotra. Rehefa mikatsaka ny ho lasa tahaka Azy isika ary mahita ny zavatra ilain'ny mpiara-belona amintsika amin' ny alalan'ny maso ara-panahy, dia tsy maintsy matoky isika fa afaka miasa amin' ny alalantsika ny Tompo, dia tsy maintsy mandray andraikitra isika.

Raha niditra ny tempoly i Petera sy i Jaona dia nifanena tamin' ny lehilahy iray “nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny” izay nangataka azy ireo mba homena fiantrana (jereo ny Asan'ny Apôstôly 3:1–3). Ny valintenin'i Petera dia ohatra sy fanasana iray ho antsika tsirairay avy:

“Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin' ny anaran'i Jesoa Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangana.

“Ary noraisiny tamin' ny tănany ankavanana ralehilahy ka natsangany” (Asan'ny Apôstôly 3:6–7).

Afaka mandray andraikitra amin' ny alalan'ny fanomezana ny fotoantsika sy ny talentantsika isika ary amin' ny alalan'ny fanaovana teny mamy na asa mitaky hery arabatana. Rehefa mikatsaka sy mijery isika dia hapetraka ao anatin'ny toe-javatra izay hahafahantsika mandray andraikitra sy mitahy. Nandray andraikitra ilay Samaritananay tsara fanahy. Nentiny tany an-tranony izahay ary nomeny an'izay nananany. Raha halalinina dia nilaza izy hoe: “Izay ananako no omeko anao.” Izay mihitsy no zavatra nilainay.

Nampianatra ireo fitsipika ireo ihany koa ny Filoha Monson:

“Samy handeha hamakivaky ny lalan'i Jeriko isika tsirairay mandritra ny diantsika eto an-tany. Inona no zavatra hiainanao? Inona no hiainako? Moa ve aho tsy hahatsikaritra ilay olona lavo notafihan'ny fahavalo izay hangataka ny fanampiano? Ho toy izany ve ianao?

“Moa ve aho ho toy ilay iray izay nahita olona maratra sy naheno ny fitarainany nefa dia niampita? Ho toy izany ve ianao?

“Na moa ve aho ho ilay iray izay nahita sy nandre dia nijanona ka nanampy?” Hoy toy izany ve ianao?

“I Jesoa no nanome ilay teny filamatsika hoe, ‘Mandehana ary manaova toy izany koa.’ Rehefa mankatò io fanambarana io isika, dia miseho amintsika mandrakizay ilay fahitana fifaliana izay mahalana no manan-tsahala ary tsy misy mahatafahoatra velively.”⁴

Rehefa lasa mitovy bebe kokoa amin' ny Mpamonjy isika amin' ny alalan'ny fikatsahana, ny fijerena ary ny fandraisana andraikitra dia hahafantatra ny fahamarinan'ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina hoe: “Rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an'Andriamanitrareo ianareo” (Môsîà 2:17). ■

FANAMARIHANA

1. Richard G. Scott, “Fianarana no Nomeko Anareo,” *Liahona*, mey 2014, 35.
2. Thomas S. Monson, “Ny Fitiavana—Fitsipika Fototry ny Filazantsara,” *Liahona*, mey 2014, 91.
3. Neal A. Maxwell, “Apply the Atoning Blood of Christ,” *Ensign*, nôv. 1997, 22.
4. Thomas S. Monson, “Your Jericho Road,” *Ensign*, mey 1977, 71.

MIKATSAHA AMIN-KITSIMPO



MIJERE AMIN' NY MASO ARA-PANAHY



MANDRAISA ANDRAIKITRA ARY MITAHIA





함께 합소서
Need That Every Hour

신소프신
우쿠슬하

없기되소



“Mila Anao

AHO” *Rehefa tsy fantatray hoe inona ankoatra izay no azonay ampianarina dia nanolo-kevitra ny mba hiranay hira ao amin’ ny fhirana ilay mpiara-mitory tamiko.*

Nosoratan’i Jonathan H. Westover

I ndray alahady tolakandro mahafinaritra izay, nandritra ny fanaovako asa fitoriana tany Balsan, Corée, raha iny nanao veloma ny mpikambana iny izaho sy ny mpiaramitory tamiko rehefa avy niangona ary nivonona ny handeha hiasa iny dia nampahafantarin’ny tompon’andraikity ny asa fitoriana teo anivon’ny paroasy anay i Kong Sung-Gyun izay zatovolahy 12 taona. Niangona izy tamin’io andro io ary naniry ny hianatra bebe kokoa momba ny filazantsara.

Mazava ho azy fa faly izahay tamin’ily fikasana hampianatra azy saingy niahiahy koa aho hoe hampianatra olona mbola tena tanora. Nanapa-kevitra izahay fa hanao izay hazoana fahazoan-dalana avy amin’ ny ray aman-dreniny, ka dia niantso tany an-tranon’i Kong Sung-Gyun aho ary niresaka fohifohy tamin’i Pak Mi-Jung reniny. Taitra aho rehefa niteny izy hoe faly noho ny fanirian’ny zanany lahy hiangona ary fifaliana ho azy ny manasa anay ho tonga any aminy hampianatra ny zanany lahy.

Naman’ny Fiangonana tsy nampoizina

Tonga tany an-tranon’ily zatovolahy izahay ny ampitso harivan’izany, vonona ny hampianatra. Taitra izahay rehefa nahita fa tian’i Pak Mi-Jung hampianarinay koa i Kong Su-Jin zanany vavy. Ary noho izahay mbola vahiny tao an-tranony dia naniry ny hanatrika ny lesona i Pak Mi-Jung. Mazava ho azy fa fifaliana ho anay ny mampianatra izay olona rehetra te hihaino.

Rehefa avy nomen’izy ireo sakafo maivana izahay dia niara-nipetraka ary nanomboka niresaka. Raha tokony tonga dia nasainy nanomboka lesona izahay dia nirian’i

Pak Mi-Jung ny hahafantatra anay bebe kokoa sy ny hilazany ny toe-javatra iainan’ny fianakaviany. Nolazainy anay ireo fitsapana sy olana nolalovan’izy ireo ka tao anatin’izany ny fiadian’ny zanany vao haingana tamin’ ny homamiadana. Nahavita soa aman-tsara ny radiothérapie izy ary sitrana tamin’izay ilay homamiadana saingy nampitandrina ny dokotera fa mety miverina amin’ ny fotoana tsy ampoizina izany. Tena sarotra ho an’ny fianakaviana izany. Fianakaviana avy amin’ ny sarangan’ny mpiasa tanana izy ireo ary tsy maintsy niasa faran’izay mafy ilay raim-pianakaviana mba hananan’izy ireo fialofana sy sakafo hohanina.

Zendana sy nalahelo aho teo anatrehan’ireo fitsapana teo amin’ ny fiainan’izy ireo. Tsy mora ny fiainan’izy ireo saingy tena hita niharihary kokoa ny firaisan-tsaina nisy teo amin’ily fianakaviana raha oharina tamin’ ny fianakaviana hafa nifanena tamiko tany Corée, izay mety hoe fandokafana be ihany eo anatrehan’ily fiaraha-monina mifantoka amin’ ny fianakaviana toa an’i Corée. Nandao ny tokantranon’izy ireo izahay niaraka tamin’ ny fahalalana bebe kokoa momba izany fianakaviana miavaka izany ary nanana fahafahana hizara ny hafatry ny filazantsara tamin’izy ireo.

Niverina nampianatra tany imbetsaka izaho sy ny mpiara-mitory tamiko tamin’io herinandro io, ka nahatsapa foana ilay hafanana sy fahalalahan-tanana tsapanay tamin’ ny famangianay voalohany izahay isaky ny nandeha tany. Rehefa noresahina ny mikasika ny batisa dia tena naniry mafy ny ho lasa mpikamban’ny Fiangonana ireo ankizy. Saingy tsy nientanentana toa azy ireo ny reniny. Na dia nahaliana azy aza ny fampianaranay ary nanantena izy fa

marina izany dia tsy nahatsapa izy fa afaka manao sy mitan-drina ireo karazana fanolorantena takina rehefa hirotsaka ho mpikamban'ny Fiangonana. Tsapany koa fa tsy mety ny hanaovana batisa azy tsy miaraka amin' ny vadiny, izay tsy maintsy mbola mila hatoninay. Na dia izany aza dia vonona ny hanohy hihaona aminay izy ary naniry ny hiaraka amin' ny zanany any am-piangonana.

Tany amin' ny faramparan'izany herinandro faharoa izany rehefa nanohy nampianatra tany an-tranon'izay dia nifanena tamin'i Kong Kuk-Won vadiny—lehilahy manetry tena sy tsara fanahy ary malala-tanana. Nanatrika ireo fampianarana vitsivitsy farany izy ary tonga dia nino ny zavatra rehetra nampianarinay, ka tafiditra tao anatin'izany ireo fotopampianarana izay matetika sarotra ho an'ny hafa toy ny fahafolonkarena sy ny Tenin'ny Fahendrena. Na dia teo aza ny fahantrana nianjady tamin'izy ireo, dia nanomboka nandoa fahafolonkarena izy ireo. Ny hany sakana ho an'ily raim-pianakaviana dia izy miasa alahady. Niasa tany amin' ny Seranam-piaramanidina Iraisam-pirenen'i Seoul izy isaky ny alahady, ka tsy afaka niangona niaraka tamin' ny fianakaviany. Na dia teo aza ny fitsinjaram-potoana hiasany, dia nanao izay azo atao mba hanatrehana ny batisan'ny zanany izy ireo ny Alahady manaraka.

Nanohy nivory matetika tany an-tranon'ily fianakaviana izahay taorian'ny batisan'ny ankizy. Nanao takarivan'ny mpianakavy izahay, nifampizara soratra masina sy zavatra niainana mahaso ary nampahafantatra azy ireo tamin'ireo mpikambana tao amin' ny paroasy. Na dia teo aza ny fitohizan'ny fiainana zavatra mifandray amin' ny filazantsara dia tsy mbola vonona ny hatao batisa ireo ray aman-dreny.

Tao anatin'izay fotoana izay dia nafindra toerana ilay mpiara-mitory tamiko ary elder vao tonga avy tany amin' ny foibe fanofanana misiônera ilay mpiara-mitory tamiko vaovao. Fenô finoana sy tanjaka ary fientanentanana izy ka sahirana aho indraindray raha ny marina nanaraka azy. Rehefa avy nihaona tamin'i Kong Kuk-Won sy Pak Mi-Jung nandritra ny fotoana vitsivitsy izahay dia nanatona ahy ilay mpiara-mitory tamiko ary nanontany raha toa efa nifady hanina niaraka tamin'izy ireo izaho sy ilay mpiara-mitory tamiko teo aloha. Tsy mbola nanao izany izahay. Tsy tonga tato an-tsaiko akory aza izany eritreritra izany raha ny marina. Noho izany dia nihaona tamin' ny fianakaviana izahay ary nanoro hevitra ny mba hifadiana hanina. Zendana aho nahita fa mifady hanina manokana tsy tapaka izy ireo ho an'ny fahasalaman'ny zanany sy mba hisian'ny fiovana eo



Nahery vaika ny Fanahy tao amin'ily efitrano rehefa avy nihira ilay andininy farany izahay.

Nijery ahy nivantana teny amin' ny maso i Pak Mi-Jung ary nilaza hoe, "mila atao batisa aho."

amin' ny ora sy andro fiasana ka ho afaka ny hiangona i Kong Kuk-Won. Rehefa avy niaraka nifady hanina tamin'izy ireo izaho sy ny mpiara-mitory tamiko dia nivaly ny vavaka nataonay satria nisy ny fanovana ny fitsinjaram-potoana hiasan'i Kong Kuk-Won. Saingy mbola niziriziry tsy hatao batisa ihany i Pak Mi-Jung.

Hevitra iray tena tsara

Dia nahita hevitra iray hafa tena tsara ilay mpiara-mitory tamiko. Navoakany ilay fihirana omby anaty paosy ary nangataka raha toa ka afaka miaraka mihira amin'izy ireo izahay. Na dia efa niara-nihira aza izahay tany aloha, dia tsy mbola nahita an'i Pak Mi-Jung nihira aho ary nieritreritra fotsiny hoe tsy tia mihira angamba izy na tsy azony ny ainy

satria vaovao taminy ilay hira. Nanontanianay sy ny mpiara-mitory tamiko raha toa ka misy hira tena tiany, ary dia gaga aho fa nihetsi-po be izy ary namaly fa ny hira tena tiany efa hatramin' ny izy ankizivavy kely dia "Mila Anao aho" (*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, no. 23). Natombokay ny hira ka nasiana feo efatra izany. Ny raim-pianakaviana nanao ny lantonkira (feo voalohany), ilay renim-pianakaviana nihira ny feo alto, ilay mpiara-mitory tamiko nihira ny feo tenor ary izaho nihira ny feo basse.

Nahery vaika ny Fanahy tao anatin'ilay efitrano. Rehefa nihira ny andininy fahatelo izahay dia nihetsi-po be izy ka nijanona tsy nihira raha nanohy kosa izahay:

*Mila Anao aho
na ory na faly.
Faingana mitoera,
Sao hijaly aho.
Tompo, mila Anao aho;
Eny mila Anao;
Hanatona anao aho
Ka mba tahio.*

Rehefa vitanay ny andininy fahaefatra sy farany dia nigogogogo nitomany izy. Rehefa niezaka nampahery azy ny vadiny dia afaka nitony ihany izy tamin' ny farany. Nijery ahy nivantana teny amin' ny maso izy ary nilaza hoe, "Mila atao batisa aho."

Ny fotoam-batisan'i Kong Kuk-Won sy Pak Mi-Jung natao tamin'izay Alahady tolakandro izay no iray tamin'ireo zavatra tena masina indrindra nandritra ny fanaovako asa fitoriana. Nandray anjara tamin' ny fandaharam-potoana ny ankizy ary mpikambana maro teo an-toerana no nanatrika mba hanehoana ny fanohanana'izy ireo ilay fianakaviana izay mpikambana vaovao tao amin' ny paroa-siny. Nanolotra hira manokana izaho sy ilay mpiara-mitory tamiko: "Mila Anao aho."

Nahavita ny asa fitoriako aho tamin' ny farany ary niverina nody. Taorian'ny herintaona nianarako tany amin' ny oniversite dia

niverina tany Corée mba hanao fiofanana fanatevenam-pahaizana mandritra ny fahavaratra aho ary nanokana fotoana isaky ny faran'ny herinandro mba hamangy ireo namana sy fianakaviana miavaka maro izay nifanena tamiko nandritra ny fanaovako asa fitoriana. Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia nandeha niverina nankany Balsan aho ary nihaona tamin'ilay fianakaviana miavaka iray. Rehefa tonga tao an-tranony aho dia nahatsikaritra fa nisy olona tsy tao—ny zanany lahy. Nambaran'i Pak Mi-Jung tamin-dranomaso tamiko ilay vaovao: niverina ny homamiadan'ny zanany tamin'izy 14 taona ary tsy nahatohitra izany izy.

Raha teo am-piezahana nampionona sy nizaka ilay alahelo tsapako koa aho dia nampanantena ahy i Kong Kuk-Won fa hilamina ny zava-drehetra. Nitia ny filazantsara izy ireo, nandeha niangona tamim-pahatokiana, ary niandrandra an'ilay fotoana izay hahafahan'ny fianakaviana hiaraka hofehезina mandrakizay any amin'ny Tempolin'i Séoul Corée. Na dia teo aza ny alahelo tsapan'izy ireo, dia fantatr'ilay fianakaviana fa ho hitan'izy ireo indray i Kong Sung-Gyun ary ho tafaray indray izy ireo. Nilaza tamiko koa i Pak Mi-Jung fa ny fihirana hira ao amin' ny fihirana isan'andro dia nanampy azy hahazo hery hizakana ny zava-miseho sy hahatsapa ilay fiadanana miaraka amin'izany izay entin'ny Fanahy.

Rehefa nandao ny tokantranon'izy ireo aho tamin'izay hariva izay dia nieritreritra indray ny tonon'ny hira tena tian'i Pak Mi-Jung ao amin' ny fihirana. Fenon'ny fankasitrahana aho fa nomen'ny Ray any an-danitra fahatsapana fiadanana ilay fianakaviana taorian'ny nahafatesan'i Kong Sung-Gyun ary fenon'ny fankasitrahana manokana aho tamin' ny anjara asan'ny Fanahy teo amin' ny fiovampon'i Pak Mi-Jung izay nanome fahafahana ilay fianakaviana mba ho mendrika ny hahazo ireo fitahiana mandrakizain'ny tempoly. ■

Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.

MAMPIONONA NY MANAM- PAHORIANA NY HIRA AO ANATY FIHIRANA

"Ny sasany tamin'ireo toriteny lehibe indrindra izay notorina dia natao tamin' ny alalan'ny fihirana hira ao anaty fihirana. Ny hira ao anaty fihirana dia manentana antsika hibebaka sy hanao asa tsara, hanorina fijoroana ho vavolombelona sy finoana, hampahery ireo trotraka, hampionona ireo manam-pahoriana ary hanentana antsika haharitra hatramin' ny farany."

*"First Presidency Preface,"
Hymns, ix.*



Nataon' ny Filoha
Boyd K. Packer
Filohan'ny
Kôlejin'ny Apôstôly
Roambinifolo

Ilay sorona feno fitiavana sy masina nataon'ny Mpamonjy

*Eo foana ny Tompo. Efa nijaly sy
nanefa ny sazy Izy raha toa ka
vonona ny hanaiky Azy ho
Mpanavotra anao ianao.*


Mindram-bola ara-panahy daholo isika rehetra. Na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana dia mitombo mitombo ihany ny vola tsy maintsy aloa. Rehefa mandoa izany hatrany ianao dia tokony tsy hisy hampiahiahy anao. Vetivety ianao dia hanomboka hianatra fifehezantena ary hahafantatra fa misy andro iray ho avy tsy maintsy hanefana ny zava-drehetra. Mianara manefa tsy tapaka ny trosanao ara-panahy toy izay hifaharan'ny sazy lava.

Noho ianao sedraina dia fantatra fa hanao hadisoana vitsivitsy ianao. Azoko an-tsaina fa nanao zavatra izay nanenena-nao ianao teo amin' ny fiainana, zavatra tsy vitanao na ny maneho fialan-tsiny noho



izany aza, zavatra tsy dia mety. Noho izany dia milanja entamavesatra ianao. Tonga izao ny fotoana ampiasana ny teny hoe *fahatsapana ho meloka*, izay afaka manapentimpetina toy ny ranomainty tsy mety afaka ary tsy mora esorina rehefa sasana. Ny karazana fahatsapana iray izay fianakavian'ny fahatsapana ho meloka dia ny fahadisiam-panantenana, ny fanenenana noho ireo fitahiana sy fotoana tsara nahafahana nanao zavatra izay votso-tra teo am-pelatanana.

Raha toa ianao ka mitolona amin' ny fahatsapana ho meloka dia mitovy amin' ny olona ao amin' ny Bokin'i Môrmôna ianao izay nilaza hoe: "Noho ny helony dia efa nanomboka nihemotra ny fiangonana; ary



nanomboka tsy nino ny fanahin'ny faminiana sy ny fanahin'ny fanambarana izy; ary ny fitsaran'Andriamanitra dia nibanjina azy nifanatrika” (Helamàna 4:23).

Matetika isika miezaka mamaha ny olan'ny fahatsapana ho meloka amin' ny alalan'ny fifampilazana eo amintsika samy isika na amin' ny alalan'ny filazana amin' ny tenantsika fa tsy maninona izany. Kanefa toa tsy mino izany isika any anatintsika any. Ary tsy mino ny tenantsika koa isika raha milaza izany. Mahafantatra zavatra bebe kokoa isika. Tena manan-danja izany!

Nampianatra mikasika ny fibebahana foana ireo mpaminany. Hoy i Almà hoe, “Indro, tonga Izy mba hanavotra ireo izay ho vita batisa ho amin' ny fibebahana, noho ny finoana ny anarany (Almà 9:27).

Izao no namberan'i Almà mivantana tamin'ilay zanany nivily lalana: “Ankehitriny ny fibebahana dia tsy ho nety tonga tamin' ny olona raha tsy nisy ny famaizana, izay mandrakizay koa, satria tokony ho izany ny fiainan'ny fanahy, izay mitovana sy mifano-hitra amin' ny drafitry ny fahasambarana” (Almà 42:16).

Misy tanjona fototra anankiroa ny fiainana eto an-tany. Voalohany dia ny hahazo vatana izay afaka ny ho voadio sy hasandratra ary ho velona mandrakizay raha vonona isika. Ny tanjona faharoa dia ny ho sedraina. Azo antoka fa hanao hadisoana isika mandritra ny fisedrana. Saingy raha vonona isika dia afaka mianatra avy amin' ny hadisoantsika. “Raha hoy isika: Tsy nanota isika, dia mampandainga Azy, ary teniny tsy ato anatintsika” (1 Jaona 1:10).

Angamba ianao mety mahatsapa ho ambany eo amin' ny saina sy ny vatana ary miasa saina momba ny toe-javatra ara-panahy sasantsasany izay “tokony efa novahana tany aloha” na vesaran'izany. Rehefa mahita ny marina momba anao ianao mandritra ireny fotoana handinihan-tena mangina ireny (izay maro amintsika no mitsoaka izany), moa ve misy zavatra mikorontandrontana izay manelingelina

anao? Moa ve misy zavatra mitambesatra ao an-tsainao? Moa ve ianao eo amin' ny lafiny iray na amin' ny iray hafa mbola mahatsapa ho meloka amin' ny zavatra kely na lehibe iray?

Mahazo taratasy matetika avy amin'ireo izay nanao hadisoana goavana sy vesaran'olana isika. Manontany izy ireo: “Moa ve aho mba hahazo famelana?” Mba afaka ny hiova ve aho?” Ny valiny dia eny!

Nampianatra i Paoly hoe: “Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lalana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany” (1 Korintiana 10:13).

Mampianatra antsika ny filazantsara fa afaka ny ho azo amin' ny alalan'ny fibebahana ny fanamaivanana ny fijaliana sy ny fahatsapana ho meloka. Ankoatra ireo—tena vitsy—izay lasa any amin' ny fahaverezana rehefa nahafantatra ny fahafenoana, dia tsy misy fahazaran-dratsy, na fiankinan-doha, na fikomiana, na tsy fankatoavana na fandikan-dalàna, na kely izany na lehibe izay tsy hahazo anjara amin'ilay fampanantenana famelan-keloka tanteraka. Na inona na inona nitranga teo amin' ny fiainanao, dia efa nanomana fomba iray ahafahanao miverina ny Tompo raha toa ka manaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina ianao.

Ny sasany feno faniriana tena manery, fakam-panahy izay miverimberina ao an-tsaina izay mety lasa fahazarana dia avy eo lasa mampiankin-doha. Mora mirona any amin' ny fandikan-dalàna sy fahotana sasantsasany isika ary any amin' ny fanamarinantena koa fa tsy mahatsapa ho meloka satria efa teraka niaraka tamin'izany. Voafandrika isika, noho izany dia tonga ny fijaliana sy ny korontana izay ny Mpamonjy ihany no afaka manasitrana azy. Manana ny hery hanajanonana izany sy hery mba hahazoana fanavotana ianao.

Manafika ny fianakaviana i Satana

Niteny tamiko ny Filoha Marion G. Romney (1897–1988) indray mandeha hoe, “Aza miresaka amin’izy ireo fotsiny mba hahafahany mahatakatra fa miresaha aminy mba tsy hahadisio ny fahatakarany.”

Hoy i Nefia hoe: “Fa finaritra amin’ ny fahazavan-tsaina ny fanahiko; fa amin’izany fomba izany no iasan’ny Tompo Andriamanitra eo anivon’ny zanak’olombelona. Fa manome fahazavana ho an’ny faharanitan-tsaina ny Tompo Andriamanitra” (2 Nefia 31:3).

Noho izany dia henoy tsara! Hiteny amin’ ny fomba tsotra toy ny olona voantso na nomena andraikitra hanao izany aho.

Fantatrao fa misy ny fahavalo. Faritan’ny soratra masina amin’ ny alalan’ireto teny ireto izy: “Ilay menarana fahizay, izay ny devoly, . . . rain’ny lainga rehetra” (2 Nefia 2:18). Noroahina hatrany am-piandohana izy ireo (jereo ny F&F 29:36–38) ary tsy nahazo vatana. Niozonozona izy fa hanakorontana ny “draftira lehiben’ny fahasambarana” (Almà 42:8) ary ho fahavalon’ny fahamarinana rehetra. Ampifantohany amin’ ny fianakaviana ny fanafihana ataony.

Miaina ao anatin’ny andro ahitana ny fihananan’ny pôrnôgrafia manerana izao tontolo izao isika. Sarotra ny misoroka azy. Ny pôrnôgrafia dia mifantoka amin’ily ampahany iray ao amin’ ny tenantsika izay ahafahantsika mamorona aina.

Mitondra olana, fisaraham-panambadiana, aretina, ary karazan’olana maro dia maro ny firosahana ao anatin’ny pôrnôgrafia. Tsy misy hoe ampahany madio izany ao anatin’ny fanangonana na ny fijerena na ny fitondrana izany na amin’ ny endriny manao ahoana na manao ahoana dia mitovy amin’ ny fihazonana bibilava maneno ao anatin’ny kitaponao. Mitarika ny tenanao ho tonga amin’ily toe-javatra ara-panahy tsy azo ihodivirana izay mitovy amin’ ny kaikitry ny bibilava misy poizina mahafaty izany. Takatry ny olona iray tsara eo anatrehan’ny zava-misy eto amin’izao tontolo izao fa mety ho voatarika amim-pahatsorana amin’izany na hamaky izany na hijery izany izy



*Iray ihany tao
anatin’ny tan-
tara rehetra-
n’izao tontolo
izao ny olona
izay tsy nanam-
pahotana, ary
mendrika ny
hizaka ireo
fahotana sy
fandikan-
dalàn’ny olombe-
lona rehetra.*

sady tsy mahafantatra ny voka-dratsiny. Raha miaina izany ianao dia mampitandrina anao aho mba hanajanona izany. Ajanony izao dia izao izany!

Ny bokin’i Môrmôna dia mampianatra fa “ampy tokoa ny fahalalan’ny olona [rehetra] mba hahalalany ny tsara amin’ ny ratsy” (2 Nefia 2:5). Tafiditra ao anatin’izany ianao Fantatrao ny tsara ary fantatrao ny ratsy.

Mitandrema tsara mba tsy hihoam-pefy.

Na azo ibabohana manokana amin’ ny Tompo aza ny ankamaroan’ny hadisoana natao dia misy fandikan-dalàna sasantsasany izay mitaky zavatra bebe kokoa noho izany mba hahatanterahan’ny famelan-keloka. Manatona ny evekanao raha toa tena goavana ilay hadisoana nataonao. Fa raha tsy goavana dia ampy ny fanaovana fibabohana mangina sy mitokana toy ny mahazatra. Saingy tadidio fa mety tsy ho tonga indray mandeha ny fahazoana famelan-keloka. Raha potraka ianao amin’ ny voalohany dia aza milavo lefona. Tafiditra ao anatin’ny fisedrana ny fandresena ny fahakiviana. Aza milavo lefona. Ary araka ny torohevitra nomeko tany aloha, rehefa avy nibaboka sy nanalavitra ny fahotanao ianao dia aza iverenana intsony izany.

Nijaly ho an’ny fahotantsika ny Mpamonjy

Eo foana ny Tompo. Efa nijaly sy nanefa ny sazy Izy raha toa ka vonona ny hanaiky Azy ho Mpanavotra anao ianao.

Amin’ ny maha-olona mety maty anao dia mety na tena tsy ho takatrao tanteraka ny hoe *ahoana* no nanatanterahan’ny Mpamonjy ny sorompanavotany. Saingy amin’izao fotoana izao dia tsy ny *ahoana* aloha no manan-danja fa ny hoe *inona no anton’ny* fijaliany. Nahoana no nanao izany ho anao sy ho ahy ary ho an’ny olombelona rehetra Izy? Nanao izany noho ny fitiavana ny Ray any an-danitra sy ny olombelona rehetra Izy. “Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany” (Jaona 15:12–13).

Nandao ireo Apôstôliny mba hivavaka i Kristy tao Getsemane. Izay zavatra nitranga tao dia mihoatra ny hery ananantsika mba

hahafantarana zavatra! Saingy tena fantatsika fa nahatanteraka ny Sorompanavotana Izy. Nanolo-tena ny hitondra eo Aminy ny hadisoana, ny fahotana, ny fahamelohana ary ny ahiahy sy ny tahotr'izao tontolo izao Izy. Nijaly ho antsika Izy mba tsy hijalian-tsika. Olombelona mety maty maro no nianjadian'ny fijalijaliana ary fahafatesana feno fanaintainana sy mamohetra. Saingy nihoatra lavitra an'ireo zavatra ireo ny fijaliana nozakainy.

Nahafantatra izany atao hoe fanaintainana ara-batana izany aho amin'izao taonako izao ary tsy mahafinaritra mihitsy izany! Tsy misy olona mandao ity fiainana ity ka hoe tsy niaina zavatra iray na roa mi-fandray amin' ny fijaliana. Saingy ny fijaliana manokana izay tsy zakako dia ny fahafantarako hoe nanao zavatra izay nahatonga ny olona iray hafa hijaly aho. Amin'izay fotoana izay no ahatakarako kely ilay fijalijaliana niainan'ny Mpamonjy tao Getsemane.

Ny fijaliana dia samy hafa amin'ireo fijaliana hafa teo aloha sy hatramin'izay satria nentina teo Aminy ny sazy rehetra izay nampiharina tamin' ny fianakavian'ny olombelona rehetra. Alaivo sary an-tsaina izany! Tsy nanan-trosa tokony haloa Izy. Tsy nanao ratsy Izy. Kanefa nozakainy daholo—ny fitambaramben'ny fahamelohana rehetra, ny fahoriana sy ny alahelo, ny fanaintainana sy ny fahafaham-baraka, ny fijaliana ara-tsaina, ara-pihetsehampo ary ara-batana rehetra izay fantatry ny olombelona. Iray ihany tao anatin'ny tantara rehetran'izao tontolo izao ny olona izay tsy nanam-pahotana, ary mendrika ny hizaka ireo fahotana sy fandikan-dalàn'ny olombelona rehetra ary tafavoaka velona tamin' ny fijaliana niaraka tamin' ny fanefana an'izany.

Nampahafantatra ny fiainany Izy ary raha halalinina dia nilaza hoe, “Izaho no mitondra eo amiko ny fahotan'izao tontolo izao” (Môsîà 26:23). Nohomboana Izy ary maty. Tsy afaka naka ny ainy teo amin' ny toerany izy ireo. Izy no nanapa-kevitra ny ho faty.

Tena misy ny famelan-keloka tanteraka

Raha toa nisy fotoana nahasolafaka na nahavery anao, raha toa mahatsapa ianao fa gejain'ilay fahavalo amin'izao fotoana izao, dia afaka mandroso amim-pinoana ianao ka tsy mirenireny etsy sy eroa eto amin'izao tontolo izao intsony. Efa misy olona vonona ny hitarika anao hiverina any amin' ny toerana misy fiadanana sy fiarovana. Ny fahasovan'Andriamanitra mihitsy aza no hi-rotsaka araka ny nampanantenain'ny soratra masina “rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao” (2 Nefia 25:23). Ny fahatanterahan'izany ho ahy no fahamarinana tena mendrika ny ho fantarina indrindra.

Mampanantena aho fa afaka ny ho tonga ilay maraina mamirapiratra ny famelan-keloka. Dia ho tonga eo amin' ny fiainanao indray toy ny masoandro miposaka “ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra” (Filipiana 4:7) ary “tsy [hotsarovanao sy hotsarovany] intsony ny fahotany” (Jeremia 31:34). Ahoana no hahafantaranao Izany? Ho fantatrao izany! (Jereo ny Môsîà 4:1–3.)

Izao no fampianarana omeko anareo izay manana olana. Handray andraikitra izy ary hamaha ilay olana tsy hainao vahana, saingy mila manefa ny sarany ianao. Tsy tanteraka izany raha vao tsy atao izay zavatra izay. Mpitarika tena tsara fanahy Izy noho ny fanefany izay sarany tokony hefaina, saingy tiany ianao hanao izay tokony hataonao na dia mafy aza izany.

Tiako ny Tompo ary tiako ilay Ray izay naniraka Azy. Azo apetraka eo anoloany ny enta-mavesatsika izay ahitana ny fahadisoam-panantenana, ny fahotana, ary ny fahatsapana ho meloka ary ao anatin'ilay fifanaharana napetrany izay mifono hatsaram-panahy dia azo asiana marika ny zavatra tsirairay hita ao anatin'ny toebolan'ny tena hoe “voaloha tanteraka.”

“Avia ary hifandahatra isika hoy Jehovah: na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia

ho tahaka ny volon'ondry fotsy.” Ho tanteraka izany hoy i Isaia nanohy, “raha manaiky sy mankatò hianareo” (Isaia 1:18–19).

Manatona Azy

Ilay soratra masina hoe “mianara fahendrena amin' ny fahatanoranao; eny mianara ny hitandrina ny didin'Andriamanitra amin' ny fahatanoranao” (Almà 37:35) dia fanasana miaraka amin'ilay fampanantenana fiadanana sy fiarovana amin'ilay fahavalo. “Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an' ny mino hianao amin' ny fiteny, amin' ny fitondrantena, amin' ny fitiavana, amin' ny finoana, amin' ny fahadiovana” (1 Timoty 4:12).

Aza manantena hoe hilamina foana ny zava-drehetra mandritra ny fiainanao. Na dia ho an'ireo izay miaina ny fiainany araka ny tokony ho izy aza dia indraindray ny mifanohitra amin'izany no hiseho. Atreho amim-pijerena ny lafy tsarany sy amim-pahatokiana ny lan'ny fiainana tsirairay, dia hanana fiadanana ary finoana hanohana anao amin'izao fotoana izao sy amin' ny ho avy ianao.

Ho an'ireo izay mbola tsy nandray ireo fitahiana rehetra izay tsapanareo fa irinareo sy ilainareo, dia mino aho fa tsy misy traikefa na fotoana tsara mitondra soa izay ilaina amin' ny fanavotana sy famonjena tsy atolotra ho anareo izay miaina amim-pahatokiana. Mijanonà ho mendrika foana. Aoka ianao ho feno fanantenana sy hanana faharetana ary hivavaka lalandava. Misy fomba hivahan'ireo toe-javatra miseho. Hitarika anao sy hitantana ny zavatra ataonao ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Raha toa ianao ka iray amin'ireo olona izay mitolona amin' ny fahatsapana ho meloka, na fahadisoam-panantenana na hareram-panahy aman-tsaina vokatry ny hadisoana nataonao na vokatry ny fitahiana tsy mbola tonga dia vakio ny fampianarana mampitony hita ao anatin'ilay fihirana hoe “Venez à Jésus! Il vous appelle”:

*Venez à Jésus ! Il vous appelle,
Vous qui succombez sous les péchés.*



*Azo apetraka
eo anoloan'ny
Tompo ny enta-
mavesatsika
izay ahitana
ny fahadisoam-
panantenana,
ny fahotana, ary
ny fahatsapana
ho meloka ary
ao anatin'ilay
fifanaharana
napetrany izay
mifono hatsaram-
panahy dia azo
asiana marika ny
zavatra tsirairay
hita ao anatin'ny
toe-bolan'ny
tena hoe “voalao
tanteraka.”*

*Il vous donnera vie éternelle,
Si son amour vous cherchez.*

*Venez à Jésus ! Il vous écoute,
Vous qui ne l'avez pas écouté!
Il vous remettra sur cette route
Qui mène à la vérité.*

*Venez à Jésus ! Il vous protège,
Vous qui priez le Père humblement.
Vos lourds fardeaux toujours il allège.
Ses anges veillent vraiment.¹*

Ambarako miaraka amin'ireo Rahalahiko Apôstôly fa vavolombelona manokan'i Jesoa Kristy Tompo aho. Miverina foana ny fanamafisana izany fijoroana ho vavolombelona izany isaky ny mahatsapa ao anatiko na ao anatin'ny hafa ilay fahadiovana entin'ilay sorona masina nataony aho. Marina ny fijoroana ho vavolombelona ananako sy ananan'ny Rahalahiko. Fantatray ny Tompo. Tsy vahiny amin'ireo mpaninaniny sy mpahitany ary mpanambarany Izy.

Fantatro fa tsy lavorary ianao saingy mandroso eo amin'ilay lalana ianao. Mahereza hatrany. Fantaro fa izay olona manana vatana dia manana hery amin' ny olona tsy manana.² Tsy nomena vatana i Satana; noho izany raha toa ianao ka sendra eo anatrehan'ny fakampanahy, dia fantaro fa matanjaka noho ireo fakampanahy ireo ianao raha toa ka mampihatra ilay fahafahana misafidy izay nomena an'i Adama sy Eva tao amin' ny saha ary nampitaina tamin'ity taranaka ity.

Raha toa ka miandrindra amim-panantenana sy amim-paniriana ny hanao izay tian'ny Tompo hataonao ianao—dia izay no hany andrasana aminao. ■

Nosintonina avy amin'ilay lahateny, “Truths Most Worth Knowing,” natao nandritra ny fampaherezam-panahy tao amin' ny Brigham Young University ny 6 nôv. 2011. Mba hahitana ny lahatsoratra iray manontolo amin' ny teny anglisy dia midira ao amin' ny speeches.byu.edu.

FANAMARIVHANA

1. Jereo ny “Venez à Jésus! Il vous appelle” *Cantiques*, no. 62.
2. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 211.

HIRAO NY HIRA TIANAO INDRINDRA AO ANATY FIIHIRANA

Vao teraka an'i Rebekah zanakay vavy aho tamin'izay. Henjana ilay fotoana nampihetsi-jaza ahy ka dia reraka aho.

Rehefa napetraka teo an-tsandriko i Rebekah dia nisy fahatsapana nanenika ahy fa tokony hohiraiko ilay hira tena tiako ao amin' ny fiihirana, "Zanaky ny Ray aho" (*Fiihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha-113). Ny valinteniko voalohany dia hoe, "An an! vizana loatra aho. Hohiraiko azy izany any aoriana." Saingy niverina tao an-tsaiko indray ilay eritreritra. Noho izany dia nanomboka nihira ny andininy voalohany aho na dia vizana aza. Niaraka nihira tamiko ny vadiko sy ny reniko.

Rehefa vitanay ilay hira dia nahatsapa zavatra miavaka tao amin'ilay efitrano aho. Na dia ilay dokotera izay nampiseho ny maha-matihanina azy foana aza hatramin'io fotoana io sady olona somary tsy dia be resaka, dia latsa-dranomaso koa. Nisaotra anay izy tamin' ny nihiranay an'io hira kanto io. Nilaza izy fa nandritra izay

taona maro nampiterahany izay dia mbola tsy nahatsapa zavatra toy ny tamin'io fotoana io izy.

Nieritreritra io zava-niseho io aho ary nanontany tena hoe sao dia tokony hitady ny raki-peon'iny hira iny dia homena azy. Indrisy anefa fa sahirana tamin' ny fiainana aho dia nanadino ny momba izany.

Dia tonga ny andro hanaovana fiza-hana ara-pahasalamana ahy taorian'ny fiterahana. Rehefa niditra ny efitrano ilay dokotera dia feno hafaliana ny endriny ary nofihiny aho. Nilaza izy fa tsy nety niala tao an-dohany mihitsy ilay hira ary nanandrana nitady ilay hira tamin' ny Internet mihitsy aza izy mba hahafahany mihira izany ho an'ny fianakaviany. Tamin'izay fotoana izay no nampahatsiahivin'ny Fanahy Masina tamiko fa tokony naka ilay hira mba homena azy aho. Nampantena azy aho fa afaka herinandro dia hiverina hitondra ilay hira.

Nivavaka aho ny alin'iny nangataka fanampiana


mba hahita ilay hira miaraka amin' ny rindram-peonkira izay tena tsara ho azy. Ny ampitso tolakandro aho dia nanafatra CD ahitana ilay hira. Rehefa tonga tao anatin'ny vatakelly fametrahan-taratasy izany andro vitsy taty aoriana, dia tsy andriko izay nanamezana izany azy.

Tena faly izy nandray izany ary nisaotra ahy tamin'ilay fanomezana. Nilaza izy fa tsy fantany loatra ny antony fa dia tena zava-dehibe ho azy ny hizara ilay hira amin' ny fianakaviany. Rehefa nanohy ny resaka izahay dia tsy ny fitiavako ilay hira ihany no nozaraiko fa ny fijo-roana ho vavolombelona nananako momba ireo fahamarinana tsotra izay nampianarin'izany.


Teny am-pamiliana fiara nody aho dia nahatsapa ny fitiavan'ny Raintsika any an-danitra ny iray amin'ireo zanakavaviny—ny dokoterako. Fantany sy tiany izy ary iriny ny hahatakarany fa afaka miverina miaina miaraka Aminy indray koa izy. ■

Angela Olsen Center, Ohio, Etazonia

Rehefa vitanay ilay hira dia latsa-dranomaso ilay dokotera izay nampiseho ny maha-matihanina azy foana hatramin'io fotoana io sady olona somary tsy dia be resaka.



Nononon moa no antony tsy hiarovan'ny Ray any an-danitra antsika sy hampitandremany antsika "mandrakariva"?



ILAY FAMPANANTENANY HOE MANDRAKARIVA

Rehefa nipetraka nanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo aho nisaintsaina ny vavaka ho an'ny mofa, dia niverimberina tao an-tsaiko ireto teny ireto: “mba hananany mandrakariva ny Fanahiny miaraka aminy” (Môrônia 4:3; F&F 20:77).

“Mandrakariva,” hoy ilay izy—fa tsy hoe indraindray. Nahoana anefa volana maromaro tany aloha tany no tsy mba nahazo bitsika izaho sy ny vadiko mikasika ny fomba hiarovana an'ilay zanakay lahy 11 taona talohan'ny nahafatesany tao anatin'ny lozam-pifamoivoizana nifandonan'ny fiara sy bisikileta iray? Nahoana ny Ray any an-danitra no tsy mba niaro sy nampitandrina anay “mandrakariva”?

Nampianarina ahy tany amin' ny Kilonga ary ninoako fa hitahy antsika ny Fanahy Masina. Hampiasa ilay feo tony sy malefaka izy mba hiarovana sy hitarihana antsika ary hampitandremana antsika amin' ny loza. Nijanona tao an-tsaiko izany eritreritra izany hatramin'izay nahafatesan'i Ben izay. Nalahelo mafy azy aho ary naniry ny hahatakatra ny zava-nitranga sy hahatsapa fiadanana.

Taiza ilay feo mpampitandrina ahy?

Taiza ny Fanahy Masina? Nahatsapa aho hoe nanao izay azonay natao mba ho olo-marina. Nandoa ny fahafolonkarenanay izahay, nanatrika ireo fivoriany ary nanompo isaky ny nangatahina hanao izany. Lavitry ny fahalavorariana izahay, saingy nanao ny takarivan'ny mpianakavy ary nandalina soratra masina. Niezaka izahay.

Raha nanatrika ny fotoam-pianaran'ny Fikambanana Ifanampiana aho tao anatin'izany fotoana izany dia nitantara ny tantaran'ny havany akaiky iray ilay mpampianatra. Raha nijoro niandry teo amin' ny jiro mena fampijanona fiarakodia ilay havany dia nahatsapa mafy fa tokony hijanona eo amin' ny toerana tokony hisy azy rehefa nivadika maitso ny jiro. Nanaraka ilay bitsika izy ary vetivety teo dia nisy fiarakodiabe tonga dia nirifatra nanivaka teo amin' ny filhaonandalana ary tsy nijanona rehefa nivadika mena ny jiro. Raha tsy nihaino sy nankatò ilay feo izy dia mety ho naratra na maty mihitsy aza izy sy ny zanany.

Nisy fiantraikany lehibe tamiko izany tantara izany ka raha iny niomana hitsangana rehefa nipetraka vontondranomaso teo iny aho ary nandao ilay efitrano dia nahatsapa fampiononana

lehibe nanenika ny tenako. Nahatsapa fiadanana aho izay nanamarina fa tena niaraka tamiko tokoa ny Fanahy Masina. Raha teo anatrehan'ny zavatra niainako dia tsy teo tamin' ny naha-feo mpampitandrina Azy Izy fa tamin' ny naha-mpampionona Azy.

Nanomboka tamin'ilay lozam-pifamoivoizana nahazo an'i Ben dia nahatsapa hery mihoatra ny an'ny tenako aho ary nampiononon'ilay fitiavan'ny Raiko any an-danitra. Tsy takatro indraindray ny antony mahatonga ny zavatra sasantsasany saingy tsy mba niahiahy ny fitiavany velively aho.

Manana finoana aho fa mahatakatra ny zavatra rehetra Andriamanitra ary tsy hamela ahy tsy hahazo fampiononana velively. Mitana anjara toerana maro eo amin' ny fianantsika ny Fanahy Masina. Afaka miaro antsika Izy, saingy mitarika antsika sy mampionona antsika ary mpianatra antsika koa Izy ary manome fahatakarantsaina sy fitahiana hafa.

Nianatra aho fa tena mitazona ny fampanantenana nataony ny Ray any an-danitra. Niaraka tamiko “mandrakariva” Izy. ■

Robyn Casper, Utah, Etazonia



NIBITSIKA TAMIKO NY FANAHY

“Ory ireto a! Miverena!” hoy ilay feo iray nihotakotaka.

Rehefa nihodina aho dia nahatsikaritra ankizilahy roa vonton-dranomaso teo amin’ ny dimy taona sy fito taona teo izay nihazakazaka nankeny amin’ ilay fitobiam-piarakodian’ ilay toeram-pivarotana. Toa nitebiteby izany ilay mpivarotra rehefa niantso azy ireo.

Raha iny nitodika hiverina teny amin’ ny fiarako iny aho dia nibitsika tamiko ny Fanahy hoe, “Afaka manampy ianao eto.” Nalefaka ilay bitsika saingy nazava ka fotoana fohy taorian’ izay dia nihazakazaka nankeny amin’ ireo ankizilahy teny amin’ ny fitobiam-piarakodia aho.

Hitako nijoro teo akaikin’ ny kamiao kely ny zokiny tamin’ izy ireo. Nanatona azy aho ary nandohalika teo akaikiny.

“Manahoana! Christina no anarako. Manana olana angaha ianao?”

Rehefa avy niteny ireo zavatra ireo aho dia nidradradra nitomany izy ary nanafina ny tarehiny tamin’ ny sandriny. Nanatona anay ilay mpivarotra sy ilay ankizilahy iray hafa.

“Teny Frantsay ihany no hain’ izy ireo raha ny fahitako azy,” hoy ilay

mpivarotra. “Hitanay nihazakazaka namakivaky ny fivarotana fotsiny izy ireo fa very.”

Nampahafantariko tamin’ ny teny frantsay tamin’ ireo ankizy ireo indray ny tenako. Frantsay no tenin-drazako saingy tsy nampiasa izany intsony aho hatramin’ ny nananganan’ ny fianakaviana miteny Anglisy iray ahy fony mbola zazakely. Raha ny mahazatra dia tsy dia mazava ny fiteniko frantsay. Tamin’ izay fotoana izay anefa aho dia afaka niresaka mazava. Sady nazava tao an-tsaiko sy rehefa naloaky ny vavako ireo teny raha nampahery ireo ankizilahy ireo aho.

Tao anatin’ ny ranomaso no nanazavan’ ilay ankizilahy zokiny haingankain-gana hoe tsy hitan’ izy sy ny rahalahiny na taiza na taiza tao anatin’ ilay fivarotana ny ray aman-dreniny ka dia nihazakazaka nivoaka izy ireo nitady azy ireo. Teo am-pihainoana azy ireo aho dia toy ny tonga saina izany hoe tena mahagaga fa sady niresaka mazava tsara tamin’ ny teny Frantsay no nahazo ny zava-nitranga tamin’ ireto ankizy anankiroa feno tahotra ireto sy nahay nampahery azy ireo.

“Tsy hitan’ izy ireo ny ray

Nahatsikaritra ankizilahy roa vonton-dranomaso teo amin’ ny dimy taona sy fito taona teo aho izay nihazakazaka nankeny amin’ ilay fitobiam-piarakodian’ ilay fivarotana.

aman-dreniny ary te hiandry azy eto amin’ ny fiarany eto izy ireo,” hoy aho tamin’ ilay mpivarotra. Nolazain’ ilay ankizilahy kely tamiko ny anaran’ ny ray aman-dreniny ka nomeko an’ ilay mpivarotra izany mba hahafahany mitady azy ireo amin’ ny alalan’ ny fitaovana fampandrenesana. Minitra vitsy taorian’ izay dia hitan’ ilay ankizilahy nivoaka ny fivarotana ny rainy ka dia nihazakazaka namonjy azy izy.

Rehefa nanaraka ilay ankizilahy nandeha teny amin’ ny rainy aho dia hitako fa tsy nahay intsony na dia niteny veloma tamin’ ny teny Frantsay aza. Niezaka mafy mba hiteny zavatra mety ho azon’ ireo ankizilahy ireo aho saingy tsy nahavita niteny afa-tsy teny vitsivitsy tonga an-kisendrasendra. Farany dia nampiasa teny Anglisy aho mba hilazana tamin’ ilay ankizilahy hoe “Veloma! Dia faly nahafantatra anao.”

Rehefa navelako niaraka tamin’ ny ray aman-dreniny ireo ankizilahy ireo dia feno fankasitrahana aho. Niasa tamin’ ny alalako ny Ray any andanitra mba hampaherezana ny roa tamin’ ireo zanany kely. Nampanetry tena ahy ny hoe afaka nampivelatra ireo fahaiza-manaoko izay voafetra ihany ny Tompo mba hanatanterahana ny tanjony. Feno fankasitrahana aho nahita ny zavatra mety hitranga rehefa manolotra ny tenantsika Aminy isika rehefa antsoina, na dia amin’ ny toejavatra mampiahiahy aza. ■

Christina Albrecht Earhart,
Washington, Etazonia

TSY MAINTSY MANKANY AMIN' NY TEMPOLY AHO IZAO!

Indray alahady maraina dia nampahafantarina ny paroasy ny mpikambana iray vita batisa vao haingana. Lydia no anarany. Tonga dia nahazo ny fonay izy.

Efa zokinjokiny i Lydia ary jamba noho ny fitolomana tamin' ny aretina diabeta nandritra ny taona maro. Vetivety i Lydia dia nahafantatra ireo mpikambana tamin' ny alalan'ny feony sy ny famindrany. Antsoiny amin' ny anaranay izahay ary raisiny tanana ary tsy mba manondronondro velively hoe jamba izy.

Taorian'ilay fiandrasana herintaona izay takina dia nihaona tamin' ny eveka sy ny filohan'ny tsatòka i Lydia mba handray ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. Indray alahady nandritra ny fotoan'ny Fikambanana Ifanampiana dia nosintoniny nanakaiky azy aho ary niteny tamim-pientanentanana izy hoe, "Nilaza ny filohan'ny tsatòka fa tsy maintsy mandeha any amin' ny tempoly faran'izay haingana aho. Afaka ny hitondra ahy any ve ianao?"

Herinandro voalohan'ny Desambra tamin'izay—fotoana izay maha-be atao antsika rehetra. Niezaka nanao ilay fialan-tsiny mahazatra aho ka

"Nilaza ny filohan'ny tsatòka fa tsy maintsy mandeha any amin' ny tempoly faran'izay haingana aho. Afaka ny hitondra ahy any ve ianao?"

nilaza hoe, "Tsy afaka miandry amin' ny volana janoary ve isika?"

"Tsia, tsy maintsy mandeha izao isika!"

Nisy vondrom-behivavy iray tao amin' ny paroasy izay mpankany amin' ny tempoly isam-bolana, ka dia nanatona azy ireo aho mba hiresahana ny fanatanterahana ny dian'i Lydia. Tena be atao koa izy ireo. Saingy nolazain'i Lydia tamin-dranomaso taminay indray fa nasain'ny filohan'ny tsatòka mba handeha faran'izay haingana hono izy.

Rehefa avy nilaza izany izy dia nanaiky ny hanao ilay dia mirefy 241 km izahay ny herinandro manaraka. Rehefa teny an-dalana izahay dia nofenoinay firesahana sy finamanana teo anivon'ny vehivavy valo ny fiarakodia. Tena faly tamin' ny zavatra niainany tany amin' ny tempoly sy ny fandraisany ny fanafiana masina i Lydia.

Niharatsy ny toe-pasalaman'i Lydia ny herinandro voalohan'ny volana Janoary ka niditra hopitaly mba

hotsaboina maika dia maika izy. Nodimandry izy herinandro taty aoriana. Saingy nandeha niaraka tamin'ireo fitahiana mandrakizay izay noraisiny tany amin' ny tempoly herinandro vitsivitsy talohan'izany izy.

Taty aoriana dia notantaraiko tamin' ny filohan'ny tsatòka ny fizotran'ny dianay ary nolazaiko taminy fa tena variana aho hoe nahatsapa bitsika mba hilaza amin'i Lydia fa tokony handeha haingana any amin' ny tempoly izy.

"Tsy hoe tsy maintsy mandeha izao dia izao anie tamin'iny no tiako hola-zaina e!" hoy izy. "Lazaiko foana ireo mpihazona fahazoan-dalana hidirana ny tempoly vaovao mba handeha any amin' ny tempoly faran'izay haingana. Ny Fanahy no niteny tamin'i Lydia!"

Nampianatra antsika rehetra i Lydia mba hihaino ny Fanahy sy handray andraikitra haingana eo anatrehan'izany. Feno fankasitrahana aho noho ny fampahatsiahivany ny tokony

hihainoana ilay feo tony sy malefaka. ■

Mary Holmes Ewen,
California, Etazonia





**Nataon'ny Loholona
Anthony D. Perkins**
Ao amin' ny Fitopololahy

MANDROSOA • AMIM- pinoana

Miaina ao anatin'ny antsoina hoe “fotoana handraisana fanapahan-kevitra manan-danja” ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotreronny. Eo ampandraisana fanapahan-kevitra tena manan-danja maro eo amin' ny fiainanareo ianareo toy “ny fandehanana any amin' ny tempoly, fanaovana asa fanompoana, fandrantoana fianarana, fisafidianana izay asa hatao, fisafidianana ny ho vady ary ny famehezana ny tena mandritra izao fotoana izao ary mandrakizay any amin' ny tempoly masina.”¹

Te hiresaka manokana amin'ireo izay sahirana amin' ny iray na ny maromaro amin'ireo fanapahan-kevitra manan-danja ireo aho—ny sasany angamba mety mikatso mihitsy noho ny fahatahorana handray fanapahan-kevitra tsy araka ny tokony ho izy na noho ny fitakiana hery fanampiny hananana fahatokiana hatrany amin'izay fanapahan-kevitra noraisina teo aloha.

Misy lesona efatra mikasika ny fandraisana fanapahan-kevitra amin' ny fomba tena tsara nataon'i Nefia izay afaka mampihena ny tahotrao

sy mampitombo ny fahatokianao handroso hatrany.

1. Ankatoavy ny Didy

Ny andininy farany hita ao amin' ny rakitsoratra masin'i Nefia dia mamintina ny fiainany: “Fa izany no efa nandidian'ny Tompo ahy ka dia tsy maintsy mankatò aho” (2 Nefia 33:15).

Niseho tamin' ny fankatoavan'i Nefia ny didin'Andriamanitra ny finoany sy ny fitiavany ny Mpamonjy. Nivavaka izy (jereo ny 1 Nefia 2:16). Namaky ny soratra masina izy (jereo ny 1 Nefia 22:1). Nikatsaka torolalana avy tamin' ny mpaminany velona izy ary nanaraka izany (jereo ny 1 Nefia 16:23–24). Ny fankatoavana tahaka izany dia nanome fahafahana ny Fanahy Masina mba hanaraka an'i Nefia nandritra ny fiainany ary niteraka fahazoana fanambarana tsy tapaka.

Ianao koa dia tokony hitoetra akaikin'ny Tompo amin' ny alalan'ny fitandremana ny didin'Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fankatoavana tsy tapaka ireo zavatra madinika toy ny famakiana

Misy lesona efatra mikasika ny fandraisana fanapahan-kevitra amin' ny fomba tena tsara nataon'i Nefia izay afaka mampihena ny tahotrao sy mampitombo ny fahatokianao handroso hatrany.

ny soratra masina, ny fanaovana vavaka isan'andro, ny fanatrehana ireo fivoriana any am-piangonana, ny fanarahana ny torohevitr'ireo mpaminany velona ary ny fanompoana ny hafa dia hahamendrika ny hanananao ny Fanahy—sy ny fanambarana entin'izany.

Tsy zavatra takina mba hahazoana fanambarana manokana ny fahala-vorariana. Ny fibebahana isan'andro



*Niseho tamin' ny fan-
katoavan'i Nefia ny
didin'Andriamanitra
ny finoany sy ny fitia-
vany ny Mpamonjy.*

no zavatra takina (jereo ny Romana 3:23). Raha toa ny fibebahana ataonao ka natao tamim-kitsimpo ary feno tanteraka (jereo ny F&F 58:42–43), dia hitondra ny Fanahy mba hitantana anao eo anatrehan'ireo fanapahan-kevitra mavesatry ny fiainana ny hery manadion'ny Sorompanavotana.

2. Mandrosoa amim-pinoana

Alaivo sary an-tsaina hoe eo amin'ny toeran'i Nefia ianao. Lazain'ny rainao ianao fa nodidin'ny Tompo ny fianakavianao mba handao ny fanahy any handeha any an-tany foana. Tsy mba ho tianao ve ny hahafantatra mikasika ny dianao sy ny toerana halehanao?

Heveriko fa mety ho tena faly

MBA HANENANA NY TAHO-TRA SY HAMPITOMBOANA NY FAHATOKIAN-TENA

1. Tandremo ny didy.
2. Mandrosoa amim-pinoana.
3. Iaino ny ankehitriny.
4. Misintona hery avy amin'ny hafa.

tokoa i Nefia raha toa ka nambaran'ny Tompo mazava tsara taminy ny hoaviny. Saingy tsy izay no fomba fiasan'Andriamanitra niaraka tamin'i Nefia ary tsy izay koa no ho fomba fiasany miaraka aminao.

Rehefa nandeha namakivaky ny tany foana ny fianakavian'i Nefia dia nandray torolalana “ombieny ombieny” teny i Nefia (1 Nefia 16:29; 18:1). Ny fahalalany tanteraka miailoha ny lalam-piainany dia ho nana-kana azy tsy hiaina toe-javatra izay nampivelatra ny fanahy sy nanorina ny finoany izay nanampy azy ho lasa lehilahy mitovy bebe kokoa amin'i Kristy.

Tena tsy handao velively ny efitrano fonenanao mihitsy ianao raha toa ka miandry an'Andriamanitra mba hanambara aminao mikasika ny karazam-pianarana tokony hatao, ny olona hovadina, ny asa tokony hatao, ny toerana tokony hipetrahana, sy ny mikasika ny hoe tokony handeha any amin'ny oniversite hahazoana mari-pahaizana ambony ve, ary ny hoe firy ny isan'ny zanaka hateraka. Mijoro ho vavolombelona aho fa ho tonga “ombieny ombieny” eny ihany ny fanambarana ho an'ny tena manokana.

Tian'ny Ray any an-danitra ny hivoarantsika ary tafiditra ao anatin'izany ny fampivelarana ny

fahaizantsika manombantombana ny zava-misy, mandanjalanja ary mandray fanapahan-kevitra. Nanasa antsika koa anefa izy mba hitondra amim-bavaka ireo fanapahan-kevitra raisintsika (jereo ny F&F 9:7–9). Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo fa tonga amin'ny “fomba *telô*” ny valin'ny vavaka ataontsika.²

Fahatsapana fahatokiana mitondra fanamafisana

“Voalohany,” hoy ny Loholona Scott dia, “afaka mahatsapa fiadanana, fampaherezana ary fahatokiana ianao izay manamafy fa tsara ny fanapahan-kevitra noraisinao.”³ Nahatsapa izaho sy i Christy vadiko fa ny fananana fahatokiana eo anatrehan'ireo fanapahan-kevitra misy fiantraikany lehibe eo amin'ny fiainana dia mety azo amin'ny alalan'ny soratra masina, ary matetika aorian'ny fandehanana any amin'ny tempoly.

Ohatra, taorian'ny fandinihana sy fivavahana mafy dia nanapa-kevitra ny handao ilay tokantrano vaovao nonofinofinay tany Texas izahay, ka nanaiky ny hiasa any amin'ny toerana hafa, ary dia nitondra zanaka kely enina tany Beijing, China. Saingy naniry mafy ny hahazo fanamafisana ara-panahy izahay ho an'izany fifindran-toerana goavana izany. Tonga taminay—tany amin'ny tempoly—ilay fahazoana fahatokiana avy any an-danitra rehefa namaky ireto teny ireto tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana: “Izao no sitrapoko . . . aza mitoetra andro maro eo amin'ity toerana ity; . . . aza mihevitra ny amin'ny fanananao. Mandehana any amin'ireo tany atsianana” (F&F 66:5–7).

Ny feon'i Jesoa Kristy tao amin'ny soratra masina niaraka tamin'ireo fahatsapana mahery vaika avy amin'ny Fanahy Masina dia nanamafy fa tsara ilay fanapahan-kevitrany hifindra any Chine.





Mety ho tena faly tokoa i Nefia raha toa ka nambaran'ny Tompo mazava tsara tamin'ny hoaviny. Saingy tsy izay no fomba fiasan'Andriamanitra niaraka tamin'i Nefia ary tsy izay koa no ho fomba fiasany miaraka aminao.

ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe, “hahazo bitsiky ny Fanahy isika rehefa nanao izay rehetra vitantsika, rehefa miasa any ivelany any miaritra ny masoandro fa tsy mipetraka eo ambanin'ny aloka mivavaka mba hahazo torolalana amin'izay dingana voalohany tokony horaisina.”⁶

Ny Fanahy toy ny nitranga tamin'i Nefia dia hanamafy na hampitandrina amin'ny fotoana mahamety azy ny lalana nosafidinao.

3. Iaino ny ankehitriny

Ny fanolorantena nasehon'i Nefia nandritra ilay dia nankany amin'ny tany nampanantenaina dia mifanohitra amin'ny an'i Lamàna sy Lemoela. Nanapa-kevitra ny handeha izy ireo saingy tsy nandao velively an'i Jerosalema ny fony. Nanamboatra ilay zana-tsipikany mba hihazana i Nefia ary nitady akora harendrika hanamboarana sambo raha toa nitsotsotra tao anaty lay kosa ireo rahalahiny.

Manana Lamana sy Lemoela be dia be izao tontolo izao ankehitriny. Saingy mila lehilahy sy vehivavy manolo-tena ny Tompo. Hiaina fivoarana lehibe kokoa ianao eo amin'ny fiainana rehefa manolo-tena tanteraka amin'ny fanapahan-kevitra noraisinao ary miezaka ny hanao ny tsara indrindra eo anatrehan'ny toe-javatra iainanao amin'izao fotoana izao na dia manana drafitra ho an'ny ho avy aza ianao.

I Nefia dia ohatra iray maneho ilay torohevitra feno fahendrena avy amin'ny Filoha Thomas S. Monson: “Ny famisavisana ny lasa sy ny fanofinofisana ny hoavy dia mety hitondra fampaherezana saingy tsy haka ny toeran'ny fiainana ny ankehitriny mihitsy izany. Andro ahafahantsika mahita zava-mahasoa izao ary tsy maintsy araraotintsika izany.”⁷

Fahatsapana ho tsy mahazo aina

Ny fomba faharoa hamalin'ny Ray any an-danitra ny vavaka dia amin'ny alalan'ny “fahatsapana ho tsy mahazo aina, fahadontoan'ny saina izay mam-piseho fa ratsy ny safidy nataonao.”⁴

Rehefa avy nanao asa fanompoana tany Taiwan aho dia nieritreritra fa ho safidy hahazoana asa tena tsara ny fianarana lalàna ifandraisan'ny firenen-tsamihafa. Rehefa nandinika izany hoavy azo tanterahina izany izaho sy i Christy, dia azonay tsara fa hisy dimy taona mahery handrantoana fianarana handoavany sarany lafo izay miandry anay.

Nandalò fihemorana'ny fiharian-karena lalina i Etazonia ary kely ny vola teo am-pelatananay ka dia nanapa-kevitra izahay fa ny fidirana ao amin'ny Air Force ROTC (Oniversite no sady toeram-panofanana manamboninahitra ao amin'ny tafika ana habakabaka) no ho safidy tsara handoavana ny saram-pianarako. Saingy rehefa nanao ny fanadinana tsy maintsy natao sy nameno ny taratasy nilaina aho dia samy tsy nahazo aina tsotra izao izahay mikasika ny firosahana hanao izany. Tsy nisy hoe fahadontoan'ny saina na fahatsapan-javatra maizina—fa tsy fisian'ny fiadanana fotsiny.

Amin'ny lafiny iray izany fanapahan-kevitra toa tsy mifanaraka

amin'ny lojika ara-bola izany dia tena tsara satria mety ho mpisolo vava tsy mahafa-po ny niafarako!

Fahatokiana an'Andriamanitra

Ny fomba fahatelo hamalian'Andriamanitra ny vavaka dia: ny tsy fanomezana valiny. “Rehefa miaina amim-pahamendrehana ianao ary mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy ny safidinao ary mila mandray andraikitra ianao,” hoy ny Loholona Scott dia, “miasà amim-pahatokiana.”⁵

Ny ezaka farany nataon'i Nefia mba hahazoana ireo takela-barahina dia mampiseho ny fomba tokony hiasantsika miaraka amin'ilay fahatokiana an'Andriamanitra. Nanoratra izy hoe:

Ary notarihin'ny Fanahy aho, tsy nahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hataoko.

“Na dia teo aza izany dia nandroso aho” (1 Nefia 4:6–7).

Hiseho ao anatin'ny fotoana handraisanao fanapahan-kevitra manandanja ny tsy hahafahanao manemotra izany intsony fa tsy maintsy mandray andraikitra ianao. Nahafantatra aho fa

4. Misintona hery avy amin' ny hafa

Na dia efa avy nikatsaka ny Fanahy aza isika, niroso tamin' ny fanapahan-kevitsika ary nanolo-tena tanteraka amin'izany dia mety mbola hisy ihany ny fisalasalana izay hahatonga antsika hiahiahy ny amin' ny fanapahan-kevitsika. Eo anatrehan'ny toe-javatra toy izany dia afaka manoro hevitra na manome hery mba hijanonana eo amin'ilay lalana ny olona iray ao amin' ny fianakaviana na namana iray izay azo atokisana. Heveriko fa lasa olona azony niantetherany ny vadin'i Nefia mandritra ny dia nataony.

Nisy fahatsapana fankasitrahana ny vadin'i Nefia tonga tato amiko rehefa nitsidika ny tranombakoky ny Fiangonana aho. Nambabo ahy ilay



Afaka manoro hevitra na manome hery mba hijanonana eo amin'ilay lalana ny olona iray ao amin' ny fianakaviana na namana iray izay azo atokisana.



sary hosodoko tao izay nahitana an'i Nefia nofaktorana teo amin' ny salazantsambo iray, kotsa tanteraka tao anatin'ilay oram-baratra mahery vaika.⁸

Teo akaikin'i Nefia ny vadiny sy ny iray tamin'ireo zanany. Nofafazan'ny oram-baratra sy nianjadian'ny fijaliana toa an'i Nefia izy saingy feno fahasahiana ny masony ary namihina an'i Nefia tamim-pitiavana ny sandriny matanjaka. Tamin'izay fotoana izay aho dia nahatsapa fa izaho koa dia nomena vady mahatoky izay manome hery ahy rehefa ao anaty fotoampitsapana. Nanantena aho hoe mba ho hery nitovy tamin'izany koa ho azy.

Ry rahalahy, ny fitehirizanareo sy ny fampivelaranareo ny tanjaka arapanahy azonareo (na ho azonareo) amin' ny maha-misiõnera anareo na amin' ny fanaovana asa fanompoana mahaso hafa no fitaovana tsara indrindra hahatongavana ho vady sy raim-pianakaviana maha-te ho tia. Ry rahavavy anisan'ny toetra tena tsara anananareo amin' ny maha-vady sy reny anareo ny fahamora-mandray zavatra ara-panahy anananareo, ny finoana, sy ny fahasahiana hanaraka an'i Jesoa Kristy.

Manasa anao aho mba ho lasa ilay karazana olona izay azon'ny vadinao amin'izao fotoana izao na ilay vadinao any aoriana hisintonana torohevitra mahaso sy hery. Ny lehilahy tsara toetra iray sy ny vehivavy mendrika iray izay nofehezina mandritra izao fotoana izao sy mandrakizay tany amin' ny tempoly dia afaka mahavita zavatra sarotra amin' ny maha-mpiara miasa mitovy aminy.

Mampanantena anao aho fa raha toa ka mampihatra ny lesona nianarana avy amin'i Nefia sy ireo mpaminany maoderina ianao mikasika ny fandraisana fanapahan-kevitra dia hotarihina amin' ny alalan'ny fanambarana manokana izay raisina “ombieny ombieny” ianao. Rehefa miroso hatrany ao anatin'ilay fotoana fandraisana fanapahan-kevitra tena manan-danja ianao dia enga anie hanana finoana tahaka an'i Nefia hilaza hoe:

“Ary notarihin' ny Fanahy aho, tsy nahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hataoko.

“Na dia teo aza izany dia nandroso aho” (1 Nefia 4:6–7). ■

Avy amin' ny lahateny hoe “Nevertheless I Went Forth,” natao mandritra ny fampaherezam-panahy iray tao amin' ny Brigham Young University ny 4. Feb. 2014. Mba hahitana ny lahatsoratra iray manontolo amin' ny teny anglisy dia midira ao amin' ny speeches.byu.edu.

FANAMARIHANA

1. Robert D. Hales, “To the Aaronic Priesthood: Preparing for the Decade of Decision,” *Liahona*, mey 2007, 48.
2. Richard G. Scott, “Using the Supernal Gift of Prayer,” *Liahona*, mey 2007, 10; nampiana fanamafisana any amin'ilay lahatsoratra fototra.
3. Richard G. Scott, “Using the Supernal Gift of Prayer,” 10.
4. Richard G. Scott, “Using the Supernal Gift of Prayer,” 10.
5. Richard G. Scott, “Using the Supernal Gift of Prayer,” 10.
6. Dallin H. Oaks, “In His Own Time, in His Own Way,” *Liahona*, aog. 2013, 26.
7. Thomas S. Monson, “In Search of Treasure,” *Liahona*, mey 2003, 20.
8. Jereo ny *Vady*, nosoratan'i K. Sean Sullivan, ao amin' ny “The Book of Mormon: A Worldwide View,” *Liahona*, Des. 2000, 37.

KATSAHO IZY

“Nahoana no ato amin’ ny maty no itadiavanareo
ny velona? Tsy ato Izy fa efa nitsangana”

(Lioka 24:5-6).



NOHO I JOSEPH

Fantaro ireo fomba enina maha-hafa (na mety haha-hafa) ny fiainanao noho ny Mpaminany Joseph Smith.

Nosoratan'i Ted Barnes

Departemantan'ny Fisoronana


Efa mihoatra ny 170 taona lasa izay no nahafatesan'i Joseph Smith. Niaina nandritra ny 38 taona monja izy, nandany ny ankabeazan'izany fotoana izany tany amin' ny toerana maro tsy misy mpahalala mihitsy hany ka mety tsy ho hitanao na aiza na aiza raha tsy amin'ireo sarintany manazava amin' ny antsipiriany indrindra. Ary mety ho zavatra tsy vaovao aminao ny ankamaroan'ireo zavatra nataony teo amin' ny fiainany. Kanefa efa noeritreretinao ve ny fomba fiantraikan'izany aminao manokana? Maro loatra anefa ireny raha isaina, fa azonao atao ny manomboka amin'ireto enina ireto.

Noho i Joseph Smith:

1. Ianao dia mahafantatra hoe iza marina moa Andriamanitra sy i Jesoa Kristy.

Na dia tsy noho i Joseph Smith aza, dia mety mbola mino an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy ianao. Mety manana ireo fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Baiboly ianao. Kanefa eritrereto hoe hatraiza ny halalin'ny fahatakaranao sy ny halehiben'izany noho ny zavatra izay naverin'i Joseph Smith tamin' ny laoniny—ireo tenivavolombelona hentitra sy mitondra fanamafisana momba ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. Ohatra, mahafantatra zavatra izay tsy hain'ny ankabeazan'ny olona eto amin'izao tontolo izao ianao: fa ilay Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty dia niseho tany Amerika—voamarina izany, tamin' ny teniny, fa Izy dia tsy “Andriamanitr' Israely, [irery ihany fa] Andriamanitry ny tany manontolo [ihany koa]” (3 Nefia 11:14).

Eritrereto ny hahazoan'ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy tanjaka amin' ny alalan'ny tenivavolombelona mahery vaikan'ireo mpaminany toa an'i Lehi sy Almà ary i Môrônia—raha tsy hilaza afa-tsy ny an'i Joseph Smith aho, izay nanambara fa: “Velona Izy! Fa hitanay Izy, eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra” (F&F 76:22–23). Tena fitahiana ny fananana hazavana fanampiny amin' ny fotoana isedrana sy mazàna amoizana ny finoana an'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy.





3. Ny fianakavianao dia afaka ny ho mandrakizay.

Nahoana no mikorotan-tsaina momba ny mahazava-dehibe ny fanambadiana sy ny fianakaviana ny olona marobe? Satria tsy fantatr'izy ireo angamba ilay fotopampianarana, izay naverina tamin' ny laoniny tamin' ny alalan'i Joseph Smith, fa ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia tendrin'Andriamanitra ary natao ho mandrakizay (jereo ny F&F 49:15; 132:7). Tsy fomba-fomba noforonin'ny olombelona fotsiny izay tsy fanaon'ny fiarahamonina intsony akory ireny—ao anatin'ny lamina mandrakizain'ny lanitra ireny. Ary noho ny fanalahidin'ny fisoronana sy ny ôrdônansin'ny tempoly izay tafaverina tamin' ny laoniny tamin' ny alalan'i Joseph Smith dia afaka miantomboka eto an-tany ilay fianakaviana mandrakizainao.

2. Fantatrao fa zanak'Andriamanitra ianao—ary toy izany koa ny olon-kafa rehetra.

Angamba ny fahamarinana mikasika ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra no fahamarinana manan-danja indrindra naverin'i Joseph Smith tamin' ny laoniny.¹ Raintsika ara-bakiteny Izy. Efa naka fotoana nieritretetana momba ireo zavatra marina izay aterak'izany zava-nitranga izany ve ianao? Manova ny fomba fijerinao ny tenanao izany: na dia eo aza ny fihevitr'izao tontolo izao momba anao, ianao dia mahafantatra fa zanaka malalan'Andriamanitra ianao, manana ireo toetra ananany ao anatin'ny. Manova ny fomba fijerinao ny hafa izany: tampoka eo ny rehetra—*ny rehetra*—dia lasa rahalahinao na rahavavinao. Manova ny fomba fijerinao ny fiainana izany: ny fifaliana sy ny fisedrana rehetra eo aminy dia ampahany amin' ny drafitry ny Ray any An-danitra hanampiana anao ho tonga tahaka Azy. Tsy ratsy raha hirahiraina ny momba izany ao amin' ny Kilonga!²

4. Manana anjara amin' ny fisoronana sy ny fitahiana entiny ianao.

Azo atao batisa sy afaka mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ianao satria naverin'Andriamanitra tamin' ny laoniny tamin' ny alalan'i Joseph Smith ny fisoronany. Afaka mikatsaka ireo fitahian'ny fisoronana dia ny fanasitranana, fampaherezana, ary fitarihana ianao. Afaka manao fanekempihavanana masina izay mamatotra anao amin'Andriamanitra ianao. Ary afaka manavao ireo fanekempihavanana nataonao ianao isan-kerinandro rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo. Mirotsaka eo amin' ny fiainanao amin' ny alalan'ny ôrdônansin'ny fisoronana ny herin'Andriamanitra (jereo ny F&F 84:20–21). Tsy misy ho tanteraka izany rehetra izany raha tsy teo ny asa nataon'i Joseph Smith.



5. Ianao dia tsy andevozin'ny fiankinan-doha amin' ny zavatra mampidi-doza.

Na farafaharatsiny tsy ho andevozin'izany ianao raha toa ka mankatò ilay fanambarana noraisin'i Joseph tamin' ny 1833—efa fotoana ela talohan'ny nanaporofoana fa miteraka homamiamian'ny avokavoka ny sigara sy ny paraky ary misy ifandraisany amin' ny toaka ny aretin'ny aty. Rehefa manana mpaminany iray izay manambara aminao ny fahendren'Andriamanitra ianao dia nahoana no miandry ny fahendren'izao tontolo raha fahalalana mitovy izao ihany? Ny Tenin'ny Fahendrena dia maneho fa tsy ny fanahintsika fotsiny akory no raharahian'Andriamanitra fa ny vatantsika ihany koa (jereo ny F&F 89). Ambonin'izany, ny fanambarana nomena an'i Joseph Smith dia maneho fa ny fananantsika vatana dia mahatonga antsika ho tonga bebe kokoa—fa tsy latsak'izany—tahaka ny Ray any An-danitra, izay manana vatana nofo sy taolana ihany koa (jereo ny F&F 130:22).

MANDRAISA ANJARA AMIN' NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA

Ireo zavatra ho saintsainina ho an'ny alahady

- Ahoana no ahafahako manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananako mikasika ny Mpaminany Joseph Smith?
- Ahoana no ahafahako maneho fankasitrahana bebe kokoa ny mpaminany velona amin' ny alalan'ny teny sy ny asa ataoko?

Ireo zavatra azonao atao

- Zarao amin' ny mpiara-mivavaka, amin' ny fianakavianao sy ny namanao, na amin' ny tambazotra ifaneraserana, ny fiovan'ny fiainanao noho ny Mpaminany Joseph Smith.
- Apetraho amin' ny Ray any an-danitra tahaka ny nataon'i Joseph Smith ireo fanontaniana. Makà fotoana hivavahana amim-pandohalihana ka mangataha fitarihana Aminy. Avy eo, dia miandrasa ka henoy ny hevitra na fahatsapana tonga aminao. Raketo ao anatin'ny diarinao ireo eritreritra tonga ao an-tsainao.
- Vakio ny lahateny “Joseph Smith” nataon'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nalaina tao amin' ny fihaonamben'ny Fiangonana volana oktôbra 2014. Manaova drafitra hampiharana ireo sosokevitra roa arosomy amin' ny fomba hampioenenanao sy hizaranao ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika an'i Joseph Smith.



6. Ianao dia afaka mahafantatra mivantana ny fahamarinana amin' ny alalan'ny Fanahy Masina.

Tsy misy fanambarana intsony: izany no firehan-kevitra teo anivon'ny fiangonana maro tamin' ny fotoana nandehanan'i Joseph tao amin'ilay Ala Masina tamin' ny 1820. Nandiso izany ny Fahitana Voalohan'i Joseph. Misokatra ny lanitra—ary tsy amin' ny mpaminany irery ihany. Ireo rehetra izay manam-panontaniana dia afaka

mandray valiny rehefa mikatsaka izany amim-panetrentena sy amim-pahazotoana (jereo ny F&F 42:61; 88:63). Ohatra, afaka mahafantatra mivantana ianao tahaka ny fomba nahafantaran'i Joseph Smith fa izy dia mpaminanin'Andriamanitra: amin' ny alalan'ny fanontaniana an'Andriamanitra Izy tenany mihitsy.

Santatra ihany anefa ireo voalaza ireo. Inona no hanampianao ireo? Inona no mampiavaka ny fiainanao noho i Joseph Smith? ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* [2007], 37–44.
2. Jereo ny “Zanaky ny Ray Aho” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* pejy 113.

“Ny mpaminany velona dia manan-danja bebe kokoa amintsika noho ny mpaminany efa maty iray...”

“... Ny fanambaran’Andriamanitra tamin’i Adama dia tsy nanome toromarika an’i Noà ny amin’ ny fomba fananganana sambofiara. Nila fanambarana ho an’ny tenany manokana i Noà. Noho izany, raha mbola ny amintsika sy ianao hatreto, ny mpaminany manan-danja indrindra amintsika dia ilay velona amin’izao andro sy fotoana misy antsika izao; ilay hanambaran’Andriamanitra amin’izao fotoana izao ny sitrapony ho antsika. Noho izany, ny teny manan-danja indrindra tokony hovakin-tsika dia izay tenin’ny mpaminany ... voarakitra isam-bolana ao anatin’ny gazetibokin’ny Fiangonantsika. Hita ao anatin’ireo lahateny mandritra ny fihaonamben’ny Fiangonana izay voarakitra ao anatin’ny gazetiboky [Liahona] ireo tari-dalana tokony harahintsika isaky ny enim-bola...”

“Mitandrema amin’ireo mampiasa ny tenin’ireo mpaminany efa maty hanoherana ny tenin’ireo mpaminany velona satria **ny mpaminany velona hatrany no lohalaharana.**” ■

Avy amin’ny President Ezra Taft Benson (1899–1994), “Fourteen Fundamentals in Following the Prophet” (Fampaherezam-panahy tao amin’ny Brigham Young University, Feb. 26, 1980), 2, speeches.byu.edu.

Zarao ny hevitrao

Inona no dikan’ny hoe manohana ny mpaminany velona aminao? Zarao amin’ ny fianakavianao sy amin’ ny namananao na ao amin’ ny tambazotra ifaneraserana ny hevitrao.

NY
OHATRY NY
MPAMONJY
AMIN' NY
fankatoavana

*Nametraka ny lamina harahintsika
rehetra ny ohatra nasehony.*

Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales ao amin' ny Kôle-
jin'ny Apôstôly Roambinifolo nandritra ny fihaonamben'ny
fiangonana tamin' ny volana aprily 2014 hoe:

“Amin'ireo lesona rehetra ianarantsika avy amin' ny fiainan'ny
Mpamonjy dia tsy misy mazava sy mahery kokoa noho ny lesona
momba ny fankatoavana.” Tsy ny *antony* maha-
zava-dehibe ny fankatoavana ny Ray ihany
no ampianarin'ny ohatra nasehon'ny Mpa-
monjy antsika fa ny *fomba* ahafahantsika
mankatò ihany koa. Rehefa mandalina
ireto ohatra manaraka ireto ianao izay
notsongaina tamin' ny asa fanompoany dia
eritrereto ny fomba mety hanoritan'izany
ny lalana tokony harahinao eo amin' ny
fiainanao.

“FA TSY
MITADY NY
SITRAPOKO AHO, FA
NY SITRAPON'NY
RAY IZAY
NANIRAKA AHY.”

(Jaona 5:30; jereo ihany koa ny
Jaona 6:38; 8:28-29; 14:31)



INONA NO AZONAO ATAO?

Hoy ny Loholona Hales hoe: “Nampianatra antsika hankatò tamin’ ny teny tsotra izay mora takarina i Jesoa: ‘Raha tia Ahy Hianareo, dia hitandrina ny didiko’ [Jaona 14:15], ary ‘Avia, manaraha ahy’ [Lioka 18:22].

Inona no hataona anio mba hahatonga anao ho mpankatò bebe kokoa?



2

1. Na dia tsy nanota aza i Jesoa dia nekeny ny hatao batisa, “hahatanteraka ny fahamarinana rehetra” (Matio 3:13-17; jereo ihany koa ny 2 Nefia 31:4-7; Jaona 3:5).

2. Tamin’i Jesoa feno 12 taona, rehefa hitan’i Josefa sy i Maria nampianatra teo an-kianjan’ny Tempoly Izy, dia “nanao azy ireo” Izy ka niara-nody tamin’izy ireo tamim-pankatoavana (jereo ny Lioka 2:42-51).

3. Na dia nangataka ny hanesorana ilay kapoaka Taminy aza Izy, dia naleony ihany niaritra ny fanaintainana tao amin’ ny Sahan’i Getsemane (jereo ny Matio 26:36-44; Lioka 22:39-54).

4. Nanaja ny andro Sabata Izy ary nanatrika ireo fotoana rehetra tao amin’ ny synagoga (jereo ny Lioka 4:16-44).


5. Nanaiky ny hotsarain’olombelona i Jesoa mba hahatanteraka ny asa sy ny voninahitry ny Ray (jereo ny Isaia 53:7; Matio 26:53; Mosesy 1:39).

6. Tontosany ny asany tamin’ ny name-lany ireo olon-dratsy hanombo Azy teo amin’ ny hazo fjaliana (jereo ny Matio 27:35; Jaona 10:17-18; Galatiana 1:3-5).



3

SATRIA NANKATÒ NY MPAMONJINTSIKA



“Koa satria nankatò ny Mpamonjy antsika dia nanao sorona noho ny fahotantsika Izy, ka nanao izay hahatanteraka ny fitsanganantsika amin’ ny maty ary nanomana ny lalana hiverenantsika any amin’ ny Raintsika any an-danitra, izay nahafantatra fa hanao fahadisoana isika eo ampianarantsika mankatò eto amin’ ny fiainana an-tany. Rehefa mankatò isika dia manaiky ny sorona nataony satria mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon’i Jesoa Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra, amin’ ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansy ary ireo didy ao amin’ ny filazantsara.”

Loholona Robert D. Hales ao amin’ ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo, “‘Raha tia ahy ianareo, dia hitandrina ny didiko,’” *Liahona*, mey 2014, 35.



8
“NANDRITRA NY ASA
FANOMPOAN’I
[KRISTY],
DIA ‘NALAIM-PANAHY
IZY KANEFA
TSY NILEFITRA
TAMIN’IRENY
[FAKAM-PANAHY IRENY]’
[F&F 20:22].”
— Loholona Robert D. Hales




7. Noho ny fankatoavany hatrany ny Rainy, dia nandeha tany amin’ ny tontolon’ny fanahy i Jesoa ka nandrindra ny asa fitoriana tany (jereo ny 1 Petera 3:18-20; 4:6).

8. Nalain’i Satana fanahy lzy kanefa tsy nilefitra tamin’izany (jereo ny Matio 4:1-11; F&F 20:22).

9. Manohy manao ny sitraon’ny Rainy lzy sady mitarika ny Fiangonana (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:16-17; F&F 19:2, 24)

SEHATRA HO ANTSIKA



IREO MPAMONO AFO SY NY FIADIAN'ANDRIAMANITRA

Tony sy nilamina ny tao amin' ny toeram-piasako tamin'izay andro izay, mpamono afo mpilatsaka an-tsitrapo no asako tamin'izany, ka nanapa-kevitra aho hamaky ny Bokin'i Mórmona. Rehefa nahita ahy namaky ny iray tamin' ny mpiara-miasa tamiko dia nanontany raha toa ka haiko ny fomba hitafiana ny fiadian'Andriamanitra amin'izao andro maoderina izao. Raha mbola niresaka izahay dia

injao naneno ny anjombona fanairana. Nisy tranombarotra may teo akaiky teo.

Natsofokay faingana ny akanjo sy ny fitaovana entina rehefa mamono afo ka nankany an-toerana avy hatrany izahay. Lehibe tokoa ny lelafo, ka nisy zavatra nipoaka nifanandrify tamin' ny faritra nisy anay rehefa iny nanatona ilay tranom-barotra iny izahay. Voahodidin'ny lelafo izahay. Badenin'ilay fipoahana izaho sy ilay mpiara-miasa tamiko ka tsy hitanay izay natao nandritra ny segaondra vitsy. Soa ihany anefa fa teo ireo fitaovana sy akanjo niaro anay ka tsy naratra izahay.

Nony tafaverina tany amin' ny toby izahay rehefa avy namono ilay afo dia nanontaniako ilay mpiaramiasa tamiko raha toa ka tsaroany ilay fanontaniany momba ny fiadian'Andriamanitra. Tsaroany hoy izy, ka nohazavaiko taminy fa mitovy amin'ireo fitaovana sy akanjo fiarovany ny fiadian'Andriamanitra. Tsy maintsy mitondra sy miankanjo izany lalandava isika mba hahafahantsika miatrika ny fanafihana mahery vaika ataon'ny fahavalo. Rehefa mitandrina ny didy isika dia homena ilay hery miaron'ny fiadian'Andriamanitra ary ny Fanahy Masina no ho mpitarika antsika. ■

Nosoratan'i Fernando de la Rosa Marrón, Mexique



NY SORATRA MASINA TIAKO INDRINDRA

1 Samoela 16:7. “FA TSY MBA TOY NY FIJERIN’NY OLONA NO FIJERIN’I JEHOVAH; FA NY OLONA MIJERY NY MISEHO EO IVELANY, FA JEHOVAH KOSA MIJERY NY FO” (1 SAMOELA 16:7).

Talohan’ny naha-mpikambana ahy, dia nihevitra ny tenako lalandava ho tahaka ny olon-tsotra manana fahaizama-nao mitovy amin’ ny an’ny rehetra aho. Nahatsapa aho fa tsy mba nananjavatra miavaka hatolotra. Natahotra ny hampahafantatra ny olona ny amiko aho noho ny tahotra ho voailikilika sy ho voaratra. Nihevitra aho fa ny olona rehetra nanodidina ahy dia matanjaka, sy mahay kokoa, ary tsara kokoa noho izaho.

Kanefa niova daholo ireny fomba fijery ireny rehefa lasa mpikamban’ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany Aho. Nianatra aho fa zanak’Andriamanitra avokoa isika rehetra ary nandova ireo toetra araka an’Andriamanitra. Takatro amin’izao fotoana izao fa tsy misy fifaninanana ny amin’ ny hoe iza no mahay, sy manankarena, na tsara tarehy kokoa. Mitovy isika rehetra eo imason’ny Tompo, ary lzy irery ihany no mitsara—tsy mifototra amin’ ny lafiny ara-batantsika izany fa amin’ ny fankatoavantsika sy ny faniriantantsika hanaraka ny lalana nosoritany kosa. ■

Nosoratan’i Azucena, Philippines

HIASA VE IANAO AMIN’ NY ALAHADY?

Nahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka ny amin’ ny filazantsaran’i Jesoa Kristy aho fony 15 taona, ary tena faly be rehefa niditra ho mpikamban’ny Fiangonana. Niasa aho tamin’izany hitondrana fanampiana teo amin’ ny famelomana ny fianakaviana. Tsy ela akory taorian’ny nahavitan’ny batisako anefa dia voaroaka tamin’ ny asako aho.

Nila nahita asa faran’izay hain-gana aho satria niankina tamiko ny fianakaviako, saingy nitaky ny hiasako alahady daholo ny asa rehetra hitako. Nandà tolotr’asa maro aho satria nahafantatra fa mila mandeha any am-piangonana rehefa alahady. (jereo ny F&F 59:9–10).

Afaka roa volana nitadidiavana asa dia mbola tsy nahita foana aho. Tsy mpikamban’ny Fiangonana ny reniko, ary na dia mino an’Andriamanitra aza izy, dia tezitra be mihitsy ny amin’ ny nandavako asa be dia be.

Nijery ahy tamin-dranomaso izy indray alina ka nanontany hoe: “Nahoana Andriamanitra no mamela izao hitranga amintsika kanefa ianao tena mahatoky amin’ ny fanaovana ny marina?”

“Neny a! tsy fantatro hoe nahoana no mitranga amintsika izao, kanefa fantatro fa manao izay marina aho, ary fantatro fa

hitahy antsika Andriamanitra noho izany”, hoy aho namaly.

Ny ampitso marainan’iny dia nisy olona nanolotra vola be ho ahy ho sandan’ny fitaterana entana mavesatra maromaro avy ao amin’ ny trano iray mankany amin’ ny trano iray hafa mandritra ny roa andro. Mafy be ilay asa, kanefa rehefa nandray ilay vola aho dia nody avy hatrany ka nanolotra vavaka feno fankasitrahana. Tsy ela akory dia nahita asa tsy mampiasa ahy amin’ ny andro alahady aho, ary nanana asa foana nanomboka tamin’izay.

Faly aho tamin’ ny nisafidianako ny hitandrana ny Sabata ho masina. Feno fisedrana ny fiainana, kanefa fantatro fa hotahian’ny Tompo isika raha toa ka miezaka ny ho matanjaka na dia eo aza ireo fisedrana. ■

Nosoratan’i Sahil Sharma, Inde





**Nataon'ny Loholona
Neil L. Andersen**

Ao amin' ny Kôlejin'ny
Apôstôly Roambinifolo

INONA NO HATAO MBA HO HENDRY

Amin'izao andron'ny fitobahan'ny fampahalalana izao, no tena ilantsika fahendrena indrindra—fahendrena entina **hifantenana sy handanjalanjana** ny fomba hampiharana ny zavatra ianarantsika.

Aoka hotadidiantsika fa:

1. Tsy maintsy mitady fahendrena isika.
2. Maro karazana ny fahendrena sy azo ampiharina amin' ny toe-javatra maro samihafa.
3. Ny fahendrena azo hatramin' ny fahakely dia mitondra fitahiana goavambe.
4. Ny fahendrena amin' ny toe-javatra iray dia mety tsy azo ampiharina amin' ny toe-javatra iray hafa.
5. Ny fahendren'izao tontolo izao, izay mahasoa tokoa ho an'ny tranga maro samihafa, dia ho faran'izay mahasoa rehefa milefitra amim-panetrentena eo anatrehan'ny fahendren'Andriamanitra.

Mamaritra karazana fahendrena roa ny soratra masina: ny fahendren'izao tontolo izao sy ny

fahendren'Andriamanitra. Manana ny lafy tsarany sy ny lafy ratsiny ny fahendren'izao tontolo izao. Mba hamaritana ny fahendren'izao tontolo izao amin' ny fomba tena ratsy indrindra, dia azo faritana ho toy ny ampahana fahamarinana miharo fahakingan-tsaina sy fandemen-tsaina entina hanatratrarana tanjona mifono fitiavan-tena na tanjona ratsy izany.

Misy karazana fahendren'izao tontolo izao iray hafa izay tsy dia manana tanjona ratsy loatra toy izany. Tena tsara ilay izy raha ny marina. Ity fahendrena ity dia azo amin' ny alalan'ny **fandalinana, fieritreretana, fandinihana, ary asa mafy.** Tena mahasoa sy manampy antsika amin' ny zavatra ataontsika tokoa izy io. Ho an'ny olona tsara fanahy sy tsara fitondrantena, dia tonga amin-tsika izany mandritra ity fiainana an-tany ity.

Fa ny tena zava-dehibe, dia tsy tokony hialoha lalana ny fahendrenan'Andriamanitra ary tsy tokony ho eritreretina fa afaka ny hahasolo izany ny fahendrena izay mitondra fahombiazana eo amin'izao tontolo izao.

Tsy noforonina hitovy ny fahendrena rehetra. Mila mianatra isika fa rehefa misy fifanoherana eo amin' ny fahendren'izao tontolo izao sy ny fahendren'Andriamanitra, dia tsy maintsy **mampifanaraka ny sitrapontsika amin' ny fahendren'Andriamanitra isika.**

Mangataka anareo aho mba hieritreritra ireo olana sasany atrehinareo. Makà taratasy iray ary tsipiho midina eo afovoany. Tanisao eo amin' ny ilany ankavia ny fahendren'izao tontolo izao ary eo amin' ny ilany ankavanana kosa ny fahendren'Andriamanitra. Soraty ireo olana izay tsy mampifanaraka ny andaniny amin' ny ankilany.

Inona no safidy arahinao?

Ao amin' ny fizarana faha 45 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavana, izay miresaka ireo tranga mialoha ny Fiavian'ny Mpanonjy Fanindroany, ny Tompo dia mitantara indray ny tantaran'ireo virjiny folo ary namela ireto teny ireto ho antsika: “Fa ireo izay hendry ary efa

nandray ny Fanahy Masina ho mpitari-dalàna—lazaiko aminareo marina tokoa, fa tsy hokapaina ireo ka hatsipy any anaty afo fa hahatanty ny andro” (jereo ny F&F 45:57).

Ndeha isika hikatsaka ny fahendren'Andriamanitra.

Misy zavatra maro azontsika ianarana momba ny fahendrena amin'izao fotoana izao. Mampanantena anareo aho fa ho tonga aminareo ny fitahian'ny Tompo rehefa mikatsaka fahendrena ianareo, dia ny fahendren'Andriamanitra izany. Tena tsy andriny ny hizarana ny fahendreny amintsika. Ary raha toa ka mankatò sy mivavaka tsy tapaka ary mitady izany isika, dia ho tonga izany. ■

Nalaina tamin' ny lahateny natao nandritra ny lanonam-panokafana ny taom-pianarana tao Brigham Young University—Idaho tamin' ny 10 aprily 2009.

AHOANA NO FOMBA NAMPIHARANAO AN'IZANY?

“Misy zavatra roa azo isafidianana foana. Afaka misafidy izay tianao ianao. Kanefa tokony hanapa-kevitra amim-pahendrena ianao. Afaka milaza aho hoe afaka manampy anao isan'andro ny fisafidianana ny Tompo ary afaka manampy anao amin' ny toe-javatra tsirairay ny fananana ny Fanahy miaraka aminao. Ny fisafidianana ny mifanohitra amin'izany kosa dia hitondra fahatsapana tsy fifaliana, fahatsapana fifaliana izay toa miserana kanefa ho hitanao ny vokany avy eo ka hanenina mafy tokoa ilay fanapahan-kevitra noraisinao ianao. Mijanòna eo amin' ny faritry ny Tompo! Tsy mora foana izany, kanefa tsy mahafaty antoka ny manao azy!”

Nosoratan'i Samuel J., mipetraka any Autriche



Mety ve ny mamonjy
Ianonam-pandihizana na
fety izay fantatro fa hisy **zavatra**
ratsy hiseho mba hahafahako
 mampiseho **ohatra tsara?**

Anontanio ny tenanao hoe: “Karazana ohatra toa inona tokoa moa no tiako haseho amin’izany fotoana izany?” Raha toa ianao ka manan-kevitra handeha any amin’ ny toerana mety hisy rongony na zava-pisotro mahamamo, fitafy tsy maotina, mozika misy tononkira vetaveta, na fandihy mamoa fady, ahoana no hampisehoanao ny olona fa afaka ny hahatsapa fifaliana izy ireo na dia tsy misy ireo zavatra ireo aza? Inona no mety ho eritreretin’ny olona manodidina anao—“Tsy ohatra tsara maneho ny finoana sy fanarahana fitsipika ambony ve izao?” sa “Fa inona koa no ataon’io olona io aty e?” Amin’ ny ankamaroan’ny fotoana, dia ho ohatra tsara lavitra ianao rehefa tsy mandeha mihi-tsy, satria tsy hamela ny tenanao hankahatra amim-panahy iniana fakam-panahy ianao. ■

Hatraiza ny fahefan’ i Satana amin’ ny eritreritro?

Manome toky antsika ny Ray any an-danitra fa manana ny safidim-pitondrantena isika dia ny fahafahana misafidy ny tsara na ny ratsy. Tsy hanery antsika hanao ny tsara Izy, ary ny devoly koa tsy afaka hanery antsika hanao ny ratsy (jereo ny *Enseignements*

des Présidents de l’Eglise: Joseph Smith [2007], 214).

Noho izany, raha ny amin’ ny eritreritrao, dia tsy manana fahefana amin’izany ny devoly raha tsy omenao vahana. Niteny ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Tsy afaka ny hisarika antsika amin’ ny fakam-panahiny i Satana


raha tsy hoe manaiky izany sy milefitra amin’izany ao am-pontsika isika” (*Enseignements de Joseph Smith*, 213). Niteny ihany koa izy fa, “Tsy manana fahefana amintsika ny devoly raha tsy omentsika lalana” (214).

Ankoatra izany dia milaza amintsika ny soratra masina fa “tsy misy afa-tsy Andriamanitra ihany no mahalala ny eritreritrao sy ny fisaintsainan’ny fonao” (F&F 6:16), noho izany raha ny marina dia tsy mahafantatra izay eritreretinao akory Satana. Manolotra

fakam-panahy sy fanangolena ihany no azony atao. Fa raha misafidy ny hanaraka ireny ianao, dia hanankery lehibe aminao izy ary hihamafy ny fakam-panahy. Sahala amin’izany koa, raha manohitra ny ratsy ary misafidy ny tsara ianao, dia hampatanjahana sy hotahiana. ■

Vala Iray, MPIANDRY IRAY

Ny valan'andian'ondry iray dia mampianatra antsika momba ny fitiavan'ny Mpamonjy ny olony.



Vala Taloha

Inona izany: Toerana tsotra voafefy ho an'ny biby, toerana mirindrina.

Tanjona: Mba hiarovana ny andian'ondry amin' ny biby mivelona amin' ny haza sy ny mpangalatra, indrindra amin' ny alina.

Fitaovana sy fandrafetana: Vato, mazàna miaraka amin' ny zavamaniry misy tsilotsilo izay matetika apetraka eo ambonin'ny tamboho. Nampiasaina ihany koa matetika ny lobolobon-tsilo matevina ho fefin'ny valan'ondry vonjy maika. Indraindray dia lavabato no natao valan'ondry, asiana fehy vato na sampantsampan-javamaniry eo amin' ny fidirana.

ZAVA-MARINA NALAINA TAO AMIN' NY BAIBOLY

- Tena nilaina mihitsy ny ondry noho ny henany, rononony, taviny, volony, ny hodiny, ary ny tandrony, ary anisan'ny biby voalohany fanao sorona izany.
- Ao Israely, ny ambodia, hiena, pantera, ary ny sakala no isan'ireo biby mivelona amin' ny haza izay mpikendry ny ondry. Ny liona sy ny bera ihany koa dia nonina tamin'io toerana io taloha (jereo ny 1 Samoela 17:33-37).
- Nampiasa tehina lava ny mpiandry ondry hitarihana ny ondry ary rotsakazo sy antsamotady hiarovana azy ireo.
- Entin'ny mpiandry ondry miraoka ahi-maitso sy misotro rano eny amoron'ny rano ny ondriny mandritra ny andro, (jereo ny Salamo 23:1-2) dia miverina ao am-bala amin' ny alina. Fanaon'ny mpiandry ondry ny manisa ny ondry rehefa tafaverina, mitady izay very raha misy tsy ao. Avy eo dia matory eo amin' ny tokenam-baravaran'ny vala izy hiarovana azy ireo.
- Ilay Mpiandry Tsara no niantsoan'i Jesoa Kristy ny tenany (jereo ny Jaona 10:11-15) satria nanolotra ny ainy ho antsika Izy. Noharin'ny tamin' ny vavahadin'ny valan'ondry ihany koa ny tenany (jereo ny Jaona 10:1-9) satria amin' ny alalany no handraisantsika sakafo-panahy, fitsaharana, fiadanana, famonjena, ary fisandratana.
- Noharin'ny Apôstôly Paoly tamin' ny Fiangonana ny andian'ondry (jereo ny Asan'ny Apôstôly 20:28).

SARY NATAON'T DAVID HABBEIN; SOMBINY NALAINA AVY TAMIN' NY TANTARANT'I KRISTY SY ILAY ZATOVO MPAIMAN-KAREVA; NATAON'TI HENRICH HORMANN



ONDRIY HAFI

Niresaka momba ny “ondry hafa ... izay tsy amin'ity vala ity” (Jaona 10:16) ny Mpamonjy, izay midika ho ny Nefita sy ny Lamanita, izay nentina niala an'i Israely (jereo ny 3 Nefia 15:14-24). Niresaka momba ny famangiana ireo foko verin'i Israely ihany koa Izy (jereo ny 3 Nefia 15:20; 16:1-3).

Inona no azontsika ianarana

Ny valan'ondry dia:

Toerana iangonan'ny andian'ondry. Amin' ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika, dia misy fifamatorana mampiray hina antsika amin' ny alalan'ny finoantsika sy ny fanekempihavanantsika ary koa amin' ny alalan'ny fiangonantsika miaraka ara-bakiteny. Ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany dia nampianatra fa: “Ny fifaliana avy amin' ny firaisan-kina izay tian'ny [Ray any an-danitra] homena antsika mafy dia tsy natao ho an'olon-tokana. Tsy maintsy mikatsaka izany ary manao izay hahamendrika ny hahazoana izany miaraka amin' ny hafa isika. Tsy mahagaga izany raha toa ka mamporisika antsika mba hivondrona Andriamanitra mba hahafahany mitahy antsika. Tiany ny mba hivondronantsika ao anatin'ny fianakaviana. Nanorina kilasy, paroasy sy sampana Izy ary nandidy antsika mba hiara-hivory matetika. Afaka mangataka amim-bavaka an'izany firaisan-kina izany isika sy miasa mba hahatratrarana izany izay hitondra fifaliana ho antsika sy hampitombo ny hery hanompoantsika” (“Ny Fointsika Mitambatra ho Iray,” *Liahona*, nôv. 2008, 69).

Toerana miaro amin' ny loza sy toeram-pitsaharana. Ao amin'i Jesoa Kristy isika no “hahita fitsaharana ho an'ny fanahin[tsika]” (Matio 11:29). Ny Fiangonany no “fiarovana, sy . . . fialofana” (F&F 115:6). Ary toy izao no nampianarin'ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: “Mahazo fiarovana ho an'ny tenantsika isika . . . ao anatin'ny fanajana ireo fanekempihavanana nataontsika ary ao anatin'ny fanatanterahana ireo fihetsika tsotra maneho fankatoavana izay takina amin'ireo mpanaradia an'i Kristy” (“Fantatro Ireo Zavatra Ireo,” *Liahona*, mey 2013, 7).

Arovan'ny mpiandry ondry. I Jesoa Kristy no ilay Mpiandry Tsara mamonjy antsika. Nijaly sy maty Izy mba hahafahantsika mandresy ny fahotana sy ny fahafatesana ary hiverenantsika eo anatrehan'ny Raintsika any andanitra. Rehefa manatona an'i Kristy ary mankatò ny didiny isika dia mitahy, sy mitarika Izy ary sady miaro antsika tsirairay no miaro antsika amin' ny maha-vahoakan'ny fanekempihavanany antsika. ■

“Ahoana no hahafahako tsy hihafahafa raha hiresaka olana amin’ ny evekako?”

Mety hitaintaina ianao raha hiresaka amin’ ny evekanao momba ny zavatra izay manahirana anao ary fombanjavatra izany. Mitaintaina foana isika alohan’ny hiaina zavatra vaovao na alohan’ny firesahana amin’ ny olon-dehibe iray.

Kanefa voantson’ Andriamanitra ny evekanao. Voantso izy satria mpanaradia mahafatra-po an’i Jesoa Kristy izy. Hanao izy tratan’ny heriny izy mba ho tsara fanahy sy hahatakatra ny fahatsapanao. Ny tanjony dia ny hanampy anao hanatona ny Mpamonjy mba hahafahanao mahita fiadanana. Amin’ ny voalohany dia mety ho sadaikatra ianao ny hiresaka aminy momba ny fanontanianao na ny fahotanao, nefa tsy hihevitra anao ho toy ny tsinontsinona izy. Raha ny marina dia ho faly izy noho ny fanirianao hivoatra. Ary hotazoniny ho tsiambaratelo ny resakareo.

Tsy mila mitondra irery ny enta-mavesatrao ianao. Hanampy anao hahita ny valin’ireo fanontanianao izy ary, raha toa ka ilaina izany dia, hanampy anao hibe-baka sy handresy ireo fahatsapana ho meloka, ny famoizam-po, na ny tsy fahamendrehana amin’ ny alalan’ny Sorompanavotan’i Kristy.

Rehefa miresaka amin’ ny evekanao ianao, dia ho tsapanao ny fitiavany anao. Na dia ny paroasy na ny sampana manontolo aza no iandraiketany, dia ny mahasoana ny zatovolahy sy ny zatovovavy no tena imasoany. Tsy manelingelina azy akory ianao raha mangataka fanampiana avy aminy.

Afaka mangataka hery sy risimpo amin’ ny Ray any an-danitra ianao mba hiresahana amin’ ny evekanao. Nomeny fahefana hanampy anao ny evekanao ary vonona ny hanao izany ny evekanao. Raha mandeha amin’ ny fo mahitsy sy amin’ ny faniriana ho tonga tsaratsara kokoa ianao, dia ho hitanao fa hahatsapa tena maivana be noho ny teo aloha ianao rehefa miala ny biraony.

Tsy hihevitra anao toy ny tsinontsinona izy

Nomena fahefana hitarika anao amin’ireo dingan’ny fibebahana ny evekan’ny paroasinao. Indraindray ny firesahana amin’ ny evekanao no lalana tokana hahafahanao mibebaka tanteraka amin’ ny alalan’ny Mpamonjy. Rehefa nila niresaka tamin’ ny evekako aho dia nanampy ahy hitady ny Mpamonjy izy ary nanampy ahy handresy ny ratra lalina indrindra nananako hatramin’izay. Te hanampy anao ny evekanao. Ny mikarakara anao no antsony, ary tsy hihevitra anao ho toy ny tsinontsinona izy noho ny zavatra izay mila resahanao aminy. *Nosoratan’i D., 18 taona, Utah, Etazonia*

Vonona ny hanampy anao ny evekanao

Tsy mahazo aina aho taloha mandritra ny dinidinika, tsapako anefa taty aoriana fa vonona hatrany hanampy ahy hamaha ny olako ny evekako. Matokia ny evekanao; mpiandry ondry izy ary ny paroasy no andian’ondry. *Nosoratan’i Jaime R., 19 taona, Cochabamba, Bolivie*



Tsy hamadika ny fitokisanao izy

Nahazo fijoroana ho vavolombelona aho fa ny eveka angamba no olon-dehibe mendri-pahatokisana indrindra azon’ny zatovo angatahina fanampiana. Tsy hamadika na oviana na oviana ny fitokisanao izy—ny zavadrehetra noresahinao taminy dia hijanona ho tsiambaratelo. Tena sarotra indraindray ny mizara ny olanao, nefa lasa mora be izany rehefa olona tia sy miraharaha ary mikatsaka izay tsara ho anao no iresahanao mifanatrika. *Nosoratan’i Nicole S., 18 taona, Etazonia*

Nosoratan’i Nicole S., 18 taona, Etazonia



Afaka miantehitra aminy ianao

Mpanompo mahatokin'ny Tompo ny eveka na ny filohan'ny sampana misy anao. Afaka miandrindra fitarihana aminy ianao rehefa mikatsaka fitaomam-panahy avy amin' ny Fanahy Masina sy ny Soratra Masina. Tokony ho takatrao fa eo ny eveka mba hanampy ary tarihin'Andriamanitra izy.

Nosoratan'i Stanislav R., 19 taona, mipetraka any Donetsk, Ukraine



Tsarovy fa tia anao izy

Raha toa ianao ka manana zavatra tena tianao resahana amin' ny eveka, dia mety ho mora kokoa izany raha miresadresaka aminy momba ny fianarana sy zavatra hafa mahazatra aloha. Raha mitaintaina ianao noho ny tsy maintsy hiresahanao aminy resaka fibebahana, dia tsarovy fotsiny fa tia anao izy. Tsy mila mitaintaina akory ianao ny amin'izay mety ho eritrerintiny momba anao, satria inona moa no antony tokony hankahalany anao raha fanirianao ny hanakaiky bebe kokoa an'i Kritsy?

Nosoratan'i Ashley D., 17 taona, Arizona, Etazonia



Mivavaha dia ho Fantatrao

Manontania tena hoe nahoana ianao no tsy mahazo aina rehefa miresaka amin' ny eveka. Mihevitra ve ianao fa tsy ho afaka hanampy anao hamaha ny olanao izy? Mivavaha dia ho fantatrao fa tia anao ny eveka ary nantsoina izy mba hanampy anao.

Nosoratan'i Adam H., 13 taona, Californie, Etazonia

Na dia manao hadisoana aza ianao Mety ho sarotra sy mahasadaikatra ny mibaboka amin' ny eveka, kanefa hahatsapa tena ho maivana ianao rehefa mivoaka izany birao izany, ary ho fantatrao fa tia anao ny Ray any an-danitra. Tiany ho faly ianao, na dia manao hadisoana aza.

Nosoratan'i Amanda W., 16 taona, Utah, Etazonia

Eo izy hanampy

Ny eveka no mpiandry ondrin'ny paroasy misy anao. Tsarovy fa hanao izay tsara indrindra vitany izy hanampiana anao ary manana ny herin'Andriamanitra izy momba azy. Raha matahotra ianao dia afaka mivavaka mba hahazo hery hahafahanao miresaka amin' ny evekanao. Amin' ny farany dia ho faly ianao satria nanatona azy—ary tsy ho very maina izany.

Nosoratan'i Samuel H., 14 taona, mipetraka any Idaho, Etazonia

Ho fampahalalana bebe kokoa momba ity lohahevitra ity dia jereo ny C. Scott Grow, "Nahoana aho no mila manao fibabohana amin' ny evekako?" Liahona, ôkt. 2013, 59.



MIRESAHA MITOKANA AMINY

"Mitadiava torohevitra amin'ireo mpitarika ao

amin' ny fisoronana, indrindra fa ny eveka. Mahafantatra ireo fenitra izy, ary hainy ny zavatra tokony hampianarina anao. Mitadiava fotoana iresahana aminy. Ampoizo fa mety hametraka fanontaniana mivantana sy hentitra izy. Matokia azy. Miresaha mitokana aminy. Angataho izy mba hanampy anao hahatakatra ny zavatra andrasan'ny Tompo aminao. Manaova fanolorantena hiaina mifanaraka amin' ny fitsipiky ny Fiangonana momba ny fitondrantena. Ny fifandraisana akaiky amin'ireo olon-dehibe mpitarika dia tena manan-danja amin' ny fanampiana anao hitoetra ho madio arapitondrantena sy ho mendrika."

Ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin' ny Kôlejiny Apôstôly Roambifolo, "Purity Precedes Power," Ensign, nov. 1990, 37.

FANONTANIANA HO AVY

"Voarabiraby aho any an-tsekoly noho izaho Olomasin'ny Andro Farany. Fantatro fa mila miaro ny zavatra inoako aho, kanefa mafy be izany! Inona no tokony hataoko hananako fahasahiana hiteny amin'ireo olona ireo mba hampitsahatra izany?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin' ny 1 Mey 2015 ao amin' ny liahona.lds.org (tsindrio ny "Submit Your Work"), amin' ny alalan'ny email ao amin' ny liahona@ldschurch.org, na amin' ny alalan'ny taratasy (jereo ny adiresy ao amin' ny pejy 3).

Tsy maintsy hita ao amin' ny e-mail na taratasy alefanao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireto sy ny fanomezan-dalana: (1)anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3)paroasy na sampana, (4) tsatoka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin' ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

Mety ho asam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

Fantatr'i Ellie ny maherifony, fa matahotra be izy ny hiteny izany.

Iza no

Nataon'i Charlotte Mae Sheppard
Nalaina avy tamin' ny tantara marina

"Mijoroa amin' ny feon'ny fieritreretanao, ny voninahitrao, ny finoanao; mijoroa tahaka ny maherifo"
(Chants Pour les Enfants, 80).

Nanaikitraikitra ny hohon-tanany sady mieritreritra mafy i Ellie. Nitety ny laharan-dabilio Madama Fitz ka name-traka fanontaniana iray isaky ny ankizy tsirairay.

"Iza no maherifonao? Hoy Madama Fitz tamin'i Jeremy.

Tsy nihambahamba akory i Jeremy namaly. "Ny dadako!" hoy izy kevoka ery.



maherifonao?

Nitsiky Madama Fitz. “Ary ny anao, ry Sarah?”
Vetivety kely no nanomezany ny valiny. “Abraham Lincoln.”

Nidobodoboka aoka izany ny fon'i Ellie rehefa n-nohy nidina nanesy laharana mpianatra Madama Fitz. Maherifo foana no noresahan'izy ireo ny manontolo andro, ary izao dia tokony hilaza ny maherifony ny rehetra—eo anoloan'ny mpianatra rehetra!

I Amber sy i Justin dia nilaza fa ny renin'izy ireo no maherifony. Ny dadabeny kosa ny an'i Walter. Ankizy vitsivity no nilaza hoe mpanjaka na filoham-pirenena ny azy.

Mpianatra vitsy monja sisa tavela dia ho tonga eny amin'i Ellie Madama Fitz. Mila mieritreritra maherifo iray izy—ary mila manao izany faingana.

Niondrika nijery ny kirarony i Ellie, sady sahirantsaina. Tsy olana ny fieritreretana olona mahery fo iray. Efa fantany ny maherifony. I Jesoa Kristy izany. Nanasitrana ny marary Izy, nampitsangana ny maty, ary nanonitra ny fahotan'ny rehetra. Izy no mahery fo lehibe indrindra niaina hatramin'izao! Matahotra loatra fotsiny izy ny hiteny izany.

Lasa nikaikikaikitra ny hohon-tanany indray i Ellie noho ny fieritreretany hoe hanambara amin'iray kilasy fa i Jesoa Kristy no maherifony. Dia ahoana raha hihomehezan'i Jeremy izy? Dia ahoana raha hibitsibitsika momba azy ry Sarah sy Amber rehefa avy mamaly izy?

Mazava ho azy fa fantany fa i Jesoa Kristy no maherifony. Fa tsy midika akory izany fa tokony ho fantatry ny olona hafa rehetra koa izany.

Nijanona nanoloana ny latabatr'i Ellie

tsara sady nitsiky Madama Fitz. “Ary iza no maherifonao ry Ellie?”

Nanopy ny masony teny amin'ireo mpianatra teo amin' ny laharan-dabilio akaikiny hatrany amin'i Madama Ellie izy. “Abraham Lincoln,” hoy izy nibitsibitsika.

Nitsiky Madama Fitz. “Tsara!” hoy izy sady nandeha nankeo amin' ny mpianatra manaraka tao amin'ilay laharana.

Nidina toy ireny afa-doza ireny ny sorok'i Ellie vao lasa izy. Misaotra an'Andriamanitra fa vita aloha ny amin'iny. Ny zavatra farany nila nataony dia ny nampahafantatra ny iray kilasy fa ny maherifony dia i—

“Jesoa Kristy,” hoy ny feo iray.

Nihiratra ny mason'i Ellie raha nitraka nijery izy. Nisy—ankizy lahy kely iray mikorontam-bolo—nipetraka lavida-vitra kely fotsiny tamin' ny laharana nisy azy. Mahia sady saro-kenatra izy, ary mipetraka any amin' ny seza faran'ny efitrano fianarana foana. Tsy fantatr'i Ellie akory ny anarany. Tsy mbola tadidiny ho niteny na dia indraim-bava akory aza izy—hatramin'izay.

Ankizy vitsivitsy no nitodika nibanjina tany amin'ilay ankizilahy, fa tsy tsikariny ireo. Nijery an'i Madama Fitz fotsiny izy dia niteny indray. “I Jesoa Kristy no maherifoko.”

Nitsiky tamim-pifaliana Madama Fitz no nanohy nitety ny laharana. Fa i Ellie kosa nijery ilay ankizilahy tamim-pahatalanjonana. Natahotra nilaza tamin' ny rehetra momba ny maherifony izy, kanefa ilay ankizilahy tsy natahotra. Tsy mivavaka any amin' ny fiangonana misy azy akory anefa izy! Kanefa nahafantatra ny maha-zavadehibe ny mijoro ho ohatra ho an'i Jesoa Kristy izy, na dia sarotra aza izany.

Nitsiky tamin'ilay ankizilahy i Ellie. Tsy hatahotra ny hiteny ny maherifony intsony izy. Raha ny marina dia misy roa izao ny maherifony. ■

Mipetraka any Washington, Etazonia ny mpanoratra.



Ny vavaka sy ny katedraly

Nosoratan'i McKelle George

Niainga tamin' ny tantara marina

“Fa mpianatro hianareo, raha mifankatia” (Jaona 13:35).

Niandrindra nijery i Dani fa mbola tsy afaka nahita ny tampon'ilay katedraly tsara tarehy ihany. Olona avy amin' ny fiangonana hafa no tonga teo. Tsy fantatr'i Dani hoe maninona no andro zoma no itsidihan'ny fianakaviany io fiangonana io, saingy niteny i Dada hoe handeha ho any amina zavatra antsoina hoe Even-song hono ry zareo.

“Inona koa izany?” Hoy i Dani.

“Fivoriana ahitana olona mihira, mamaky soratra masina, sy miaramivavaka izany,” hoy i Dada. “Tahaka ny fianakaviana lehibe rehefa hariva ny andro.”

Toa tian'i Dani sahady izany. Nitsidika an'i Angletera izy sy ny fianakaviany. Nankany amin' ny paroasy tany amin' ny tanàna lehibe nantsoina hoe York ry zareo tamin' ny alahady farany teo. Hain'ny ankizy rehetra tao amin' ny Kilonga ireo soratra masina sy hira hain'i Dani. Fantany fa ilay paroasy notsidihany dia anisan'ny Fiangonana marin'i Jesoa, mitovy amin' ny paroasy any aminy ihany.

Fa ity katedraly ity kosa dia tena niavaka tamin' ny nahazatra azy. Nahatsikaritra latabatra kely feno labozia izy. Nodinihan'i Dani ilay ankizilahy kely iray izay nandrehitra labozia iray.

“Fa maninona ianao no mandrehitra labozia?” Hoy i Dani nanontany azy.

Nitsiky ilay ankizilahy. “Mandrehitra labozia iray aho rehefa mangataka zavatra iray manokana.





“Tokony ho tia ny olon-drehetra isika, hahay hihaino, ary haneho fahalianana amin-kitsimpo mikasika ny zavatra inoan’izy ireo.”

Ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin’ ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo, “Fitiavana ny Hafa sy Fiainana ao anatin’ny Fahasamihafana,” *Liahona*, nòv. 2014, 25.

Manantena aho fa ho ren’Andriamanitra foana ilay vavaka raha mbola mirehitra koa ny labozia.”

Labozia ohatra ny mahazatra no fahitan’i Dani ireo labozia. Sahiran-tsaina kely izy, kanefa te hahalala fomba. Nitsiky tamin’ily ankizilahy izy.

Nipetraka i Dani sy ny fianakaviany, dia nanomboka avy hatrany ny Evensong. Hitany teny amin’ ny laharan-tseza vitsivitsy lavidavitra kely ilay ankizilahy teo. Avy eo vao tonga saina izy fa tsy nisy hainy na dia iray aza ny hira noventsoin’ny rehetra. Namaky boky kely izy ireo rehefa nivavaka. Toa hafa amin’ ny mahazatra azy ny zava-drehetra.

Kanefa tsara ilay mozika, na dia tsy mitovy amin’ ny mahazatra aza. Nitsangana hamaky soratra masina ny lehilahy iray avy eo. Nanao akanjo mirebareba be izy raha toa ka tokony ho pataloha sy palitao ary karavato tahaka ny an’i evekan’i Dani. Fa vao nanomboka namaky izy dia fantatr’i Dani fa hainy ilay tantara! Namaky momba an’i Jesoa nanasitrana ireo boka 10 izy.

“Dada a!” hoy i Dani nibitsibitsika, “Tiako izay tantara izay.”

Nitsiky i Dada. “Izaho koa tia izay tantara izay.”

Nanonona vavaka avy eo ilay lehilahy manao akanjo lava be. Nangataka an’Andriamanitra izy hitahy ireo marary sy sahirana. Mitovy tamin’ ny nataon’i Dani! Nangataka fitahiana manokana ho an’ireo mpitarika ao amin’ ny fiangonany ihany koa izy. Tsaroan’i Dani fa nangataka

foana ny Ray any an-danitra ny fianakaviany mba hitahy ny Filoha Thomas S. Monson sy ireo mpanolotsainy.

Nisy fahatsapana hafanana tonga tao am-pon’i Dani. Fantany fa niteny tamin’ny Ray any an-danitra fa tiany *avokoa* ny zanany rehetra ary heinoiny *avokoa* ny vavaka rehetra ataony, na dia mivavaka amina fiangonana hafa aza izy ireo ary na tsy manana ny fahafenoan’ny filazantsara aza.

Raha nitsangana handeha izy ireo, dia nijery ny findainy i Dada. Nalahelo ny endriny raha namaky ny hafatra azony izy. “Maty ny rahavavy Monson,” hoy izy.

“Oay!” Nivavaka haingana tao am-pony ho an’ny Filoha Monson i Dani mba tsy haninona.


“Ao tsara ve ianao?” hoy ny olona iray nanontany. Ilay ankizilahy teo aloha ilay izy. Henony i Dani teo, ary toa nitaintaina izy.

“Maty ny rahavavy Monson,” hoy i Dani. “Vadin’ny mpaminanay izy, ny Filoha Monson.”

“Mampalahelo izany,” hoy izy tamin-katsaram-panahy. “Handrehitra labozia iray ho azy aho.”

Nitsiky i Dani ary nisaotra azy. Feno hatsaram-panahy tokoa ilay ankizilahy hoy izy tany an’eriterynoho izy nanao vavaka manokana ho an’ny Filoha Monson. Fantany fa horenesin’ny Ray any an-danitra ny vavaka noteneniny tao am-pony ary ny vavak’ily ankizilahy koa. ■

Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.





Nosoratan'ny Loholona Russell M. Nelson


Ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Vavolombelona manokan'i Jesoa Kristy ireo mpikambana ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.


Nahoana no tena manan-danja ny MANKATÒ?




Mitonda fitahiana foana ny fitandremana ny didy!



Miteraka fahaverezan'ny fitahiana foana ny tsy fankatoavana ny didy!




Na dia "fanaon'ny rehetra" aza izany, ny diso dia tsy ho marina na oviana na oviana.



Mamela ny finoanao hiseho ianao rehefa mankatò an'Andriamanitra.

“Ity no andro
nataon’i Jehovah;
hifaly sy ho
ravoravo amin’izao
isika.”

—Salamo 118:24



SARY NATAONI MATT SMITH

Nanasitrana boka iray i Jesoa



Nosoratan'i Erin Sanderson

Mieritrereta fotoana iray namparary anao. Nisy olona naneho hatsaram-panahy ve nanampiana anao ho salama kokoa?

Ao amin' ny Testamenta Vaovao isika dia mamaky momba an'i Jesoa Kristy naneho hatsaram-panahy tamin'olona narary. Indray andro nisy lehilahy iray voan'ny aretin-koditra manaintaina antsoina hoe leprosis (habokàna) nanatona an'i Jesoa. Fantany fa manana ny fahefana hanasitrana ireo rehetra izay marary i Jesoa. Nino izy fa afaka hanasitrana azy i Jesoa. Nokasihini Jesoa ilay boka ary hoy Izy, "Madiova hianao" (Marka 1:41). Vantany vao niteny izany i Jesoa dia sitrana ilay lehilahy.

Afaka manaraka ny dian'i Jesoa isika amin' ny alalan'ny fanehoana hatsaram-panahy sy fitiavana amin' ny hafa izay marary na malahelo. ■

Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.

SOSKEVITRA HO AN'NY RE-SADRESAKY NY MPIANAKAVY

Azonareo ampiasaina ny sary nalaina avy tamin' ny soratra masina hita ao amin' ny pejy 74 hitantarana ny tantara avy ao amin' ny Marka 1:40–42. Avy eo afaka mamaky ny Joda 1:22 ianareo dia manao drafitra ny amin' ny fomba hataon'ny fianakaviana mba hitondrana fiovana eo amin' ny fiainan'ny olona iray. Mety afaka manampy olona iray mangingina ianareo!

Hira: "Raconte-moi les histoires de Jésus"
(*Chants pour les Enfants*, 36).

Soratra masina: Marka 1:40–42


Horonantsary: Midira ao amin' ny [Biblevideos.org](https://www.biblevideos.org) raha hijery ny "Jesus Heals a Lame Man on the Sabbath" sy ny "Jesus Heals a Man Born Blind."



MANARAKA NY DIAN'I JESOA

Milalaova tantara an-tsehatra kely miaraka amin' ny fianakavianao izay mampiseho ny fomba hanehoanao fitiavana amin' ireo izay miaina ao anatin' ireto toe-javatra ireto.

Forony amin' ny alalan' ny toe-javatra iainanao manokana ny sasany.



Misy fianakaviana iray vao nifindra teo amin' ny manodidina anay.

Misy ankizy sasany ratsy fanahy amin' ny ankizy iray hafa any am-pianarana.

Misy mpitsidika iray tsy mahafantratra na iza na iza ao am-piangonana tonga ao amin' ny Kilonga.

Tsy manana na iza na iza ilalaovana ny zandrinao lahy na ny zandrinao vavy.

Mitomany ny zazakely, nefa sahirana mahandro sakafo ny reninao.

Misy olona iray marary ao amin' ny paroasy na sampana misy anao ka tsy afaka miala ao an-trano izy.

MIANARA BEBE KOKOA: IREO FILAZANTSARA


Ny Testamenta Vaovao dia manana boky efatra miavaka antsoina hoe ireo Filazantsara, izay nosoratan' ny sasany tamin' ireo mpianatr'i Jesoa. Ireo Filazantsara ireo dia mitantara momba ny fotoana niaina-n'i Jesoa Kristy teto an-tany. Ilay tantara momba ny fanasitranana ilay boka iny dia hita ao amin' ny telo amin' ireo Filazantsara. Hita izany ao amin' ny Marka 1:40–42 ary koa ao amin' ny Matio 8:2–4 ary Lioka 5:12–14.

FANAMPIANA OMEN'NY SORATRA MASINA: FITADIAVANA TENY

Ao amin' ny Marka 1:41 dia ampiasaina ny teny *fangorahana*. Indraindray dia misy teny sarotra izay mety tsy takatrao ao amin' ny Baiboly. Afaka mampiasa ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ianao hanampy anao rehefa hitanao fa tsy hainao ny teny iray! Ohatra, azonao tadiavina ny teny hoe "Fangorahana" hahafantaranao ny dikany sy hahitanao soratra masina hafa izay mampiasa izany. Inona koa ireo teny hafa azonao tadiavina ao amin' ny tantara momba an'i Jesoa nanasitrana ilay lehilahy boka?

Nanasitrana ny marary i Jesoa Kristy

Marka 1:40–42; Lioka 4:38–40




Vahoaka

Apetaho taratasy matevina na baoritra ity pejy ity. Hetezo avy eo ireo sary ary apetaho amina tsorakazo kely na amina harona vita amin' ny taratasy. Ampiasao ireo ilalaovana tantara avy ao amin' ny Testamenta Vaovao. *Afaka mahazo tahadika maromaro atao printy ianao ao amin' ny liahona.lds.org.*



Jesoa Kristy



Boka



Rafozambavin'i Petera



Loholona
Claudio D. Zivic
 Ao amin' ny
 Fitopololahy

Ny LALANA marina



“Mandrenesa ny tenin’ily Andriamanitra izay nanao anareo” (FGF 43:23).

Taona maro lasa izay izaho sy ny fianakaviako no nitsidika ny valan-javaboahary Arches National Park any Utah, Etazonia. Anisan’ireo andohalambon-tany tsara sy malaza indrindra ao amin’ily valan-javaboahary ny Delicate Arch ary nanapa-kevitra ny hihanika ilay tendrombohitra izay hahatongavana eny amin’ily andohalambon-tany izahay.

Feno fientanentanana izahay raha nanomboka ny dianay, saingy rehefa nandeha kelikely dia nila naka aina ny hafa. Noho ny faniriako te ho tonga eny, dia nanapa-kevitra aho ny hanohy irery ny dia. Tsy dia nandinika loatra ny lalana izay tokony halehako aho fa nanaraka ny dian’ny lehilahy iray teo alohako izay toa nandroso tamim-pahatokian-tena be.

Nanomboka nihasarotra hatrany ny lalana. Azoko antoka fa tsy ho vitan’ny fianakaviako ilay lalana. Tampoka

teo dia tazako ny Delicate Arch, saingy tsy nampoiziko fa teny amin’ ny toerana tsy nisy fomba nahafahako mandeha eny no nisy azy. Tsy nitondra ahy teny amin’ily andohalambon-tany ny lalana nizarako.

Feno fahasorenana aho ka nanapa-kevitra hiverindalana. Tsy andriko izay nihaonana indray tamin’ily vondron’olona nisy ahy. Nohazavain’izy ireo fa nanaraka ireo toromarika manondro ny lalana izy ireo, ary rehefa nitandrina sy niezaka dia tojo tany amin’ ny toerana nokasainy hahatongavana. Nampalahelo fa diso lalana aho. Lesona lehibe no nianarako tamin’io andro io!

Aza miala amin’ ny lalana mankany amin’ ny fiainana mandrakizay miaraka amin’ ny Rainao any an-danitra. Araho ireo fitsipiky ny filazantsara sy ny didy ianaranao, dia ho eo amin’ ny lalana marina mitondra anao hiverina hiaina miaraka Aminy mandrakizay ianao. ■

From “Aoka Isika Tsy ho Diso Lalana,” Liahona, mey 2014, 39–41.

Fantatro fa tia ahy i Jesoa

Nosoratan'i Jane McBride Choate





Niainga tamin' ny tantara marina

Niezaka mafy haneho fanajana ao am-piangonana i Laney. Saingy vizaka izy ka te hanetsiketsika mafy ny tongony.



Rehefa tapitra ny Fanasan'ny Tompo dia nosokafan'i Laney ny bokiny momba an'i Jesoa. Hitany ilay sarin'i Jesoa miaraka amin'ireo ankizy kely. Nampitony sy nampifaly azy ilay sary.

Ao amin' ny pejy 79 ny tohin'ny tantara.



1-Hetezo manaraka ity tsipika ity.



Ny Bokiko momba an'i JESOA

8 *Fantatro fa tia ahy ny Mpamonjy ahy Nosoratan'i Tami Jeppson Creamer sy Derena Bell.*

1

5 *Tsy nikasika Azy aho na koa nipeetraka teo am-pofaony, kanefa tsapako ny fisiany.*

4 *Fantatro fa mitovy tamin' ny fitavany an'ireo zaza madinika ireo ny fitavany ahy.*

4



3-Aforeto manaraka ity tsipika ity.

4-Hetezo manaraka ity tsipika ity.

2-Aforeto manaraka ity tsipika ity.




② *Taloha ela be teo amin' ny toerana mahafinaritra iray dia tafavory nanodidina an'i Jesoa ny ankizy maro be.*



⑦ *Atolotro ho Azy ny foko. Fantatro fa tia ahy ny Mpamonjy ahy.*

③ *Nitahy sy nampianatra azy ireo izy raha nahatsapa amin' ny fityany izy ireo. Samy nahita ny ranomaso teo*



⑥ *Fantatro fa velona izy! Hanaraka Azy amim-pahatokiana aho.*



Aforeto

Aforeto



Rehefa tapitra ny fivoriana Fanasan'ny Tompo dia nanontany ny reniny izy hoe: “Fa maninona no mora kokoa ho ahy ny maneho fanajana rehefa mamaky ilay bokiko momba an'i Jesoa aho?”

“Raha ny eritreritra dia satria mampahatsiahy anao ny halehiben'ny fitiavan'i Jesoa anao ilay izy,” hoy ny reniny.

Nanetsika ny lohany i Laney ho fanekenany izany. “Mieritreritra ve ianao fa fantatr'i Jesoa fa tiako koa Izy?” hoy izy nanontany.

Nofihinin'i neny i Laney. “Eny, azoko antoka fa fantany izany.” ■



Mipetraka any Washington, Etazonia ny mpanoratra.

Ity volana ity dia manamarika ny faha-100 taonan'ny namporisihan'ny Fiadidiana Voalohany ny mpikambana mba hanao takarivan'ny mpianakavy. Ity sombin-dahatsoratra manaraka ity dia nalaina avy tamin' ny taratasin'ny Fiadidiana Voalohany izay mampahafantatra momba ny takarivan'ny mpianakavy. Navoaka tamin' ny Aprily 1915 izany ary navoaka tao amin' ny Improvement Era tamin' ny jona 1915 (pejy 733-34). Nohavaozina ny sorabaventy sy ny mari-isoratra.

Ry Rahalahy sy Rahavavy Malala: Manoro hevitra ny Olomasin'ny Andro Farany izahay hitandrina bebe kokoa ny didin'ny Tompo nomena ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana faha 68 manao hoe:

“Ary ankoatra izany, raha manan-janaka ao i Ziona na any amin' ireo tsatòkany izay voatsangana ny ray aman-dreny ka tsy mampianatra azy hahazoany ny fotopampianarana momba ny finoana an' i Kristy, ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahana-tanana, rehefa feno valo taona izy, dia mby eo amin' ny lohan' ny ray aman-dreny ny fahotana; . . .

“Ary hampianariny ny zanany ny hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan'ny Tompo” [Jereo F&F 68:25-28].

Ny ankizy ao Ziona dia tokony hitandrina bebe kokoa ny didin'ny Tompo izay nomeny ireo loholona ao Israely ka naverina notenenina amin' ny Olomasin'ny andro Farany indray:

“Manajà ny rainao sy ny reninao mba ho lava ny andronao eo amin' ny tany izay omen'ny Tompo Andriamanitrao anao” [Eksodosy 20:12].

Mihatra amin-kery lehibe amin' ny Olomasin'ny andro Farany ireo fanambarana ireo ary takina amin' ny ray aman-dreny ato amin'ity Fiangonana ity ny hampianarany sy hampiharany ireo didy ireo ao an-tokantranony.

Noho izany antony izany dia manoro hevitra sy manao antso avo manerana ny Fiangonana manontolo izahay mba hanaovana ny “takarivan'ny mpianakavy” ho fotoana hamorian'ny ray aman-dreny ny zanany lahy sy ny zanany vavy manodidina azy ao an-tokantranony ka hampianarany azy ireo ny tenin'ny Tompo. Afaka ny hianatra bebe kokoa momba ny zavatra ilaina sy ireo zavatra takin'ny fianakaviany izy ireo noho izany, afaka ny hifankahazo am-po

100 TAONA NANAOVANA takarivan'ny mpianakavy



ihany koa izy samy izy ary ireo zanany dia hifankazatra bebe kokoa amin' ny fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ity takarivan'ny mpianakavy ity dia tokony hifantoka amin' ny vavaka, fihirana hira masina, hira, filalaovana zava-maneno, famakiana soratra masina, firesahana lohahevitra miompana amin' ny fianakaviana, sy fampianarana manokana miompana amin'ireo fitsipiky ny filazantsara sy ireo olana mateti-pitranga eo amin' ny fiainana, ary koa, ireo adidy aman'andraikiry ny zanaka amin' ny ray aman-dreny, ny tokantrano, ny Fiangonana, ny

fiaraha-monina, ary ny firenena. Azo ampianarina tsianjery, hira, ary kilalao sahaza ny taonany ireo ankizy madinika. Azo atao koa ny mandroso sakafo maivana izay azo karakaraina tsara ao an-trano.

Tokony ho sorohina amimpahamalinana ireo fombafomba raiki-tapisaka, ary tokony handray anjara amin' ny asa atao rehetra ny fianakaviana.

Ireny fivoriana ireny dia hanome laka ny fifampitokisana eo amin' ny ray aman-dreny sy ny zanaka, mpirahalaha sy ny mpirahavavy sy ny mpianadahy, ary koa ho fotoan'ny teny fampitandremana, fananarana, sy torohevitra avy amin' ny ray aman-dreny ho an'ny zanany lahy sy ny zanany vavy. Hanome fahafahana ho an'ny zanakalahy sy ny zanakavavy izany hanehoany fanajana ny rainy sy ny reniny ary hanehoan'izy ireo fankasitrahana noho ireo fitahiana azony ao an-tokantrano mba ho tanteraka ara-bakiteny amin'izy ireo ny fampanantenan'ny Tompo ka hohalavaina ny androny ary hampifaliana izy ireo. . . .

Izahay . . . dia mamposirika ny tanora hijanona ao an-tranony mandritra izany takariva izany ary hifofotra mafy mba hahatonga izany ho fotoam-pianarana, maha-soa, ary mahaliana tokoa.

Raha mankatò ity torohevitra ity ny Olomasina dia mampanantena izahay fa hisy fitahiana lehibe haterak'izany. Hitombo ny fitiavana ao an-tokantrano sy ny fankatoavana ny ray aman-dreny. Hitombo ao am-pon'ny tanora sy ny zatovo ao Israely ny finoana ary hahazo hery izy ireo hia-diana amin' ny fitaoman-dratsy sy ny fakam-panahy manodidina azy ireo.

Ny rahalahinareo,
JOSEPH F. SMITH
ANTHON H. LUND
CHARLES W. PENROSE
Fiadidiana Voalohany ■

HEVI-BAOVAO MANAITRA



Ahoana no ataoko mba hahatonga ny takarivan'ny mpianakavy ho laharam-pahamehana?

“Eo am-panaovanareo izay hampatanjaka ny fianakavianareo sy hampisy fiadanana dia tadidio . . . ny takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro. Tandremo ny takarivan'ny mpianakavinareo mba tsy ho lasa hevitra tonga tampoka ao an-tsaina fotsiny ao anatin'ny andro iray feno firotoroana. Manapaha hevitra fa hiaraka ao an-trano ny fianakavianareo amin' ny takarivan'ny Alatsinainy. Aza avela ho manan-danja kokoa noho ny fotoana iarahanareo amin' ny fianakavianareo ao an-tokantrano ny zavatra takin'ny asa, na ny fanatanjahantena, na ny hetsika hafa, na ny enti-mody na ny zavatra hafa na inona na inona izany. Tsy manan-danja noho ny fotoana natokana ho an'izany izay mety ho endrikendry ny takarivanareo. Sady tokony hampianarina amin' ny fotoana efa natokana tsara ho an'izany sy amin' ny fotoana tsotsotra rehetra ny filazantsara. Ataovy lasa traikefa manan-danja ho an'ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana izany.”

Ny Loholona Richard G. Scott ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, “Ataovy Voalohany amin' ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana,” *Liahona*, nòv. 2014, 94.

Hita ao amin'ity Laharana ity koa

HO AN'NY TANORA

MANDROSOA AMIM- **pinoana**

Ireo hevi-baovao efatra nalaina tamin' ny fiaina-
n'i Nefia ireo dia afaka manome fahatokian-tena
anao amin' ny fandraisana fanapahan-kevitra ho
an'ny tenanao manokana.



p.44

HO AN'NY ZATOVO



p.50

NOHO I **JOSEPH**

Inona no mampiavaka ny fiainanao noho
ny Mpaminany Joseph Smith? Diniho ireto
fomba enina ireto.

HO AN'NY ANKIZY

FANTATRO FA TIA AHY I JESOA

Manaova kiboky ho anao manokana
hanampy anao haneho fanajana
mandritra ny fotoam-bavaka.



p.76



NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY